# *Ny Fonenana Ho Avin'Ny Mpampakatra Any An-danitra Sy Ny Ampakarina Eto An-tany*

Ndao isika hijanona hitsangana vetivety, raha manondrika ny fontsika eo anatrehan'Andriamanitra isika ankehitriny.

2 Rainay any An-danitra, mankasitraka tokoa izahay ny amin'ny tombontsoa amin'ny maha-eto androany, miangona miaraka amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Mivavaka izahay mba Hamelanao ireo fahotanay, ary satria eto izahay hanodina ny fifantohanay mankany amin'ireo zavatra Mandrakizay sy ilay Fiainana izay mipetraka any ankoatr'ity fahatakarana mety maty ity. Ankehitriny dia mivavaka izahay mba Hanomezanao anay an'ireo Fitarihanao, ny amin'ny hoe ahoana no tsy maintsy itodihanay, inona no tsy maintsy hataonay amin'ny ho avy, ary na dia ao amin'izao ankehitriny izao mihitsy aza, mba hahazo an'ilay toerana izay misy anay . . . efa nampanantenaina.

3 Misy maro no marary sy manana ilaina eto amin'ny firenena, ary tsy nahafeno ny diany izy ireo. Ary ny fahavalonay lehibe, tsy hoe fahavalonay fotsiny ihany, fa Fahavalonao, dia tonga mba hanafika azy ireo sy mba—mba hampijanona ny fiainany, ary mba handefa azy ireo any amin'ny—ny fasana mialohan'ny fotoana. Ary mangataka ho azy ireo izahay, androany, mba Ianao sy ny Famindramponao ary ny fahasoavanao, Tompo, no hanalava ny andron'izy ireo hatrany amin'ilay fotoana voatendry.

4 Mipetraka eto ambonin'ny lampihazo, na ny polipitra, indro mipetraka eto ireo mosara sy fonosan'entana. Ary eo amin'ny lalantsara sy manerana ny toerana, dia misy an'ireo eo amin'ny fandrian'ny marary, fitondrana marary, marary sy ory, mitsangana ao amin'ny mpanatrika miaraka amin'ny tanjaka zara raha ampy hitsanganana.

5 O Andriamanitra Mandrakizay, Tokana Finaritra, enga anie Ianao handre ny vavakay izao maraina izao, amin'ny alàlan'ny Ràn'ny Tompo Jesosy; tsy mijery ny helokay, fa mahafantatra kosa fa Izy no nitsangana teo amin'ny toeranay, ary Izy no Tokana izay misolo tena anay ho an'izao vavaka izao. Enga anie

ny isanisany sy ny tsirairay avy ho sitrana ho an'ny Voninahitrao, Tompo.

6 Tahio ireto mosara ireto. Rehefa apetraka eo amin'ilay marary izy ireo, dia enga anie izy ireo ho sitrana.

7 Ary ankehitriny, Ray, mandra-piandrinay an'ilay asampanasitranana lehibe, izay inoanay fa hanaraka, dia vakio aminay ny làlan'ny Fiainana, Tompo, mba hahafantaranay amin'ny alàlan'Ny Teninao izay tokony hataonay. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

8 Tahaka ny isan'andro, izao dia heveriko ho ny anankiray amin'ireo tombontsoako ambony indrindra, dia ny tonga ato an-tranon'Andriamanitra ka hiresaka amin'ny Vahoakany. Ary fantatro ankehitriny fa tena tery, nefa manana lesona iray tena lava aho. Noho izany aho dia . . . Izaho—matoky aho fa—fa hahazo aina ianareo, arak'izay mety haha-izy anareo, mandrapahavitantsika an'ilay Hafatra.

9 Ankehitriny, mafana ny andro, saingy mankasitraka an'ireo fampangatsiahan-drivotra isika. Fa, ny vondrona iray amin'izao hahalehibeny izao, dia tsy hisy fampangatsiahan-drivotra afaka hahasahana azy, hitanareo, satria ny vatanareo manokana dia zavatra mpamokatra iray, eo amin'ny valo amby sivifolo degre, ary mamoaka hafanana tsy ankitsahatra izany, sy ny miaramipetraka mifanakaiky. Fa izaho—matoky aho fa hanao anareo hahazo aina arak'izay Vitany Andriamanitra.

10 Ary rehefa ato isika, nanao fanangonana tahaka an'izao, izaho—izaho dia tsy ho nanao anareo ho tonga, mihitsy, raha tsy nihevitra aho fa hanampy anareo izany, raha tsy nihevitra aho fa hanao anareo ho tsara izany, ary mba hanararaotanareo an'izany, amin'ny fahatongavana. Ary avy eo, eo am-pahafantarana ihany koa fa tsy manana betsaka hanaovana an'izao intsony koa isika, fa isika dia—isika dia tonga eo amin'ireo—ireo tena ora famaranana mihitsy, ka izaho—izaho dia te-hanao ny fotoana rehetra ho voaisa, izay vitako, ho an'Ny Fanjakany. Ary matoky aho ankehitriny fa hitahy antsika ny Tompo Andriamanitra raha mivory isika.

11 Ary te-hilaza aminareo aho, fa, nandeha tany amin'ny toerana samihafa aho omaly, nijery ny sasany tamin'ireo marary sy ory, tany amin'ireo tranom-bahiny, ary tsy maintsy nihaona tamin'ny sasany tamin'ireo mpitantana aho tamin'ity herinandro ity, ny sasany tamin'ireo toerana fihinanana. Ohatra, tany amin'ny Ranch House aho tamin'ity herinandro ity, eto akaiky eto, ary nandray ny tànako ilay mpitantana raha nanomboka nivoaka izahay. Ary nilaza izy, niantso ahy izy hoe, "Rahalahy Branham." Nanontany aho hoe ahoana no nahafantarany ahy. Ary nilaza izy . . .

Hoy aho hoe, "Ianao ve no mpitantana?"

12 Hoy izy hoe, "Izaho no tompony." Koa noho izany dia hoy izy hoe, "Hia, tonga teto ny olonao mba hihinana, avy tany." Hoy izy, "Izy ireo . . . "

Ary hoy aho hoe, "Eny, ataoko fa nanafotra anao izy ireo."

13 Hoy izy hoe, "Tompoko, izany no iray amin'ireo andian'olona tsara indrindra izay hany hitako." Hoy izy hoe, "Tena mahafinaritra izy ireo."

14 Nandeha tao amin'ny tranom-bahiny iray aho omaly, mba hijery ramatoa tanora iray izay tiako hiresahana, nanatrika teo ny rainy sy ny reniny, ary tsy maintsy nandeha tany amin'ilay mpitantana aho hahita hoe aiza ilay—ilay tra- . . . ilay efitra izay misy azy ireo.

15 Hoy izy hoe, "Fa ianao ve no Rahalahy Branham?" Tany Oaks izany.

Ary hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

16 Hoy izy hoe, "Te-handray ny tànanao aho." Nilaza izy . . . Nampahafantatra ahy tamin'ny vadiny izy; mpivady tena mahafinaritra. Hoy izy ireo hoe, "Ny olona rehetra ato amin'ity tranom-bahiny ity dia manatrika an'ireo fivorianao. Natokanay ho azy ireo izany." Dia hoy izy, "Nolavinay ireo mpanjifanay hafa rehetra."

Ary hoy aho hoe, "Eny, misaotra anao ny amin'izany."

17 Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, ny iray amin'ireo andian'olona mahafinaritra indrindra izay hany hitako, dia ireo olona izay tonga eto, izay manatrika an'ireo fivorianao."

18 Nandeha tany amin'ny sakaizako iray aho omaly hariva, Atoa. Becker eto, ary efa tiako foana ny mofony misy hena. Izy dia tena . . . Izy, fantatro izy fony aho zazalahy iray; fantatro izy tamin'ny fiainako rehetra. Nisy mpivady nipetraka teo avy tany amin'ny—ny toerana tranainy, tany Riverside Hotel tany. Noho izany izy ireo . . . Hoy Atoa. Becker hoe, "Billy?"

19 Hoy aho hoe, "Misy inona, Homer?" Mifankahafantatra tsara mihitsy izahay.

Hoy izy hoe, "Namahana ny olonao rehetra aho tany."

20 Teo amin'ny roanjato teo, na tahaka an'izany, isaky ny Alahady, no mihinana any amin'ny Blue Boar. Ary na aiza na aiza alehako, dia mandre filazana aho ny amin'ny hoe mahafinaritra toy ny ahoana ianareo.

21 Hoy ity lehilahy ity hoe, "Tany amin'ny—ny Riverview tany," hoy izy, "dia feno olona manatrika ny fivoriana io toerana rehetra io." Hoy izy, "Misy an-jatony no tsy ho tafiditra."

22 Noho izany, ny tahaka an'izany, ho ahy dia ianareo no siran'ny tany. Izaho—tena mankasitraka aho ny mahafantatra fa manana an'ilay tombontsoa hitory teny amin'ny olona aho ka na dia ireo mpanota sy ny olona aza . . . Tsy milaza aho fa

mpanota ireo olona ireo, fa ny tiako ho lazaina dia ireo olona izay, ny asa sy ny sisa, izay afaka milaza fa olona mahafinaritra iray ianareo, ary mankasitraka anareo ao amin'ny asany izy ireo, manerana ny toerany. Fantatrareo, izany no atao hoe mamy sira. Mankasitraka an'izany aho, ny fitondran-tenanareo, ny fomba izay ikarakaranareo zavatra.

23 Nilaza foana aho hoe, "Raha miditra ny anankiray ka tsy manao, tsy manana vola hikarakarana ny faktiorany, dia antsoy fotsiny aho." Hitanareo? Hoy aho hoe, "Hanao zavatra iray mikasika an'izany izahay." Ary nilaza aho hoe, "Fahano foana izy ireo, na manam-bola na tsia." Hitanareo, azo atao ny zavatra rehetra.

24 Tsapako fa zanako ianareo. Ianareo no—ianareo no kintana izay izaho...Raha mba manana anankiray aho rehefa tonga any, dia ho ianareo io vatosoa io, ilay ampahany mamiratra, ao amin'ny—ao amin'ny satroboninahitry ny asam-panompoako. Rehefa asiana satroboninahitra izany, dia ho ianareo io vatosoa io.

25 Ary efa niteny taminareo aho, tamin'ireo andro lasa, mikasika an'ireo Tombokase Fito, ireo Taonan'ny Fiangonana, ary ireo zavatra izay—izay niseho.

26 Ary ankehitriny, izao maraina izao, dia manana lohahevitra tena lehibe aho. Ho ahy, dia tena anankiray feno fitahiana izany. Manantena aho fa handona anareo tahaka an'izany koa ilay izy. Ary raha afaka manome fotsiny an'izany ao amin'ilay tsindrimandry izay nandraisako azy aho, dia ho mahafinaritra, saingy hiankina amin'Andriamanitra ny fanaovana an'izany.

27 Efa niteny taminareo aho mikasika ny hoe *aiza* sy *inona* no mitranga, ary hitantsika miseho ireo zavatra rehetra ireo.

28 Ankehitriny dia hiresaka aho, izao maraina izao, eo amin'ny: *Ny Fonenana Ho Avin'Ny Mpampakatra Any An-danitra Sy Ny Ampakarina Eto An-tany,* izay hiainan'izy ireo. Ary, satria, matoky aho fa nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra dia ampahany iray amin'izany fananan'Andriamanitra izany isika rehetra.

29 Ary ankehitriny izaho—matoky aho fa hiaritra miaraka amiko ianareo, manana ny Baibolinareo, ny pensilinareo, na inona na inona ataonareo mba hamaky miaraka amiko, satria hitodika amin'ny Soratra maro aho. Hiezaka aho ny hahavita ara-potoana tsara mba hanaovana vavaka ho an'ny marary; ary nampanantena an'izany aho. Niditra, nivavaka nandritry ny vetivety kely farany, tao amin'ireo efitra sy nanerana, ho an'ireo izay saiky tsy manana fanampiana sy tsy manana fanantenana intsony.

30 Ary, raha sitraky ny Tompo, dia hanana fotoana hafa iray aho angamba amin'ny faha-enina ambin'ny folo, vavaka ho an'ny marary fotsiny angamba.

31 Manomboka ny fakan-drivotro aho ankehitriny. Hatramin'ny Janoary lasa, dia efa nanao dia aho, ary miverina eto. Handeha fotsiny aho, tsy maintsy hitondra ny fianakaviako ho any Tucson ny maraina, ary avy eo dia hiverina indray aho handany ny fotoana eto Kentucky, miaraka amin'ny sasany amin'ireo sakaizako, hihaza, ary hihaza vontsira, mandritry ny herinandro vitsivitsy, na angamba fito na valo, folo andro, na inona na inona ilay izy, raha tsy hoe mitarika ahy any an-kafa any ho any ny Tompo. Tsy fantatro mihitsy, izay hisy anareo fotsiny; tsy fantatsika mihitsy izany, satria eo an-tànan'Andriamanitra izany, Andriamanitra irery.

32 Ankehitriny ho an'ity lohahevitra lehibe ity, isika—isika . . . Ataoko, fa raha haka ny fotoanako eo amin'ity aho, satria tsy maintsy mampiditra zavatra betsaka ianareo, dia hila herinandro maro izany. Saingy efa nandray naoty Soratra sasantsasany aho, naoty sasantsasany, mba hikasihana fotsiny an'ireo hevi-dehibe an'izany, eo amin'izay hahafahany mampianatra anareo.

33 Avy eo tsy ho ela, angamba, raha sitraky ny Tompo, amin'ny Oktobra, tsy fantatro hoe rahoviana, fa na oviana na oviana no Hanomanany, dia tiako ny hanana ny—ny andro vitsy, an'ny fivoriana tsy ankitsahatra fotsiny, eo amin'ny toko faha-12-n'ny Apokalypsy, mba hampitohy miaraka amin'ity eto ity. Oh, mino aho fa ho lehibe izany. Ho izany mihitsy ilay izy. Ho lehibe ny hahita hoe ahoana no Nataony.

34 Avy eo, tonga miaraka isika ankehitriny, nilaza aho omaly hariva, hoy aho hoe, "Fantatrareo, rehefa izaho . . . " Amin'ny maraina, tahaka ny maraina rehetra, dia mieritreritra aho hoe, "Rehefa tonga eto aho, dia hiarahaba ny tsirairay avy amin'ireo sakaizako izay any." Ankehitriny ahoana no hanaovako an'izany?

35 Ny manana miaraka amiko eto, ohatra ny sakaizako tsara, Dokotera Lee Vayle mipetraka eto aoriana eto, ny vadiny sy ny zananivavy maha-te-ho tia. Ary Rahalahy Roy Borders, ary, heveriko, Rahalahy Ruddell, Rahalahy Beeler, sy Rahalahy Palmer, ary Rahalahy Jackson. Fa, oh, oadray, ny—ny . . . Ireo rahalahy malala avy any amin'ireo ampahany samihafa rehetra! Rahalahy Anthony Milano, ary, oh, na aiza na aiza jerenareo, dia mahita rahalahy hafa iray ianareo! Avy any Arkansas any, tsy afaka mieritreritra ny anaran'izy ireo aho; Rahalahy John, Rahalahy Earl Martin, sy Rahalahy Blair. Ary, oh, misy fotsiny . . . ianareo . . . Tsy misy farany fotsiny ilay izy, hitanareo. Tena faly aho manana vondrona iray tahaka an'izao miangona manodidina ahy rehefa mampianatra eo amin'ny Tenin'Andriamanitra aho, ireo lehilahy izay heveriko fa lehilahy mahery fo, tena lehilahin'Andriamanitra.

36 Mankasitraka aho ny amin'ity tabernakla kely ity. Mankasitraka aho ny amin' ireo varavarany dimy misokatra ho an'ny besinimaro. Ny varavarana tsirairay. . . Manana diakona efatra isika eto, lehilahy feno ny Fanahy; mpitantandraharaha efatra, lehilahy feno ny Fanahy. Izany hoe roa isaky ny varavarana. Ary misy varavarana roa eo aloha, ho an'ireo pasitera roa, ireo mpiandry ondry.

37 Faly izahay manana anareo; mankasitraka an'Andriamanitra ny amin'izao. Enga anie Izy hitahy anareo mandrakariva.

38 Ankehitriny dia te-hitsangana vetivety isika, raha mamaky ny Petera Faharoa ny toko faha-3, ary koa ny Bokin'ny Apokalypsy 21.

39 Raha mitsangana izahay, O Tompo, dia fenoy hafaliana ny fonay nohon'ny famakiana Ny Teninao, mahafantatra fa Jesosy no nilaza, hoe, "Ny Lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho diso mihitsy." Fantatray indray fa Izy no nilaza hoe, "Tsy maintsy tanteraka ny Soratra rehetra." Ary raha mamaky an'ireto zavatra ireto izahay, dia enga anie izahay hahazo fahazoana avy Aminao, ilay ora izay iainanay. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, ilay Mpanoratra ny Boky. Amena.

40 Petera Faharoa 3.

> *Ity epistily faharoa ity, ry malala, no soratako ho aminareo ankehitriny; ao amin'izy roa no hamohazako ny sainareo madio amin'ny alàlan'*ny *fomba fampahatsiarovana:*
>
> *Mba hahatsiarovanareo ny teny izay efa voalazan'ny mpaminany masina tany aloha, sy ny amin'ireo* didy *ny amintsika apostolin'ny Tompo sy Mpamonjy:*
>
> *Fantatrareo ilay voalohany, fa hisy mpaniratsira amin'ny andro farany, mandeha araka ny filàny,*
>
> *Ary manao hoe, Aiza ny teny fikasana ny amin'ny fihaviany?* (Raha tsy izany no mitovy amin'io vehivavy tsy mahatoky io ao amin'ny. . .). . . *hatrizay nodian'ny razana mandry, dia mitohy tahaka ny tany amin'ny fanombohan'ny famoronana ny zavatra rehetra.*
>
> *Fa minia jamba izy ireo ny amin'izany, fa tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra dia efa nisy hatramin'ny ela ny lanitra, ary ny tany nivoaka avy tao amin'ny rano sy tao anatin'ny rano:*
>
> *Fa izao tontolo izao tamin'izany dia, rehefa safotry ny rano, levona:*
>
> *Fa ny lanitra sy ny tany, izay* misy ankehitriny, *dia hazonin'izany teny izany ihany ao amin'ny fitehirizana, voatokana ho amin'ny afo amin'ny andro fitsarana sy* ny *fandringanana ny olona tsy masina.*

*Nefa, ry malala, aoka tsy ho tsy mahalala ny amin'izao zavatra iray izao, fa ny indray andro amin'ny Tompo dia toy ny arivo taona, ary ny arivo taona toy ny indray andro.*

Ankehitriny, *ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany, araka izay ataon'ny olona sasany ho fahelany; fa mahari-po amintsika izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba* ho *tonga amin'ny fibebahana ny rehetra.*

*Fa ho avy tahaka ny mpangalatra amin'ny alina ny andron'ny Tompo; amin'ny . . . ka ny lanitra* sy ny tany, miaraka amin'ny tabataba mafy . . . *dia ho lasa miaraka amin'ny tabataba mafy, ka hiempo amin'ny hafanana mahamay ireo tenan'ny zavatra,* ary *ny tany ihany koa sy ireo asa eo aminy dia* hodorana.

*Koa amin'izany raha ho levona ireo zavatra rehetra ireo, dia* olona *tokony hanao ahoana* isika *amin'ny fitondran-tena masina rehetra sy toe-panahy araka an'Andriamanitra,*

*Manantena* ny *fahafainganan'ny fihavian'ny andron'Andriamanitra, izay hahalevona ny lanitra amin'ny afo, ka hiempo amin'ny hafanana mahamay ireo tenan'ny zavatra?*

*Kanefa isika, araka ny teny fikasany, dia manantena lanitra vaovao sy tany vaovao, izay itoeran'ny fahamarinana.*

*Koa amin'izany, ry malala, satria* isika *manantena an'izany zavatra izany, dia aoka hazoto mba* tsy ho hita ianareo . . . *ho hita ao aminy amin'ny fiadanana, tsy misy pentina, ary* tsy misy tsiny.

*Ary* ekena *fa ny fahari-pon'*ny *Tompo no famonjena; tahaka ny malalantsika aza . . . Paoly . . . araka ny fahendrena nomena azy* no *nanoratany ho anareo;*

*Tahaka ihany koa . . . an'ireo epistiliny rehetra, miteny ao amin'izany ny amin'*ireo *zavatra; . . . izay misy* matetika *sarotra ho azo, izay* itoloman'*ireo izay tsy nianatra sy tsy miorina, aolany, tahaka—tahaka ny anaovan'izy ireo an'ireo soratra hafa, ho an'ny fahaverezany manokana.*

*Noho izany ianareo, ry malala, satria fantatrareo izany zavatra izany taloha, dia mitandrema fandrao ianareo koa, ho voataonan'ny . . . fahadisoan'ny ratsy fanahy, ho lavo hiala amin'ny . . . iorenanareo.*

*Fa mitomboa amin'ny fahasoavana, . . . ao amin'ny fahalalana* ny *Tompo sy Jesosy Kristy Mpamonjy. Ho azy anie ny voninahitra ankehitriny sy mandrakizay. Amena.*

41 Ankehitriny ao amin'ny—ny Apokalypsy an'i Kristy, ao amin'ny toko faha-21, vakiako ireo Teny ireo.

> *Ary nahita lanitra vaovao sy tany vaovao aho: fa efa lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany; ary ny ranomasina dia tsy* nisy *intsony.*
>
> *Ary izaho Jaona dia nahita ny tanàna masina,* ilay *Jerosalema vaovao, nidina avy tamin'Andriamanitra any an-danitra, voaomana tahaka ny ampakarina efa mihaingo ho an'ny vadiny.*
>
> *Ary nahare feo mahery avy tany an-danitra aho nanao hoe, Indro, ny tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary izy* dia *hitoetra eo amin'izy ireo, ary izy ireo ho olony, ary Andriamanitra izy tenany no hiaraka amin'izy ireo, ary ho Andriamaniny.*
>
> *Ary ho fafan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra eo amin'ny masony; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy* alahelo, *na fitarainana, sady tsy hisy fanaintainana intsony: fa* efa *lasa ny zavatra taloha.*
>
> *Ary hoy ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana hoe, Indro, havaoziko ny zavatra rehetra!. . .hoy izy tamiko, Soraty: fa marina sy mahatoky ireo teny ireo.*
>
> *Ary hoy izy tamiko hoe, Tanteraka izany. Izaho no Alfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana.* Ary *izaho no hanome maimaimpoana ho an'izay mangetaheta avy amin'ny* loharanon*'ny ranon'aina.*
>
> *Izay maharesy no handova an'ireo zavatra rehetra ireo; ary ho Andriamaniny aho, ary izy ho zanako.*

Ndao isika hivavaka indray.

42 Tompo Jesosy, miaraka amin'ny teny fikasana iray tahaka an'izany sy fitenenana hentitra tahaka an'izany araka ny nomen'i Jesosy Izy tenany sy ilay apostoly anay mikasika ny ora izay anatonanay, dia omeo anay, O Tompo, ny avy amin'ny Fitarihanao, mba hahafantaranay hoe ahoana no hanatonana an'izany ao amin'ilay fomba mety. Satria, avy izany, fantatray. Tsy maintsy tanteraka ireo Soratra, ary ho tahaka an'izany ilay izy. Ary ankehitriny, Tompo, mangataka ny Famindramponao indray izahay ho eo aminay rehetra, raha mianatra Ny Teninao izahay. Miaraha aminay ary sokafy ho anay Izany, Tompo, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

Afaka mipetraka ianareo.

43 Ankehitriny, manontany aho raha mety hisy fomba iray izay angamba, angamba ahafahan'izy ireo mamono an'ireo jiro ao amin'ilay efitrano lehibe, ka mamela fotsiny an'ireo izay eto amin'ny lampihazo eto, izay mety ho tsaratsara kokoa angamba, sady hanala ny herinaratra sasany. Efa saiky nandoro milina

manome herinaratra iray izahay, indray hariva. Ary raha hanao an'izany ho antsika ilay mpiandraikitra, dia hankasitrahantsika ny hanao an'ireo jiro eny amin'ny farany, ireo jiron'ny efitrano lehibe, ho faty. Ary noho izany dia heveriko fa hanana efitra maro ianareo mba hahita, hanoratana.

44 Ankehitriny, lohahevitra iray indray, mba hilazana azy, hoe isika dia manatona ny—ny lohahevitra hoe: *Ny Fonenana Ho Avin'Ny Mpampakatra Any An-danitra Sy Ny Ampakarina Eto An-tany*.

45 Ankehitriny satria efa nisy. . .Tsy maintsy hanao an'izao fotsiny aho. Mafana loatra fotsiny eto ambony eto, hitanareo. Eny, tompoko. Satria isika. . .Fantatro fa tsy tian'ny vadiko hanao an'izany aho; saingy, hoe, manala ny palitaoko. Mafana loatra fotsiny eto ambony eto. Hitanareo, ianareo eo dia mahazo rivotra, fa misaraka ao anatina fefy kely iray fotsiny ilay izy eto, hitanareo. Ankehitriny, amin'ny—amin'ny ho avy, na . . .

46 Tamin'ny lasa, raha ny marina, dia nianatra isika an'*Ireo Tombokase Fito, Ireo Fiangonana Fito*. Rahalahy Vayle sy izy ireo dia miasa eo amin'izany ankehitriny, am-pahatokiana, mba hanao azy ireo ao amin'ny endrika boky.

47 Ary eo am-pahitana fa miseho ireo zavatra mahagaga rehetra izay hitantsika ireo, noho izany dia heveriko, rehefa avy nahazo an'izany, ao amin'ny ora izay iainantsika, sy ny toerana; tsy misy anankiray izay te-hipetraka amin'ny tena halalin-tsaina ary handinika an'izay voateny, sy izay nampanantenaina hitranga, ary izay nitranga, afa-tsy ny hilaza fa tanteraka ireo zavatra ireo. Hitanareo? Izay nolazain'Andriamanitra fa Hataony marina tokoa, dia Nataony ara-bakiteny marina mihitsy izany. Hitanareo?

48 Ankehitriny, heveriko fa ao amin'ity, hoe, tsy fantatsika hoe fotoana inona no mety hisehoan'ny Tompo Jesosy, dia nihevitra aho fa ho tsara, toa nahafaly ny Fanahy Masina ny hiresahantsika eo amin'ity, noho izany; ary hiverina amin'izany indray angamba, indroa na intelo, satria tsy hanana fotoana ampy hitondrana an'ity rehetra ity aho.

49 Satria eo amin'izay hikasihanareo ny—ny lohahevitra iray izay mety hahatafintohina olona iray, dia tsy afaka mitondra azy amin'ny fomba rehetra hanaovana azy hazava ianareo, avy eo dia miverina indray mba hahazo an'ilay lohahevitra manaraka.

50 Ary noho izany atsy ho atsy, ao amin'ny. . .raha sitraky ny Tompo, dia hiditra ao amin'ny tombokase faha-12 isika, na tsy. . .Mamelà ahy. Ny toko faha-12-n'ny Apokalypsy, izay mipetraka eo anelanelan'ny Fihavian'ny Tompo sy ny famaranana an'ireo Trompetra, sy ny sisa. Hiezaka isika ny hamerina an'izany, haneho hoe iza moa i Satana, ary inona no nataony, avy taiza izy, inona no tanjony, ary ahoana fa io

hatsaran-tarehy izay nomena azy io no niteraka ny fahalavoany. Ny famitahany no nanao azy ho lavo; hatsaran-tarehy.

51 Avy eo, ahoana ilay tsy fahavitan'ny olona mihitsy izay te-handinika azy tsara, ilay "taranaky" ny menarana. Hanao fihaikana iray eo amin'izany aho, ho an'ny olona iray, hitanareo, izay te-handinika an'izany, miaraka—miaraka amin'ny fahazoana tsotra tanteraka fotsiny. Afaka mahita an'izany ny zaza anankiray. Hitanareo? Ankehitriny, ary ho tonga eo amin'izany isika atsy ho atsy.

52 Ankehitriny, mahazo isika eto fa ireto Soratra roa ireto . . . Ny antony namakiako ny Petera Faharoa ny toko faha-3, sy nampitahako azy tamin'ny Apokalypsy 21, izy roa eto dia samy miresaka lohahevitra iray ihany, saingy i Jaona dia tsy—tsy nanoratra azy mihitsy tahaka ny nanoratan'i Petera. Hitanareo? Mahazo isika fa io Fonenana lehibe an'ny Ampakarina io dia tsy maintsy ho eto an-tany eto.

53 Ary ankehitriny raha mamaky ianareo, tahaka ny toko 21, toko faha-21-n'ny Apokalypsy, nilaza eto ilay apostoly, na nilaza ilay mpaminany, hoe, "Nahita Lanitra Vaovao sy Tany Vaovao aho." Toy ny hoe hisy fandringanana iray ho avy.

54 Ankehitriny, ny fomba ahitako ny Hafatro foana dia amin'ny alàlan'ny vavaka. Hipetraka ao amin'ny vavaka aho ary misy zavatra iray manambara amiko. Ary miandry minitra vitsy eo amin'izany aho ka mijery raha marina ilay izy, amin'izay fotoana izay dia mahatsapa an'ilay izy akaikikaiky kokoa aho. Ary avy eo indraindray dia manohy miandry aho mandra-pivadik'izany ho fahitana iray. Fa rehefa manomboka tonga izany, ka afapo aho fa avy amin'Andriamanitra ilay izy, amin'izay fotoana izay dia mandeha ao amin'ny Soratra aho. Hitanareo, Izany dia, tokony ho ny fanamarinana ny zavatra ara-panahy rehetra izay vita, satria ny Baiboly dia ny fanambarana feno an'i Jesosy Kristy; hitanareo, Izany dia Ny Vatany.

55 Ary ankehitriny, ao amin'izany, angamba mahita toerana iray aho ao amin'ny Soratra izay toy ny tsy marina fotsiny, ary hanontany aho. Miverina mivavaka indray aho. Tonga indray Izany. Amin'izay fotoana izay aho—amin'izay fotoana izay aho dia manomboka mba—mba handinika ny Soratro.

56 Ankehitriny, voasoratra amin'ny teny Anglisy ny Baibolintsika, ary ireo teny Anglisy dia miova, foana. Ohatra, tahaka ny Masindahy Jaona 14, nanao hoe, "Ao an-Tranon'Ny Raiko dia misy fitoerana maro," fitoerana iray ao anatin'ny trano iray. Eny, amin'izay fotoana izay, ianareo, ny hanaovanareo an'izany amin'izay fotoana izay, dia ny mitondra an'izany miverina mankany amin'ny—mankany amin'ny tany amboalohany ary mijery izay tian'i James lazaina, na miverina mankany amin'ny Hebreo, na mankany amin'ny Grika, avy amin'ilay fandikana voalohany. Ary izao no voalaza ao hoe,

"Ao amin'ny Fanjakan'Ny Raiko dia misy lapa maro." Eny, amin'izay fotoana izay, raha miverina any amin'ny fotoana izay nandikan'ireo mpandika ho an'ny King James ianareo, ny *fanjakana* dia nantsoina, amin'ny teny Anglisy hoe, ny "trano," ary ny mpanjaka no ray eo ambonin'ireo solontenany. Izay no antony nandikan'izy ireo hoe, "Ao an-Tranon'Ny Raiko dia misy fitoerana maro." Hitanareo? Koa noho izany dia azonareo ireo teny ireo ary tsy maintsy mikaroka azy ireo ianareo.

57 Avy eo, hitanareo, avy amin'izany tsindrimandry izany . . . Ity polipitra ity izao maraina izao, ataoko hoe, tsy nisy na inona na inona hany naha-izy azy na dia indray mandeha aza afa-tsy ny mahitsy, ny Soratra. Tahaka an'izany no nahatongavan'ny *Taranaky ny Menarana* sy ireo zavatra hafa rehetra ireo. Hitanareo? Tamin'ny alàlan'ny . . .

58 Ary izany dia, marina tokoa, raha hamaky fotsiny ny olona iray ka hanao hoe, "Ao an-Tranon'Ny Raiko dia misy fitoerana maro," raha tsy nijanona mba hianatra ianareo, hivavaka, dia hikorontana tanteraka. Hitanareo? Fa manohiza mivavaka fotsiny. Andriamanitra no manao azy ho marina foana, raha avy amin'Andriamanitra ilay izy.

59 Ankehitriny, Jaona dia manazava ny fiovàna sy ny fah- . . . ahoana no mety hahatongavan'izany . . . Tsy manazava an'izany izy, raha ny marina, fa Petera no manazava. Nilaza fotsiny i Jaona hoe, "Nahita Lanitra Vaovao sy Tany Vaovao aho; efa lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany. Tsy nisy ranomasina intsony. Izaho Jaona dia nahita ny Tànana masina nidina avy tamin'Andriamanitra avy any An-danitra, voaomana tahaka ny Ampakarina efa mihaingo ho an'Ny Vadiny." Fa, miverina amin'ny Petera Faharoa isika ankehitriny mba hahita, Petera dia manazava hoe toy ny ahoana no hahatongavan'io ambaratonga io. Ankehitriny, raha hijery an'izay nolazain'i Jaona ianareo, izany dia toy ny hoe, "Satria efa lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany," naringana. Hitanareo, amin'izay fotoana izay, dia toy ny tena hafahafa izany. Koa izany no nandona ahy, ary nanomboka nitady an'ilay teny aho hoe, "lasa." Ary, ankehitriny, fa mazava fa izy roa ireo, ny an'ny apostoly sy mpaminany, dia miresaka ny amin'ilay zavatra iray ihany.

60 Ary ankehitriny, ihany koa, ao amin'ny Bokin'ny Isaia, ankehitriny, ka ianareo izay te-handray naoty an'ireo Soratra ireo, ao amin'ny Isaia 65:17. Isaia, miresaka ny amin'ny Arivo taona, ilay arivo taonan'ny fitsaharana ho—ho an'ny vahoakan'Andriamanitra. Niresaka ny amin'izany Isaia, ka hoy izy hoe, "Izaho . . . Nisy ny . . . Efa lasa ireo zavatra taloha," ary toy ny ahoana no hanorenan'izy ireo trano, hipetraka amin'izy ireny. Raha nanana fotoana isika . . . Angamba haka fotoana fotsiny isika ka—ka hamaky an'izany fotsiny iray minitra, Isaia 65, ary ndao isika hamaky mandritry ny minitra vitsy fotsiny

eto. Ary inty ilay izy, marina, ho antsika. Ankehitriny, mba hanombohana, Isaia 65:17.

> Ary, *indro, izaho mahary lanitra vaovao sy tany vaovao:. . .*

61 Ankehitriny, Isaia, ilay mpaminany, no iray amin'ireo mpaminany izay nanoratra marina tokoa ny Baiboly manontolo tao amin'ny faminaniany. Manomboka amin'ny famoronana izy; ao afovoan'ny Bokiny, eo amin'ny toko faha-40, dia tonga i Jaona Mpanao-batisa, ny Testamenta Vaovao; ary mamarana eto, ao amin'ny Bokiny, ao amin'ny Apokalypsy, ao amin'ny Arivo taona. Misy boky enina amby enimpolo ao amin'ny Baiboly, ary misy toko enina amby enimpolo ao amin'ny Isaia. Nanoratra fitantarana feno izy.

62 Ankehitriny, mahita isika, ao amin'ny toko faha-65 izy ankehitriny, mbola misy toko iray amboniny, ary miresaka ny amin'ny Arivo taona izy. Mariho izany, mahafinaritra toy ny ahoana.

> *. . .indro, izaho mahary* lanitra *vaovao sy. . .tany vaovao: ka tsy hotsarovana ny* zavatra *taloha,* na *ho tonga ao an-tsaina*. (Izany no ho "lasa.")
>
> *Fa aoka—aoka hifaly sy hiravoravo ianareo. . .*na dia *nohon'ny amin'izay* efa nohariako *aza: fa, indro, izaho mahary an'i Jerosalema ho* firavoravoana, *ary ny olony ho fifaliana.*
>
> *Ary hiravoravo amin'i Jerosalema aho, sy ho faly amin'ny oloko: ary ny feon'ny fitomaniana dia tsy ho re ao aminy intsony,* satria*. . .na ny feon'ny fitarainana.*
>
> *Tsy hisy intsony any. . .zaza vao teraka,* sy*. . . lahiantitra izay* tsy nahatapitra *ny androny: fa ho zaza* iray *ihany izay maty na dia zato taona aza;* ary *ny mpanota* iray *dia hahatratra zato taona vao* hozonina. Amin'izany dia. . .
>
> *Ary hanorina trano izy ireo, ka hipetraka amin'izy ireny; ary hanao tanim-boaloboka izy ireo, ka* dia *hihinana ny vokatr'izy ireny.*
>
> Ary *tsy hanorina izy ireo, ka ny hafa no hipetraka;* (izany hoe, ny toeram-pambolenareo, dia ny zanakareo no ho lasa mpandova an'izany, na ny iray amin'ireo mpandova anareo)*. . .tsy hamboly izy ireo, ka ny hafa no hihinana* eo: (manao ny famboleny manokana izy ireo ary mijanona eo; manana ny Fiainana Mandrakizay izy ireo)*. . .fa tahaka ny andron'ny hazo ny andron'ny oloko, ary ny* fanaranam-poko*. . .ny voafidiko dia hanaram-po amin'ireo* asan'*ny tànany.*

*Tsy hisasatra foana izy ireo, na hiteraka ho an'ny loza; fa izy ireo no taranak'izay notahian'ny* T*OMPO, ary ireo* naterany *ho ao aminy.*

63 Mariho ankehitriny, eto no hahatongavako, afaka kelikely.

*Ary izao no hiseho, fa alohan'ny hiantsoan'izy ireo aza, dia hamaly aho; ary raha mbola miteny izy ireo, dia* hihaino aho.

Ary *hiara-komana ny amboadia sy ny zanak'ondry, ary ny liona dia hihinana mololo tahaka* ny *ombilahy:. . . vovoka no ho sakafon'ny menarana.* Ary *tsy handratra izy ireo* na *hanimba ao amin'ny tendrombohitro masina rehetra, hoy ny* T*OMPO.*

64 Teny fikasana iray toy ny inona, avy amin'ireo mpaminany sy olon-kendry malaza, mpampianatra Baiboly, tao amin'ireo andro fahiny tany aoriana tany, nahita an'io Andro be voninahitra io tonga!

65 Amin'ny alàlan'ireo andalana ireo, dia mety hihevitra ny anankiray, na ho voatarika, raha ny marina, mba hino fa ny planeta manontolo, an'ity tany ity, dia ho rava, "Hanao Lanitra Vaovao sy Tany Vaovao Aho," hitanareo, ka ho lasa ny lanitra ary ho lasa ny tany, ringana tanteraka. Fa ny fandinihana akaiky iray, ary miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahy Masina, dia afaka mahita ny Fahamarinan'io isika; ary izany no hidirantsika.

66 Izany dia ireo rivotra manodidina azy fotsiny ihany, sy ny fahotana izay eo ambonin'ny tany, no horavàna. Hitanareo? Ankehitriny, mahalala isika fa ny *lanitra* dia midika hoe ireo "rivotra eny ambony." Hitanareo?

67 Inona no ataon'izany? Amin'izay fotoana izay izany, ireo tsilo, sy aretina, sy fahafatesana, sy politika, sy ny lehilahy mpanota, sy ny vehivavy mpanota, ary ireo fanahy ratsy, dia ho levona tanteraka ary ho ringana. Hitanareo? Tsy maintsy ho tahaka an'izany ilay izy, satria hiaina eto mihitsy isika. Ho porofointsika amin'ny alàlan'ny Baiboly izany. Eto mihitsy isika no hiaina. Mariho ankehitriny, ireo tsilo, mikraoba, ny aretina rehetra sy ny sisa, dia ho esorina tanteraka. Io rehetra io, ny fisiany izay eto an-tany ankehitriny, ireo rafitra nataon'olona, politika, fahotana, ireo karazana fanahy ratsy rehetra izay nahazo an'izao tontolo izao, ary ny lanitra rehetra eto ambonintsika eto, dia azon'ny fanahy ratsy. Ankehitriny handeha lalina sy lava isika, ao amin'io, hitanareo.

68 Io rehetra io dia misy any amin'ny lanitra, na ireo rivotra, ary ny tany izay misy ankehitriny. Mihazona an'ireo zavatra ireo ity tany ity, nefa tsy natao ho an'izany tanjona izany izy. Ny fahotana no nanao azy ho tahaka an'izany. Hitanareo? Nataon'Andriamanitra izy, ilay Mpamorona. Saingy ny rehetra . . .

69 Ary ny vatantsika rehetra, izay ipetrahantsika ankehitriny, dia napetraka teto ambonin'ny tany rehefa namorona azy Andriamanitra, satria avy tamin'ny vovon-tany ianareo. Napetraka teto daholo izy. Rehefa namorona azy Andriamanitra Izy tenany, dia efa tao anatin'ny Fisainany ianareo. Ary tao Aminy, ilay Mandrakizay Lehibe, no nisy ny fisainana, izay ny Toetrany.

70 Ary ny fahotana ankehitriny no nanao an'io rehetra io hitranga. Ary Andriamanitra, amin'ny alàlan'izao taona izao, dia manangona ny Fitaovany.

71 Mbola eto Satana. Izany no antony itrangan'ireo zavatra rehetra ireo. Mbola eto izy, ary mbola eto ireo hery ratsiny rehetra. Mariho, izany no mahatonga ny tany ho tena maloto. Izany no mahatonga an'ireo zavatra mahatsiravina sy mahatsikaiky miseho; fandatsahan-drà, ady, politika, fahotana, fijangajangana, ireo karazana fahalotoana rehetra izay miseho, dia satria io Satana io no mpanapaka ny tany sy izao rivotra izao.

Hoy ianareo hoe, "Ny riv- . . .?" Eny, tompoko!

72 Ny lanitra sy ny tany dia samy azon'ireo devoly izay afaka miampanga antsika eo anatrehan'Andriamanitra. Eo Jesosy mba hanelanelana ho antsika. Hitanareo? Raha mbola manohy manondro rantsan-tànana iray ireo mpiampanga hoe, "izy ireo dia nanao an'*ity,* izy ireo dia nanao an'*ity,* izy ireo dia nanao an'*ity,*" saingy mbola manarona foana ilay Rà. Tonga Izy hanavotra an'io Voafidy izay Hitany mialoha io. Izany no mahatonga an'ilay izy ho tena maloto amin'izao andro izao.

73 Eto, ilay apostoly, ao amin'ny Petera Faharoa eto, ny toko faha-2, sy ny faha-5 ary ny . . . ary ny andininy faha-5 sy faha-6. Eny, ananako izany. Manondro an'ireo ambaratonga telon'ny tany izy. Hitanareo, izy—izy dia maka ambaratonga telon'izany. Mariho hoe ahoana no itondrany azy ireo.

74 "Ilay tany fahiny dia nivoaka avy tao amin'ny rano," ankehitriny, izany ilay tany talohan'ny safo-drano.

75 Ankehitriny, ilay anankiray izay misy, ilay tany ankehitriny izay iainantsika izao, dia nantsoiny hoe ny "tany" izany.

76 "Ilay tany fahiny izay nivoaka avy tao amin'ny rano," Genesisy 1:1. Ankehitriny ary ilay "tany" izay misy ankehitriny izao. Ary avy eo, indray, dia manondro anankiray hafa izy, "ilay tany izay ho avy," ilay Tany Vaovao. Tany telo; ambaratonga telon'ny tany.

77 Ary mariho hoe toy ny ahoana no anaovan'Andriamanitra mazava amintsika ny Drafi-panavotany. Oh, nampientana ny foko mihitsy izao rehefa nahita an'izany aho, ahoana no Anaovany mazava amintsika eto ankehitriny ny Drafi-panavotany. Ankehitriny dia ampitahao izay hitantsika

amin'ny masontsika manokana. Izay nataon'Andriamanitra mba hanavotana ny Taniny, dia nanao an'ilay drafitra iray ihany Izy mba hanavotana ny Olony, satria tsy manova na inona na inona na zavatra iray ao amin'ny Drafiny mihitsy ilay Andriamanitra tsy miova. Tena zavatra lehibe iray!

78 Ahoana no Nitarihany antsika ho amin'ny Tenany, ho ao amin'ny tabernakely iray ao anatintsika, tamin'ny alàlan'ny ambaratonga telon'ny fahasoavana; tahaka ny Nitarihany ny tany tao anatin'ny ambaratonga telo mihitsy, mba ho tonga eto amin'izao tontolo izao. Tahaka ny hahatongavan'Andriamanitra eto amin'izao tontolo izao rehefa avy nandalo ambaratonga telo samihafa an'ny fanadiovana izy, dia toy izany marina tokoa no Ahatongavany amintsika amin'ny alàlan'ny ambaratonga telon'ny fahasoavana. Nampianatra an'izany aho tany ampiandohana; tsy mbola nanova mihitsy aho, hatramin'izay. Izany no Tenin'Andriamanitra.

79 Tsy maintsy mihazona an'ireo telonareo miaraka ianareo, ireo fitonareo, ireo roa ambin'ny folonareo. Tsy maintsy mandeha tanteraka ireo isa an'ny Baiboly fa raha tsy izany dia hanao ny sarinareo hifangaro ianareo. Raha tsy afaka mahazo an'ilay izy ianareo, dia manohiza mivavaka fotsiny. Mandinika ianareo, dia hitsofoka mihitsy izany, marina tokoa. Tanteraka ao amin'ny telo Andriamanitra. Hitanareo?

80 Mariho, "ilay tany fahiny," ilay talohan'ny safo-drano; ilay "tany" izay misy ankehitriny; ary ilay Anankiray izay ho avy.

81 Ankehitriny, ny ambaratonga voalohany izay Itarihany antsika ho. . . Hitanareo, ny Drafi-panavotany dia iray ihany marina tokoa amin'ny zavatra rehetra. Mampiasa an'ilay fanao iray ihany Izy. Tsy miova mihitsy Izy. Nilaza Izy, ao amin'ny Malakia 3 hoe, "Izaho no Andriamanitra, ary tsy miova Aho." Ny fomba Anaovany azy, noho izany, raha namonjy an'ilay olona voalohany izay hany Novonjeny Izy, tamin'ny alàlan'ny Rà nalatsaka an'ny Anankiray tsy manan-tsiny, dia tsy maintsy hamonjy an'ilay anankiray manaraka Izy; ary tsy maintsy ho tahaka an'izany ny tsirairay avy izay Vonjeny.

82 Raha nanasitrana olona iray Izy tamin'ny fotoana rehetra nandritry ny diam-piainana; na tamin'ny andron'i Jesosy izany, ireo apostoly, ireo mpaminany, na oviana izany na oviana; rehefa ireo fepetra iray ihany ireo no tanteraka, dia tsy maintsy manao an'izany indray Izy. Marina izany. Tsy miova Izy. Ny olona no miova, ny fotoana no miova, ny taona no miova, ny fizaram-potoana no miova, fa Andriamanitra mijanona ho tsy miova. Tanteraka Izy. Fanantenana iray toy ny inona no tokony homen'izany ho an'ny olona marary!

83 Raha mba nanasitrana olona iray Izy, dia tsy maintsy manao an'izany indray Izy rehefa ireo fepetra iray ihany ireo no tanteraka. Izy raha mba, mba namonjy olona iray, dia tsy

maintsy manao an'izany eo amin'ireo fototra iray ihany izay Nanaovany azy tamin'ny voalohany Izy. Raha mba nameno olona iray tamin'ny Fanahy Masina Izy, dia tsy maintsy manao an'izany eo amin'ireo fototra iray ihany izay Nataony tamin'ny voalohany Izy. Raha mba nanangana olona iray avy tao ampasana Izy, dia tsy maintsy manao an'izany fanindroany Izy, ary amin'ny fotoana hafa rehetra, eo amin'ilay fitsipika iray ihany.

84 Tsy miova Izy. Oh, fanantenana iray toy ny inona no omen'izany ho ahy! Inona izany? Tsy ao amin'ny foto-kevitra iray nataon'olona, zavatra iray izay ikambanan'ireo vondron'olona; fa Ny Teniny tsy miova.

Hoy ianareo hoe, "Izany ve no Fahamarinana?"

85 Hoy Izy hoe, "Aoka ny tenin'olona rehetra ho lainga, fa ny Ahy ho marina." "Fa ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho diso mihitsy." "Ny Soratra rehetra dia nomena tamin'ny alàlan'ny tsindrimandry, noho izany dia tsara sy mahasoa ho foto-pampianarana izany." Ary tsarovy, fa, "Ho tanteraka ny Soratra rehetra," ny kely indrindra amin'izany.

86 Mariho hoe ahoana no anaovan'Andriamanitra mazava an'ilay izy amintsika. Ary raha tsy izany no—no fanamarinana lehibe iray, tsara iray . . . fitahiam-pitiavana lehibe iray, avy amin'Andriamanitra! Rehefa mahita an'izao aho, ary mahita an'izany hatramin'ny naha-zazalahy iray, ny fotoana voalohany hany nifanarahan'i Kristy tamiko, dia mbola nampianatra an'ireo ambaratonga telon'ny fahasoavana ireo foana aho. Mariho raha tsy marina ilay izy ankehitriny.

87 Ankehitriny, ny dingana voalohany dia "fibebahana amin'Andriamanitra." Ary manaraka aorian'io avy eo, dia ny batisan'ny rano, "batisan'ny rano," "Mibebaha, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy." Hitanareo, ny batisan'ny rano no manaraka, maneho fa tena izy ilay fibebahana. Na, mba "hamelàna" ny fahotantsika lasa, tsy misy idirany amin'ny fahotana ho avy. Mamela fotsiny izany. "Mibebaha, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy." Ho an'ny inona? "Famelàna." Ny fanesorana ny fahotana lasa dia tsy misy idirany amin'ilay ho avy. Izao fotsiny, nesorina ny fahotanareo, izay nataonareo.

88 Tsy afaka mibebaka ho an'izay nataon'i Adama ianareo. Tsy ianareo mihitsy no nanao an'ilay izy; Adama no nanao. Mahazo famelàna fotsiny ho an'izay nataonareo ianareo. Mbola ao foana ilay natiora fahiny.

89 Mamelà ahy haka an'ity hazo fisaka ity iray minitra fotsiny. [Manao sarisary eo amin'ny tabilao Rahalahy Branham—Mpand.] Ankehitriny, *eto* ny fon'olombelona iray. Ankehitriny, izaho tsy . . . Lavitry ny ho artista iray mihitsy aho. *Eto* ny fon'olombelona iray; ary *eto* ny fon'olombelona iray. Ankehitriny, ity anankiray *eto* ity dia manana bibilava iray

ao anatiny, ny fahotana izany, eto izy no manana ny fiainany. Ity anankiray *eto* ity dia manana voromailala iray ao anatiny, izany dia ny Fanahy Masina, eto izy no manana Fiainana iray. Eny, ity anankiray *eto* ity, manana lolom-po izy, fankahalana, fialonana; izany no nahatonga an'io, dia ity olona *eto* ity. Eny, ity anankiray *eto* ity dia manana ny fitiavana, sy fifaliana, ary fiaretana; ary Izany no manao an'io, *eto* ambany eto.

90 Ankehitriny, rehefa anontaniana ianareo, na navela ny fahotanareo, dia ity fotsiny no nataonareo, nanaisotra an'*ity*. Fa ilay zavatra nampanao anareo an'izany dia mbola ao. Izay ilay faka tranain'ny ratsy; mbola ao io. Mariho, amin'izay fotoana izay dia mibebaka ianareo ary atao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, hoe namela anareo ny amin'ny fahotanareo Izy. Mariho.

91 Avy eo, ny faharoa, dia tonga ny fanamasinana, izay mametraka ny fisainantsika amin'ny lamina ho an'ny fahamasinana, mba hisaina tsara. Nesorina . . . ny fanamasinana dia teny Grika nakambana, izay midika hoe "nodiovina, ary natokana ho an'ny asa."

92 Avy eo, ny manaraka, dia tonga ny batisan'ny Afo sy ny Fanahy Masina, mba hahafahan'Andriamanitra monina ao anatintsika. Ary ny Afon'Andriamanitra no manadio ny fontsika hiala amin'ny fahotana, ka mametraka ny Fanahy Masina ao anaty. Amin'izay fotoana izay dia mamokatra an'ilay Fiainana iray ihany izay novokarin'*Ity* isika, satria ao anatintsika Izany.

93 Mariho, ao amin'ny fahaterahana ara-boajanahary, rehefa miteraka zazakely iray ny vehivavy. Ny fiainana ara-boajanahary dia manao tandindona ny fiainana ara-panahy. Rehefa miteraka zazakely iray ny vehivavy, ilay ara-boajanahary, ny zavatra voalohany mitranga dia ny fahavakisan'ny rano, avy eo ny rà, ary avy eo ny fanahy (ilay aina). Rambaso ilay zaza kely dia kapohy izy [Mitehaka ny tànany indray mandeha miaraka Rahalahy Branham—Mpand.], ary indro izy fa manomboka, mihiakiaka. Rano, rà, fanahy.

94 Ary ankehitriny rehefa teraka ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra ny zazakely iray, dia tonga tahaka an'izany ihany izy: rano, Rà, Fanahy.

95 Mariho ankehitriny, fanamasinana, ilay ambaratonga fahatelo . . . ambaratonga faharoan'izany, dia manadio ny fisainana; mametraka ny fo, ny fisainan'ny fo, ao amin'ny lamin'ny fahamasinana.

96 Afaka mibebaka amin'ny fahotana ny olona iray nefa mbola mieritreritra foana izy ny . . . Eny, angamba izy dia—lehilahy ratsy fitondran-tena iray, ny vehivavy ratsy fitondran-tena rehetra izay hitany, dia mbola ao. Angamba mamolava iray izy; isaky ny manimbolo an'ilay fisotro izy, dia mbola ao foana izany. Hitanareo?

97 Fa avy eo rehefa nohamasinina izy, dia izany no manadio an'io faniriana io hiala ao aminy. Hitanareo? Izany no manaisotra an'ilay ilain'izany. Mety mbola halaim-panahy foana izy, saingy Izy no manaisotra an'ilay ilain'izany. Kanefa, mbola tsy marina foana izy.

98 Avy eo, dia vita batisan'ny Fanahy Masina sy Afo izy. Voadio, voadoro, voadio tanteraka; ary apetraka ao amin'ny asan'Andriamanitra avy eo.

Ny fanamasinana irery ihany no manokana azy ireo *ho* an'ny asa.

99 Ary mariho marina tokoa hoe ahoana no nahatongavan'izany, ny fahatongavan'ireo hafatra. Martin Luther, fanamarinana; John Wesley, fanamasinana; ny pentekotista, ny batisan'ny Fanahy Masina. Ireo hafatra, izany no tsy mety hisian'ny taona amboniny intsony eo, hitanareo. Eo amin'ny andro farany isika. Ambaratonga telo. Ny batisa no manadio ny fo amin'ny Fanahy Masina.

100 Mandòna toy ny ahoana ankehitriny, maka ny toerana izay tokony honenantsika Izy, amin'ny alàlan'ireo fanao iray ihany.

101 Ankehitriny, niantso ny Fiangonana tamin'ny alàlan'ny fanamarinana Izy, niantso Azy tamin'ny alàlan'ny fanamasinana, avy eo dia nameno Azy ny Fanahy Masina sy Afo. Ary Nentiny nandalo tamin'ny fanao iray Izy, mba ho Izy Tenany, ilay Fanahy Masina Izy tenany, ilay Zanak'Andriamanitra, no afaka honina ao anatin'ny fon'olombelona. Ankehitriny, tsy maintsy mandalo an'izany Izy alohan'ny Ahafahany hiditra ao amin'Izany.

102 Mariho, nanao ny tany Izy, izay hiainan'io Ampakarina io, amin'ny fomba iray ihany, ny Drafiny iray ihany an'ny—an'ny famonjena.

103 Mariho ilay tany talohan'ny safo-drano. Izy, rehefa avy nibebaka izy, tamin'ny alàlan'ilay Ampakarina an'izany andro izany, Noa, dia Nomeny azy ny batisan'ny rano iray, nandrakotra azy tamin'ny rano. Noho izany, ny fanamarinana, maneho fa eo amin'ny Làlany hiantso an'ity tany lavo ity Izy, avy tao Edena, hiverina amin'ny famerenana azy indray.

104 Avy eo dia tonga Kristy ary nandraraka Ny Ràny teo ambonin'izany, nanadio azy ary nitaky azy. [Mandondona ny polipitra imbetsaka Rahalahy Branham—Mpand.] Hitanareo, izany ilay tany izay iainantsika ankehitriny.

105 Hitanareo ve hoe ahoana i Satana, eto amin'ny Soratra, no niezaka hanao Azy handrava ny drafitr'Andriamanitra mba hahazoana azy, hanome Azy an'izany rehefa nitondra Azy teny an-tendrombohitra izy, ary niezaka ny hanome Azy an'izany tsy misy fividianana amin'ny Rà?

106 Efa voamarikareo ve hoe ahoana i Abrahama, rehefa niezaka ny hanome azy an'ilay tany izy ireo, novidiany tamin'ny sekely volafotsy marobe izany, teo anatrehan'ny olona, ho famantarana iray, ho vavolombelona iray? "Aoka ho fantatra amin'ity andro ity fa izaho no nividy an'ity toeram-pandevenana ity." Hitanareo, nividy azy! Ary Satana dia niezaka ny—ny hanome Azy an'ilay fanjakana izay azy ankehitriny. Niezaka izy ny hanome Azy an'izany ho fanomezana iray, saingy tsy nandray an'izany Izy. Satria izany dia, hitanareo, amin'izay fotoana izay dia mbola afaka hitaky an'izany foana i Satana. Saingy, tsy maintsy novidiana ilay izy. Amena. Izy no Teny ao amin'ny fahafenoany. Tsy afaka namitaka Azy tao amin'izany izy ireo.

Noho izany, dia tsy maintsy manana batisan'ny Afo iray izy ankehitriny.

107 Hitanareo, manana izy ankehitriny . . . Inona no nitranga? Tonga Kristy ka niantso ny Fiangonana ho amin'ny fibebahana, ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho an'ny famelàna; manamasina an'ilay Fiangonana; ary midina miaraka amin'ny Afon'Andriamanitra sy mandoro ny loto rehetra, ary tonga ka monina ao am-pon'ny olona.

108 Ankehitriny, ilay tany, mba havotana ho an'io olona navotana io, dia mampiasa an'ilay Fanaony iray ihany Izy. Nanao batisa azy tamin'ny rano Izy, taorian'ilay fandravàna talohan'ny safo-drano. Nandraraka Ny Ràny teo aminy, mba hanamasina azy sy hitaky azy. Azy izany.

Niezaka i Satana mba hilaza hoe, "Homeko Anao izy."

109 Hoy Izy hoe, "Tsia, tompoko, ho Vidiako izy." Aoka ho vavolombelona iray izao. Nasandratra Izy, ho famantarana iray, hoe Izy dia nividy azy. Novidiany izany.

110 Fa ankehitriny dia tsy maintsy mandalo amin'ny batisan'ny Afo iray izy, Afo masina avy amin'Andriamanitra, izay manadio ny tany sy ny lanitra manodidina azy. Tamin'izay fotoana izay, dia voavidy izy mba hahafahan'ilay navotana hiaina eo aminy, hiaina am-piadanana ao aminy. Mariho, ny batisan'ny Afo dia ny hanadiovana azy amin'ny fahotana, amin'ny aretina, amin'ny tsimok'aretina, amin'ny mpanota, amin'ny devoly sy ny vondrony rehetra. Tsy maintsy ho voaroaka izy, ao anatin'ilay Farihy Afo. Ny Afo masina avy amin'Andriamanitra, dia midina avy amin'Andriamanitra, avy any An-danitra, ka mandoro azy tanteraka, mariho, mba hanao azy ho vonona honenan'Andriamanitra. Satria, Andriamanitra, ao amin'ilay Tany Vaovao izay ho avy, dia tsy maintsy monina eo amin'ny tany. Satria, hoy ianareo hoe, "Andriamanitra, monina ao am-pon'ny olona Izy." Saingy, Izy sy ny Ampakarina dia lasa Iray, ary mandeha any an-Tranony izy ireo ao amin'ilay Tany Vaovao. Ary ilay drafi-panavotana iray ihany no ampiasaina

mba hanavotana, azy roa, ny tany sy ireo olona izay miaina ao aminy.

111 Hitanareo, tsy maintsy voadio tahaka an'izany ilay fo. Alohan'ny ahafahan'Andriamanitra midina ao amin'ilay olon'ny Fanahy Masina, izay Kristy midina sy monina ao amin'ny fon'olombelona, dia tsy maintsy efa avy nibebaka aloha izy. Tsy maintsy natao batisa tamin'ny rano izy, tamin'Ny Anarany, mba haneho hoe an'iza izy.

Avy eo dia tsy maintsy voadion'ny Ràn'i Jesosy izy.

112 Ary avy eo ilay Afo masina sy ny Fanahy Masina, avy amin'Andriamanitra, dia midina ka mandoro ny fanirian'ny fahotana rehetra, ny natiora rehetra an'izao tontolo izao. "Ary, noho izany, izay minia manota rehefa avy nahazo ny fahalalana ny Fahamarinana..." Amin'izay fotoana izay, dia hoy indray ny Baiboly hoe, "tsy azo atao..." "Satria, ny—ny olona izay naterak'Andriamanitra dia tsy mahay manota; tsy manota izy." Tsy misy fomba ho azy hanotana. Ahoana no hahatonga azy ho mpanota iray, sady navotana iray, amin'ny fotoana iray ihany? Ahoana no hahatonga ahy ho ao anatin'ny trano natao antoka, sady any ivelan'ny trano natao antoka, amin'ny fotoana iray ihany? Hitanareo? Oh, Izy no nanavotra antsika tamin'Ny Ràny; tamin'Ny Fanahiny no Nanadiovany antsika; ary avy eo dia tonga monina ao amintsika, ilay Fiangonana. Tsy ilay anarampiangonana, ankehitriny; ilay Fiangonana!

113 Mariho tsara ankehitriny raha maka an'ity isika, ireo toerana izay—izay tsy maintsy honenantsika. Ankehitriny, ankehitriny, ilay—ilay fibebahana talohan'ny safo-drano, tamin'izany, dia nitondra ny batisan'ny rano. Avy eo dia tonga Kristy ka nandraraka Ny Ràny teo aminy, mba hanadio sy hitaky azy. Ary avy eo dia tonga, ny manaraka, ilay fandravàna an'izao tontolo izao tahaka azy ankehitriny.

114 Ny fahotana rehetra izay tany amin'ny lanitra ambony, "izy no mpanjakan'ny fanapahana eny amin'ny rivotra," izy no mampanalavitra (miady hampitsahatra) an'ireo fitahiana avy amin'Andriamanitra. Avy ao no tonga ireo kotro-baratra avy amin'ny tselatra ka mamely ny tany, sy ny sisa, avy any andanitra, ireo takela-dranomandry, sy rivo-doza, rivo-...ireo rivo-mahery sy ny sisa, "tonga avy any ambony," izany hoe Satana, "ilay mpanjakan'ny fanapahana eny amin'ny rivotra."

115 Mariho, hitanareo hoe ahoana no niezahan'i Satana haka azy, araka ny nolazaiko minitra vitsy lasa izay, tamin'ny fanomezana azy ho an'i Jesosy tsy mividy azy. Amin'izay fotoana izay, dia mbola manana alàlana iray foana i Satana, satria voaisy marika izy, hitanareo. Fa mividy azy amin'Ny Ràny nararaka Jesosy ka mamerina azy ho amin'ilay tompony ara-dalàna. Hitanareo? Tahaka an'izany no Nividianany antsika, tamin'Ny Ràny, ahoana no Nividianany an'ilay Fiangonana.

116 Ary ny batisany amin'ny Afo ankehitriny no manadio azy amin'ny tsimoka rehetra, ny fahararianу rehetra, ny aretina rehetra, na dia ireo zavatra ara-panahy rehetra aza; izay ho antsika, ihany koa, dia manao an'ilay zavatra iray ihany izany; mba hanao azy ho vonona honenan'Andriamanitra ao, ao amin'io taona lehibe izay ho avy io, ilay Tany Vaovao. Hitanareo, manavotra azy amin'ny fomba iray ihany izay Anavotany ny Olony Izy. Manao azy rehetra hitovy mihitsy Izy, ny Drafipanavotany. Satria, Izy no Andriamanitra tsy miova, mitovy foana ao amin'ireo Drafiny.

117 Impiry aho no efa niteny taminareo, tany aloha, sy nampahafantatra an'izany taminareo, ary tamin'ny alàlan'ireo taona rehetra, fa tsy afaka miova Andriamanitra; mampahafantatra an'izany, ny fomba rehetra, tahaka an'izany.

118 Nampahafantariny izany, ny Hafany voalohany, tao amin'ilay tany talohan'ny safo-drano, tamin'ny alàlan'i Noa mpaminany.

119 Niresaka tamin'ny rahalahy malala iray aho izay mipetraka manatrika miaraka amiko ankehitriny. Omaly, hoy izy hoe, "Misy zavatra iray izay nolazainao, Rahalahy Branham, izay nandona ahy foana."

Hoy aho hoe, "Inona ilay izy, rahalahy?"

120 Dia hoy izy hoe, "Izao no nolazainao," ary marina izany, "'Ilay vitsy an'isa, ahoana no haha-voavonjy vondrona kely iray amin'ny andron'ny Fihaviana.' Fa isika dia niresaka ny amin'izay nilazan'i Jesosy hoe, 'Ety ny vavahady ary tery ny làlana, ka vitsy no hahita azy.' Ankehitriny mariho, hoy ny Baiboly hoe, 'Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa izay nisy fanahy valo novonjena tamin'ny rano, dia ho toy izany koa amin'ny Fihaviana.'"

Hoy aho hoe, "Rahalahy, ianao fotsiny dia tokony . . . "

Hoy izy hoe, "Tsarovy, fanahy valo fotsiny ihany no misy eo."

Hoy aho hoe, "Ny antsasak'ilay sary fotsiny no anananao."

121 Kanefa, Noa dia tandindon'ilay sisa nanamborana izay nentina teo ambony, fa tsy ilay andiany nakarina. Enoka, lehilahy anankiray, no nandeha tany amin'ny Fampakarana talohan'ny nahatongavan'ilay tondra-drano, izay maneho fa tsy handeha ao anatin'ny fahoriambe ilay Fiangonana na ny zavatra rehetra manodidina an'izany. Enoka no nakarina, lehilahy anankiray. Oh, mety ho isa iray ny fiangonana; fa ny Ampakarina kosa dia ho tena vondrona kely iray izay hanao ny Ampakarina. Ankehitriny, mety ho isa lehibe iray ny fiangonana; saingy, ny Ampakarina, hitanareo, ampitahao amin'ny valo ny anankiray. Im-balo latsaka, ny ho Ampakarina, noho ny fiangonana.

122 "Ary raha saiky tsy voavonjy ny marina, dia aiza no hisehoan'ny mpanota sy ny tsy masina," ireo izay mahafantatra

tsaratsara kokoa, hanaovana an'ilay izy, nefa mandroso sy manao an'ilay izy na ahoana na ahoana? Ireo izay manaraka an'ireo fitsipiky ny anaram-piangonana raha tokony ny Teny, aiza no hisehoan'izy ireo, nefa antsoina hoe Kristiana, mandray ny Anaran'i Kristy?

123 Ankehitriny, tanteraka mihitsy, Noa dia tandindon'ireo nentina teo ambony. Tsarovy, rehefa nivoaka i Noa, dia niaraka taminy i Hama. Mbola tao foana ny fahotana. Nandeha niampita avy hatrany ny fahotana, tamin'ny alàlan'ilay sambofiara. Ny tsi-finoana, fisalasalana, dia niampita tao anatin'ilay sambofiara, nentina teo ambonin'ny fitsarana. Fa Enoka kosa dia nandeha avo kokoa noho ilay sambofiara, nandeha hatrany amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy. Fa i Noa dia nandalo ary nivoaka, ka mbola teo foana ny fahotana; tandindon'ny Arivo taona, ny amin'ny toeran'izao tontolo izao.

124 Tsy ny Arivo taona no faran'izany. Mbola hisy fotoana foana aorian'ny Arivo taona. Ny Arivo taona dia elanelam-potoana iray; fa, tsy ilay Tany Vaovao. Tsia, tokoa. Mariho, ao amin'io, ho tonga eo amin'izany isika afaka kelikely.

125 Hitanareo, ny tany, navotana, dia miverina any amin'ny Tompony tany am-piandohana indray. Izany dia nila . . . Nalainy avy tamin'i Satana izy. Nosintoniny, nanaisotra ny tany tamin'i Satana, tahaka ny Nanesorany anareo tamin'i Satana mihitsy, tahaka ny Nanesorany an'ilay vehivavy kely teo amin'ny fantsakana tamin'i Satana. Nitsangana teo ilay mpisorona, nihevitra fa niaraka tamin'Andriamanitra izy, ary tsy nanana na inona na inona. Hitanareo?

126 Te-hanao sary an'izany ho anareo vetivety fotsiny aho. Ankehitriny, tiantsika ny hahazo an'izao tena mazava, noho izany ankehitriny dia diniho tsara eo amin'izao fampianarana izao ankehitriny. [Manao kisarisary eo amin'ny tabilao Rahalahy Branham, mandritry ny andalana vitsivitsy manaraka—Mpand.]

127 Ankehitriny, ity *eto* ity, eto Andriamanitra. Andriamanitra, izany hoe ilay Mandrakizay, tsy misy . . . Tsy misy afatsy Izy. Fa, tao amin'Andriamanitra, dia nanana an'ireo toetra Izy. Ankehitriny, ity *eto* ity no maneho ny Teny, ny Tenin'Andriamanitra, izay tonga nofo ka nonina teo anivontsika tao amin'i Jesosy olona.

128 Ankehitriny ity *eto* ity, olona eto, hataontsika tahaka an'*izao* izy. Ankehitriny, *ity* no antsoina hoe ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana. *Ity* ilay mpisorona, Fariseo. Ary ny hijerenareo an'*ity*, ny sisa amin'ilay tabilao, dia midika hoe fahasoavana sy famonjena.

129 Ankehitriny, "Tamin'ny voalohany ny Teny. Ary ny Teny tonga nofo ka nonina teo anivontsika." Ireo ambaratonga telo. Izany dia toetra iray aloha, izay tao amin'Andriamanitra, hoe nieritreritra ny Tenany ho olombelona iray Izy; ary izany no

nampita Azy nidina ho lasa Jesosy; ary ankehitriny, raha mba ho Any ianareo, dia efa niaraka Taminy ianareo tamin'izany. Satria, tokana ihany ny endrika Fiainana Mandrakizay, Andriamanitra izany; ary tsy maintsy ho efa ampahan'Andriamanitra ianareo tany amin'ny voalohany, fa tsy izay nofidianareo fotsiny teto ambany teto. Izy no nifidy anareo. "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona."

130 Ankehitriny dia jereo ity mpisorona eto ity. Hitantsika ny fanambaniny, *eto*, ny fiainany tany aoriana, ny taoriany, ny fifidianana azy mialoha eto aoriana eto, dia mpanota.

Eto ny helo, *eto* ambany eto.

131 Ankehitriny, ity ampahany kely *ato* anatiny ity, izay mitovy amin'ny tabilao, izay maneho ny fahadiovany. Mpisorona iray izy. Olona mendri-kaja iray izy. Io no maneho an'*ity*. Izy dia, ihany koa, tsy maintsy ho lehilahy tsara iray, raha tsy izany dia tsy afaka ny ho mpisorona iray izy. Saingy hitanareo hoe ahoana no nahazoany an'izany, izany dia fianarana ara-tsaina.

132 Ankehitriny, ity vehivavy kely ity, ny fiainany voalohany, *eto* ambony eto, dia mpivarotena iray izy, voaloto tanteraka. Saingy tao anatiny ambany tao, *eto*, dia fahazoana bitika kely iray fotsiny. "Fantatro fa rehefa ho tonga ny Mesia . . . " Hitanareo? Hitanareo, teo izany.

133 Mariho, rehefa tonga Jesosy ka naneho ny Teny, satria ny Teny no namantatra an'ireo fisainana izay tao anatin'ny fo; araka ny lazain'ny Hebreo 4 fa hamantatra Izy, 4:12, fa izany no Hataony. "Ny Teny dia mpamantatra an'ireo fisainan'ny fo," ary tonga ho Zanak'olona Izy, ny Mpaminany. Inona no nitranga? Ity mpisorona ity, niaraka tamin'ny fianarana ara-tsaina fotsiny ihany, dia nanao hoe, "Ny devoly izany," satria izany no niantsoan'ny anaram-piangonany azy. Inona no nataon'izany? Tsy nanana filazana izy, noho izany dia nanamaizina azy tanteraka ilay izy.

134 Fa ity vehivavy kely ity dia tsy nanana na inona na inona haseho; tena maloto sy feno loto arak'izay naha-izy azy izy. Saingy, mariho, tao anatiny ambany tao, dia nanana filazana izy, hitanareo. Ary, noho izany, dia niandry an'io ho tonga nofo izy.

Ary rehefa hoy Izy hoe, "Mandehana alaivo ny vadinao ary mankanesa eto."

Hoy izy hoe, "Tompoko, tsy manana aho."

135 Hoy Izy, "Nilaza ny fahamarinana ianao, satria efa nanana dimy ianao, ary ilay anankiray izay anananao ankehitriny dia tsy anao. Efa nanana dimy ianao. Izany no manao anao ho nanana enina."

136 Hoy izy hoe, "Tompoko!" (Tsy hoe, "Ianao dia," tsy hoe, "Belzeboba.") "Hitako fa Mpaminany iray Ianao. Ankehitriny,

fantatray fa ny Mesia, izay antsoina hoe Kristy, dia ho tonga. Ary rehefa tonga Izy, dia Izy no hanao an'izao."

Hoy Izy hoe, "Izaho no Izy."

137 Tsy nisy fisalasalana intsony. Tsy nila nanazava an'izany ianareo. Hitany izany. Nino an'izany izy. Lasa izy! Nahoana? Inona no nataon'Izany taminy? Izany dia nanavotra azy.

138 Diniho ankehitriny, tonga ho Mpanavotra Izy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Inona no dikan'ny hoe *manavotra*? "Mamerina." Nahoana Izy no tsy nandray an'ilay mpisorona? Tsy tany ambony tany mihitsy izy. Hitanareo? Hitanareo, tsy nanana filazana izy.

139 Tonga hanavotra an'izay lavo Izy. Tao amin'ny fahalavoana, dia naloto tanteraka *ity*, ho an'io zazavavy io; saingy efa nanana azy tao amin'ny Fisainany Andriamanitra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ary tonga hanadio azy Izy. Hitanareo? Noho izany Izy . . . Nanana Fiainana Mandrakizay izy. Hitanareo?

140 Fa, ilay mpisorona, inona no nataon'izany taminy? Nandefa azy avy hatrany nankany amin'ny fitodiany izany. Tsy nanana na inona na inona izy, tany am-piandohana, fianarana ara-tsaina fotsiny ihany.

141 Henoy ankehitriny, ry sakaiza, raha fianarana ara-tsaina fotsiny ihany no anananareo, dia mahazo zavatra iray samihafa amin'izany ianareo. Ary tsy ho afaka ny hahazo an'Izany mihitsy ianareo raha tsy nanana filazana. Izany no antony inoako fa avy any atsinanana sy andrefana ianareo, avaratra sy atsimo; ny Teny, velona, tonga voaseho.

142 Mariho ankehitriny hoe ahoana no Ampahafantarany ny Fombany amin'ny alàlan'ireo Mpaminaniny, tany amin'ny voalohany. Tsy nanova an'izany mihitsy Izy.

143 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . famonjena. Nanamarina olona iray Izy; nanamasina azy; nandefa ny Fanahy Masina sy Afo, ary nandoro an'ilay fahotana avy tao aminy, ka nonina tao aminy, Izy tenany.

144 Manao ny tany Izy, izay Hiasany ao amin'ny drafi-panavotana iray, amin'ny fomba iray ihany. Nibebaka izany ary natao batisa tamin'ny rano, tao amin'ny . . . tamin'ny alàlan'i Noa. Tonga Jesosy ary nanamasina azy, tamin'ny fandrarahana Ny Ràny teo amboniny, ka nitaky azy. Ary ao amin'ilay Tany Vaovao izay ho avy, dia tsy maintsy hanana batisan'ny Afo masina iray izy, mba hanadio azy amin'ny ratsy rehetra, ny tsimoka rehetra, ny aretina rehetra, ny zavatra rehetra izay misy, ka manao azy ho vaovao. "Nahita Lanitra Vaovao sy Tany Vaovao aho."

145 Lasa olona vaovao iray ianareo. Amena! Tsy anankiray tranainy namboamboarina fotsiny, amin'ny alàlan'ny

fikambanana amin'ny fiangonana na fiezahana hamadika pejy vaovao, fa zavatra iray tena vaovao be feno ianareo. Maka an'ilay olona tranainy Andriamanitra ka mandoro azy manontolo, amin'ny Fanahy Masina sy Afo, ary tonga Izy tenany, mampidina ny filazanareo. "Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no nitarika azy. Ary izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona Ahy." Hitanareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Drafitra iray ihany; fomba iray ihany.

146 Satana dia . . . hesorina amin'ny tany, tahaka ny nanesorana an'i Satana taminareo marina mihitsy. Tsy afaka manelingelina i Satana; na, afaka maka fanahy izy, saingy tsy afaka hahazo Kristiana iray nateraka indray. Satria, Andriamanitra, hatrany amin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia efa nahita azy mialoha, ary naniraka an'i Jesosy mba hanavotra azy, ka ilay Rà no miteny ho azy. Ahoana no ahafahany manota nefa izany dia tsy mety ho hita, akory aza, amin'Andriamanitra? Izy aza tsy . . . Ny zavatra tokana izay Henony dia ny feonareo. Mahita ny filazanareo Izy. Amena! Marina izany. Hitanareo?

147 Amin'izany fomba iray izany ihany, satria ny tany dia iray amin'ireo Toetrany mitovy mihitsy tahaka anareo izay iray amin'ireo Toetrany. Lasa iray amin'ireo Toetrany ny tany, satria efa tao amin'ny fisainan'Andriamanitra izy, tany amin'ny voalohany. Ny hanana tany iray, ny ho eo amin'ny Seza fiandrianana iray, ny ho Mpanjaka iray, ny ho Mpanavotra iray, ny ho Mpanasitrana iray, izany ireo Toetrany.

148 Tahaka ny toetra iray avy aminareo mihitsy. Izaho tsy afaka milaza hoe—hoe "andry" iray raha tsy mieritreritra andry aho. Izaho tsy afaka milaza hoe "olona" raha tsy mieritreritra olona aho. Ary rehefa mieritreritra olona aho, avy eo vao milaza hoe "olona," ilay fisainana dia ny toetrako ary ilay fanehoana dia ny teny. Hitanareo?

149 Tahaka an'Isaia, ahoana no nahafahany nilaza, fa, "Hananananaka ny virijiny iray"? Inona ny fisainana iray?

150 Ankehitriny, maro aminareo no manontany hoe ahoana ireo, io famantarana io, no tonga. Hiteny aminareo aho. Hitanareo, izany dia teny iray izay lazaiko. Ary tsy fisainako izany, satria tsy mahafantatra aho. Tsy mahafantatra ny fisainana ny amin'izany aho. Ahoana no ahafahako miteny aminareo hoe iza ianareo ary avy aiza ianareo, nefa tsy mahafantatra anareo aho? Ahoana no ahafahako miteny aminareo hoe inona no nataonareo tamin'ny folo taona lasa, nefa tsy nahita anareo mihitsy aho teo amin'ny fiainako? Ahoana no ahafahako miteny aminareo hoe aiza no hanaovanareo sy inona no hataonareo amin'ny folo taona manomboka izao? Ahoana no ahafantarako ny ho avy? Fa izany dia fisainan'ny Olona hafa iray.

151 "Aoka ny fisainana izay tao amin'i Kristy no ho ao aminareo. Aoka ny fisainana izay tao amin'i Kristy no ho ao aminareo."

Hitanareo, amin'izay fotoana izay dia tsy ny fisainanareo ilay izy. Izany dia ny Fisainany, amin'ny alàlanareo. Ary tsy maneho ny teninareo manokana ianareo; maneho Ny Teniny ianareo.

152 Izany no antony hoe impiry no misavoritaka ireo rahalahy, eo amin'ny fandikana ny fiteny tsy fantatra, sy ny sisa. Hitanareo, milaza zavatra izay tsy marina izy ireo, tsy fantany fa i Satana izany. Hoy ianareo hoe, "Tao amin'ny sahan'Andriamanitra ve?" Miandrasa fotsiny mandra-pahatongantsika, hahita raha tsy izany ilay izy, na tsia. Mitombo eo amin'ny saha iray ihany ireo ahi-dratsy sy ny vary. Izy roa dia samy mivelona amin'ilay masoandro iray ihany sy ilay orana iray ihany. Hitanareo?

153 "Fa raha misy anankiray eo anivonareo izay mpaminany iray, dia Izaho Tompo no hiteny aminy. Ary raha mitranga izay lazainy, amin'izay fotoana izay dia Izaho izany, hitanareo, satria tsy maneho ny azy manokana izy. Maneho an'ireo Fisainako izy, ireo Toetrako ny amin'ireo zavatra izay tsy maintsy ho tonga, ary Izaho no hampiasa ny vavany hanehoana azy ireo. Ary rehefa avy nilaza an'ireo izy, dia tsy maintsy hiseho izy ireo. Ny Lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho diso mihitsy."

154 Hoy Isaia hoe, "Hanan-anaka ny virijiny iray." Milamina hatreo izany. Hanan-anaka izy. Izay nolazain'Andriamanitra, dia Ataony.

155 Oh, mampahafantatra, amin'ny alàlan'ireo Mpaminaniny, an'ireo Fanehoany rehetra, satria izany no Toetran'ireo Fisainany voaseho.

156 Ankehitriny, teo izany, tao amin'*ity* vehivavy kely ity. Iray amin'ireo Toetrany izy. Hitanareo?

157 Ary teo ilay mpisorona, maneho an'ilay Hazavana. Nianatra an'izany avy tamin'ny Baiboly izy. Nianatra izy fa Andriamanitra dia Andriamanitra. Nianatra izy fa marina ny fahamasinana. Nianatra izy fa nisy lalàn'Andriamanitra iray. Nianatra an'izany izy nohon'ny fandraisana ara-tsaina iray. Ary teraka tao amin'ilay taranaka marina izy; Levita iray izy. Saingy fantany tamin'ny alàlan'ny fandraisana ara-tsaina fotsiny ihany izany. Ary rehefa ilay Hazavan'ny ora . . . Hitanareo, nianatra an'izany tamin'izay *efa* nitranga izy, fa tsy izay teo am-pitrangana; izay efa nitranga! Ary rehefa hitany izay teo am-pitrangana, dia tsy nilaza na inona na inona nikasika an'Izany ny anaram-piangonany, noho izany dia tsy nanana filazana ny amin'Izany izy.

158 Fa indro teto an-tany ilay Mpanavotra tamin'io fotoana io, mba hanavotra an'ireo toetran'Andriamanitra, ary nandray an'izany izy. Tsy nanontany an'izany mihitsy izy. Hoy izy hoe, "Rehefa ho tonga ny Mesia, dia Izy no hanao an'izao," ary nilamina hatreo izany. Ary nahita an'ilay izy vita izy, noho izany . . . Hoy Izy hoe, "Izaho no Mesia," noho izany dia nilamina hatreo ilay izy. Tsy nisy fanontaniana intsony. Lasa fotsiny izy,

niteny tamin'ny olon-kafa rehetra hoe, "Avia, jereo hoe Iza no hitako."

159 Ireto dingana ireto no manao antsika hadio, tempoly iray ho Toeram-ponenany: fanamarinana, fanamasinana, batisan'ny Fanahy Masina amin'ny Afo. Izany no manao ny fanadiovana an'ny (antsika) ity tempoly ity.

160 Noho izany, satria tsy rava ny rafitr'ilay tany tranainy, tamin'ny rano rehefa voasasa izy; ny rafitry ny planeta, ilay rafitra tranainy, ilay . . . ny loto rehetra, ny karazan-javatra rehetra izay napetrak'Andriamanitra teto an-tany, dia tsy rava rehefa noravàna ilay tany voalohany. Ary ny Baiboly dia nilaza fa izany dia "rava," saingy tsy nandrava an'ilay rafitra mihitsy izany. Nandrava ny fahotana sy ireo mpanota izay tao aminy fotsiny izany. Nitoetra ilay rafi-trano.

161 Fa, hitanareo, tahaka ny fanamarinana, araka ny itiavanareo Batista sy Metodista hieritreretana azy, ny fanamarinana fotsiny, mino sy atao batisa, dia tsy ampy izany. Hiverina hirenireny avy hatrany ao amin'ireo zavatr'izao tontolo izao ianareo, ary hanapaka ny volonareo sy hanao sorta, sy ny zavatra hafa rehetra. Hitanareo, mbola tsy misy na inona na inona nitranga. Mitodika any aoriana fotsiny ianareo ka mahita fa nanao zavatra tsy nety ianareo.

162 Inona no nataon'ny fanamarinana ho an'izao tontolo izao? Tsy nanao zavatra iray ho an'izany mihitsy; nanomboka avy hatrany indray, fahotana betsaka tahaka ny naha-izy azy hatramin'izay fotsiny. Tahaka an'izany no ataon'ny olona iray, ary izay ihany no lavitra indrindra andehanany.

163 Tahaka an'izany ilay evanjelista malaza, Billy Graham, izay tokony hahita. Hoy izy hoe, "Mandeha aho ary mahazo telo alina niova fo, miverina afaka herintaona nefa tsy nisy telopolo." Izay ihany no lavitra indrindra andehanan'izy ireo. Hitanareo? Ary, azo antoka, mibebaka izy ireo. Mino aho fa mibebaka izy ireo; ny ankamaroany, na ny sasany amin'izy ireo, fara-fahakeliny. Saingy tsy izany no ilaina. Izany no manaporofo an'ilay izy eto.

164 Ankehitriny, noho izany dia tsy ravan'ny rano ny rafitranon'ilay tany tranainy. Nosasana fotsiny ihany ilay tany. Nahazo ny batisany izany. Natao batisa izy.

165 Ho toy izany koa no hampitoetra an'ilay rafi-trano, na dia nodorana tamin'ny Afo aza izy. Tsy mandrava ny tany izany, hitanareo, mandrava fotsiny an'ilay fahotana izay teo amboniny.

166 Mariho eto, ny sasany aminareo mpandinika ny Baiboly, ary indrindra i Dokotera Vayle izay mijery ahy. Mariho ao amin'ny Petera, ao amin'ny toko faha-2-n'ny Petera eto, toko faha-3, raha ny marina, izy dia mampiasa ny teny hoe "tany," araka ny teny Grika *kosmos*, izay midika hoe, "ny lamin'ny tany." "Ho levona ny tany, hitsonika amin'ny hafanana mahamay ireo zavatra." Hitanareo? Tsy midika izany fa ny tany, ny planeta, dia

ho levona. Fa ilay tany, *kosmos*, ireo politika, ireo mpanota, ireo rafitra, fahotana, aretina, tsimoka, ny zavatra rehetra izay ratsy, no ho levona. Ny zavatra rehetra fahiny izay . . .

167 Nanozongozona ny lanitra Andriamanitra indray mandeha, saingy amin'ity fotoana ity kosa dia nilaza Izy fa hanozongozona ny tany Izy, ny lanitra sy ny tany . . . "Nanozongozona ny tany Izy," raha ny marina, "ary avy eo amin'ity fotoana ity dia hanozongozona ny lanitra Izy." Hitanareo? "Fa isika mandray Fanjakana iray izay tsy azo hetsiketsehana." Izany dia Fanjakana Mandrakizay iray. Diniho hoe ahoana no handehanany eo amin'izany.

168 Mariho eto, hoy i Petera hoe, "Ary hitsonika amin'ny hafanana mahamay, sy hodorana ireo asa eo aminy," tsy ilay planeta. "Ireo asa eo aminy," ireo asan'ny olona, ireo politisianiny rehetra sy ireo planiny, ary ireo anarampiangonany sy ireo planiny nataon'olona, dia handeha hiaraka amin'izany rehefa may izy.

169 "Ary—ary ny lanitra dia ho lasa amin'ny tabataba mafy." Efa voamarikareo ve eto? "Ny lanitra dia ho lasa amin'ny tabataba mafy." Henoy! Hirehitra ny tany manontolo, ary handrehitra an'ireo entona izay ao anatin'ny tany ka hanapoaka azy. Tena marina tokoa izany. Miresaha . . . Ny Baiboly eto no nilaza, hoy i Petera hoe, "Ary ny lanitra dia ho lasa, sy ny tany, amin'ny tabataba mafy." Fipoahana iray tahaka an'izany no hanilangilana azy, oh, oadray, satria tsy maintsy hamono ny aretina rehetra izany, ny tsilo rehetra, ny songosongo rehetra. Ny zavatra rehetra izay tsy maintsy hatao, dia ny Afo no handoro tanteraka an'izany. Ary, tsarovy, tsy afo ara-bakiteny manontolo fotsiny izany, fa Afo masina iray ihany koa, hitanareo, izay hanaisotra an'i Satana sy ny azy rehetra, ny devoly rehetra. "Ny lanitra sy ny tany," amena, "dia samy ho lasa," mamono an'ireo tsimoka rehetra, ny bibikely rehetra, ny fiainan-javaboahary rehetra eo aminy sy manodidina azy, na dia ny H2O (ny rano) aza dia hipoaka. Eritrereto izany. Miresaha mikasika ny tabataba iray!

170 Mihevitra ianareo fa zavatra iray ilay tabataba kely teto Tucson, rehefa nanokatra an'ireo Tombokase enina Izy, izay nanozongozona ny firenena manodidina, ka nahatonga resaka. Miandrasa mandra-pahazoan'ity tany ity ny batisany!

171 Fantatrareo, rehefa mahazo ny batisan'ny Afo ny olona iray, dia misy tabataba betsaka manodidina eo. Mihevitra izy ireo fa henatra iray izany, ny mandre olona mihiakiaka sy miantsoantso tahaka an'izany. Miandrasa fotsiny mandra-pahazoan'ity tany ity ny batisany!

172 Hia, izany no hanazava . . . hanapoaka azy, ny H2O, ny rano, satria ny Baiboly no nilaza eto ao amin'ny Apokalypsy 21 hoe, "ary tsy nisy ranomasina intsony," hanapoaka azy. Io no hanova

ny savaivo manontolon'ny tany manontolo. Hirefotra izy ary hanidina ho potipotika. Ny any ivelany rehetra, ilay dongona, sy ny zato dian-tongotra any ambaniny, dia ho potipotika fotsiny mihitsy ho ravarava tanteraka. Ireo rivotra, ireo entona izay ao anatin'ny tany ankehitriny, izay ahitan'izy ireo an'ireny balafomanga izay tsy afaka mandalo an'izany, habakabaka lehibe iray any ambony any, ao amin'ny karazana habakabaka iray any amin'ny avo any izay misy an'ireo karazana entona rehetra, hoy izy ireo; ary hirefotra izany. Ho tonga eo amboniny ilay fahatezerana masin'Andriamanitra, hitanareo, ary hanadio azy, hanova an'ilay savaivo manontolo.

173 Ankehitriny, maro aminareo no te-handray naoty an'ity teny ity, ilay teny Grika hoe, "lasa." Izany dia avy amin'ny teny . . . Tsy maintsy nahita an'ilay izy aho. Nieritreritra aho hoe, "Ahoana no hahalasa an'ity tany ity, nefa mbola hiaina eo aminy isika?" Fa raha hanamarika ianareo, ny sasany aminareo olona izay te-handray naoty an'izany, ho tononiko ho anareo izany. Tsy ho vitako ny hanonona azy, p-a-r-e-r-e-c-h-o-m-i-a. Tsy haiko hoe ahoana no hanononana azy.

174 Ankehitriny, tahaka an'izany, araka ny nolazaiko, rehefa azoko . . . Nandona ahy ho an'ny zavatra iray ilay tsindrimandry, noho izany dia niverina aho mba hitady an'ilay teny. Ankehitriny, eto, dia tsy vitako ny hanonona an'ilay teny, na tsy vitako—tsy vitako ny hiteny azy. Fa, ao amin'izany, dia mbola nanome fomba iray ho ahy foana ny Tompo. Mandeha aho ary mitady hoe inona no dikan'ilay teny, noho izany dia azoko ilay izy. Hitanareo? Noho izany dia azoko ilay izy, indray. Hitanareo?

175 Ny Lanitra sy ny tany dia ho *lasa*, ankehitriny, ity teny ity dia midika hoe, "lasa avy amin'ny endrika anankiray ho amin'ny iray hafa." Izany tsy midika hoe "fandringanana," araka ny nandikan'ny teny Anglisy hoe, *lasa*, ringana izany. Fa ny teny Hebreo, na ny teny Grika eto, dia tsy midika hoe *lasa*; izany dia midika hoe, "avy lasa avy amin'ny zavatra anankiray ho amin'ny iray hafa." Jereo, fa, "lasa avy amin'ny toerana anankiray," hoy izy, "ho amin'ny iray hafa."

176 Mariho ankehitriny, Paoly no nampiasa an'izany, raha tianareo ny hamaky azy ankehitriny. Raiso naoty izany, afaka mamaky azy ianareo rehefa avy eo. Ao amin'ny Titosy 3:5, mampiasa an'io teny iray io ihany i Paoly, izay midika fahaterahan'ny olona indray, hoe ny olona dia niala avy tamin'ny mpanota iray ho amin'ny masina iray, tsy ringana tanteraka. Rehefa novaina ny olona iray, dia tsy ringana izy, fa olona niova iray. Novaina avy tamin'izay naha-izy azy izy ho amin'izay maha-izy azy, fa tsy ringana.

177 Nampiasa an'ilay teny iray ihany Jesosy ao amin'ny Matio 19:28; ankehitriny, tsy 28:19. Ankehitriny, 19:28, hoy Izy

tamin'izy ireo hoe, "Hipetraka miaraka Amiko ao amin'ny Fanjakan'Ny Raiko ianareo, nateraka indray," hitanareo, "novaina," rehefa novaina ianareo. Nampiasa an'ilay teny iray ihany Izy.

178 Ary nampiasa an'ilay teny iray ihany Izy rehefa nilaza Izy, tamin'ilay zana-boriky, nanao hoe, "Vahao ilay zana-boriky ary avelao izy handeha."

179 Nilaza an'ilay zavatra iray ihany tamin'ny fitsanganan'i Lazarosy hoe, "Vahao izy! Ovay izy! Efa nofatorana izy; avelao izy handeha!"

180 Inona no dikan'izany? Hovahana amin'ny fanagiazan'i Satana ny tany. Hovahana izy. Hovahana amin'ireo politika izy, hovahana amin'ireo rafi-pivavahana ara-anaram-piangonana izy; mba ho ampiasaina ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra, mba ho voaorina eto an-tany eto. Fa raha mbola eo an-tànan'i Satana foana izy, ireo politika . . . Satana ilay mpanapaka ny tany, izy no manana azy; efa azy izany, saingy efa nanavotra azy Kristy ankehitriny.

181 Indray andro, dia fananany aho, fa tsy ankehitriny. Indray andro, dia fananany io vehivavy kely io, fa tsy ankehitriny. Hitanareo, tonga hamaha an'ilay fanagiazan'izany Izy. Namaha ny fanagiazan'ny fahotana Izy, an'i Satana, teo amin'ny fiainako, teo amin'ny fiainanareo, fa ankehitriny kosa dia tsy azy isika.

182 Efa nandre ahy matetika ve ianareo nilaza, tao amin'ny vavaka hoe, "esory amin'ny fananan'Andriamanitra ny tànanao"? Hitanareo? Amena! Manàna finoana hitaky ny anareo manokana. Zònareo izany. "Esory aminy ny tànanao! Esory aminy ny tànanao!" Hitanareo, ny finoana no hanao an'izany. Oh, oadray! Tsy mandringana azy, fa, izao fotsiny, "Esory amin'izany ny tànanao," mba hamaha azy, hamela azy handeha, hampandeha azy. Manova izany.

183 Hiova ny tany. Hiova ireo politika. Hiova ireo fivavahana. Ho lasa ireo anaram-piangonana. Ho lasa ireo politika. Ho voaorina ny Fanjakan'Andriamanitra.

184 Mamaky ao amin'i Jaona isika, mamaky an'i Jaona ao amin'ny Apokalypsy 6:14, hitanareo, "lasa tahaka ny horonana iray izany." Ny Baiboly no nilaza fa ny . . . fa izany . . . Hoy Jaona hoe, "Nahita ny lanitra sy ny tany lasa tahaka ny horonana iray aho." Jaona, Apokalypsy 6:14.

185 Hoy Jesosy hoe, "Ny Lanitra sy ny tany dia ho lasa," na, amin'ny teny hafa, "ny lanitra sy ny tany dia hovaina." Hitanareo, nampiasa an'ilay teny iray ihany mihitsy indray eo.

186 Tsia, tsy ringana. Satria, any aoriana, ao amin'ny Apokalypsy 21:2 hatramin'ny 24, dia nahita an'ilay Jerosalema Vaovao nidina avy tamin'Andriamanitra tany An-danitra izy,

ary nipetraka teto ambonin'ny tany. Tsy midika izany fa ho ringana izy. Ireo rafitra no hovaina.

187 Nahita an'ilay zavatra iray ihany i Daniela. Namely ny tany ny Vato iray, izay niendaka tsy tamin'ny tànana; ary potika ilay sary vongana manontolon'ireo rafitra ka lasa tahaka ny akofa eo am-pamoloana fahavaratra, ka ny rivotra no nipaoka azy. Ary ilay Vato, Izy tenany, dia nitombo ho Tendrombohitra lehibe izay naharakotra ny tany. Diniho io Tendrombohitra io ankehitriny, vetivety fotsiny. Naharakotra ny tany io Tendrombohitra io.

188 Izao ihany koa, mahita isika eto, ao amin'ny, izao ihany koa, eto amin'ny Apokalypsy, izao no voalaza, "Hitondra ny hajany sy ny voninahiny ao amin'izany ireo mpanjakan'ny Tany Vaovao." Ao amin'ny tany, dia mipetraka . . . Mipetraka eo amin'ity tany ity ilay Jerosalema Vaovao. Hitanareo, novaina fotsiny ilay izy.

189 Ianareo dia ilay lehilahy iray ihany, ao amin'ny tsanganana, izay naha-izy anareo rehefa niantso anareo Andriamanitra, vehivavy iray ihany. Fa, hitanareo, ny nataon'izany, izany dia fahaterahana iray indray. Lasa ilay fiainana fahiny. Efa lasa ilay faniriana fahiny. Fa, tia nisotro ianareo taloha, sy nanozona, sy nifamaly, sy niahiahy, sy nihodinkodina, ary ratsy fitondran-tena, maty fotsiny io zavatra io. Hitanareo? Fa ankehitriny ianareo dia ampiasaina . . . Fitaovan'i Satana ianareo tamin'izany; ankehitriny dia navotana ianareo.

190 Ary ho toy izany izao tontolo izao, ilay fomba iray ihany, navotana, Lanitra Vaovao iray sy Tany Vaovao.

191 Tahaka anareo fotsiny, "Olom-baovao ianareo." Ary ny teny Grika eo, mahafantatra ny olona rehetra, dia nilaza hoe, "Famoronana vaovao ianareo." Amena! Famoronana vaovao ao amin'ilay tempoly tranainy iray ihany. Haleloia. Diniho izay mitranga eto ankehitriny. Be voninahitra! Eny àry.

192 Hitantsika ankehitriny fa ity tany ity no hihazona an'ireo mpanjakan'ny tany.

193 Ary, izao indray, ao amin'ny Matio 5:5, hoy Jesosy hoe, "Ny malemy fanahy no handova ny tany." Izany dia tsy hoe, tsy hoe hanana tany hafa iray mihitsy. Izany dia ho ilay tany iray ihany. Miezaka aho ny hanome an'ilay—ilay drafi-panavotana ho anareo, aloha, raha tsy manana zavatra hafa aho, hitanareo. Ny batisan'ny Afo, eo amin'izany, dia ny manadio azy fotsiny ihany ary manao azy ho toerana iray mety tsara hiainan'Ny malemy fanahiny. Hitanareo? Oh!

194 Tahaka ny Nanaovany antsika, Famoronany, mba hiaina ao. Alohan'ny Ahafahany hiditra ao amin'izany, dia tsy maintsy nanome antsika ny batisan'ny Afo Izy; amin'izay fotoana izay dia miditra ny Fanahy Masina ary miaina, batisan'ny Afo. Noho izany, rehefa mahazo an'io batisan'ny Afo io ianareo, amin'izay fotoana izay dia afaka miditra ny Fanahy Masina. Inona? Tahaka ny ataon'Izany, dia Izany no mandoro ny zavatra

rehetra mifanohitra amin'ny Teny, hiala aminareo. Hitanareo? Tsy hino zavatra hafa afa-tsy ny Teny Izany, satria Izany dia ny Teny. Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo?

195 Ankehitriny, izany ilay noresahantsika indray andro, ny porofon'ny Fanahy Masina. Hitanareo? Ny porofon'ny Fanahy Masina dia rehefa afaka mandray ny Teny ianareo; tsy rafitra iray, fa manana fahazoana mazava. Ahoana no ahafantaranareo fa mazava ny Teny, mahazo an'Izany? Diniho Izany manamarina ny Tenany.

196 "Eny," hoy ianareo, "nahita an'*ity* nanao an'izany aho, sy *itsy*." Oh, eny, miaina amin'ny fomba iray ihany ireo ahi-dratsy. Hitanareo?

197 Fa tsy maintsy ny Teny manontolo ilay izy. Mba ho ny Ampakarina, dia tsy maintsy ho Ampahany ianareo. Izy no Teny. Hitanareo? Ary ampahan'ny inona Aminy izany? Ny Teny izay nampanantenaina ho an'ity andro ity rehefa miantso Ny Ampakariny Izy. Aoka ho ampahan'Izany. Azonareo ve ilay izy? Ankehitriny, aza—aza manary an'izany ankehitriny. Mariho.

Ary Izy no manao an'izany ho toerana mety iray hiainana mandritry ny Mandrakizay.

198 Mariho, io dia mbola tsy misy ifandraisana amin'ny. . . Io fanjakana Arivo taona io, ireo arivo taona, dia tsy ilay Tany Vaovao. Hitanareo, ny fanjakana Arivo taona dia fanjakana hafa iray. Izany no andehanantsika, ny Arivo taona, saingy tsy izany ilay Tany Vaovao, ilay Lanitra Vaovao. Tsia, tsia. Toeram-pitsaharana iray fotsiny izany, hitanareo, fotoam-pialan-tsasatra iray, fa tsy ireo Lanitra Vaovao sy Tany Vaovao mihitsy; satria, hitanareo, ao amin'ny Arivo taona dia manana an'ireo zavatra izay tsy hiditra ao anatin'Izany isika. Izany dia tandindona iray an'ilay andro fahafito taloha, tany Edena; ilay andro fahafito, rehefa avy nanao ny tany Izy. Ny andro fahafito, dia nitsahatra tao Edena Izy, sy ny Arivo taona.

199 Hitanareo, manana saiky enina arivo taona ankehitriny ny tany, tranainy. Hitanareo? Isaky ny roa arivo taona izy dia nanana ny—ny fandravàna iray. Hitanareo?

200 Ny roa arivo taona voalohany, dia tonga ny tondra-drano, ary Izy no nanao batisa azy tamin'ny (inona?) rano.

201 Ny roa arivo taona manaraka, dia tonga Jesosy hanamasina azy sy hitaky azy, nandraraka Ny Ràny teo amboniny, niantso azy ho Azy. Eny àry.

202 "Ho avy indray Aho," ah-hah, ankehitriny amin'ny maha-Mpanjaka miaraka amin'Ny Mpanjakavaviny, ary ilay roa arivo taona faharoa (inona no Ataony?) tonga Izy ka manome ny Fotoam-pitsaharany.

203 Ary amin'izay fotoana izay dia mandoro azy, ka mitaky azy ho Azy Manokana; mametraka indray ny Azy Manokana eo ambonin'izany.

204 Ary mariho, tsy ilay tany tanteraka, io Arivo taona io, tandindona iray an'ilay andro fahafito izany. Avy eo dia tonga ny Seza fiandrianana Fotsin'ny Fitsarana. Hitanareo, mbola manana fitsarana isika. Mbola ao anatin'ny fotoana isika, ao amin'ilay Arivo taona. Andro iray izany, arivo taona anankiray. Ampaham-potoana iray izany. Tsy, aza afangaro amin'ilay Tany Vaovao izany, ankehitriny, satria tsy izany ilay izy.

205 Mety hilaza an'izao amiko ianareo. Ankehitriny dia tsapako fa misy olona mety hilaza an'izao amiko, hoe, "Ankehitriny, Rahalahy Branham, inona no hataonao ankehitriny? Efa nahatapitra an'ireo fitonao manontolo ianao. Handeha ho aiza ianao ankehitriny? Ankehitriny, mpihazona fe-potoana iray ianao." Fa, izany aho. Mino aho fa Andriamanitra dia izany, ihany koa. Raiso naoty, mariho. "Efa nahatapitra an'ireo tandindon'ny fe-potoana ianao. Satria, raha hametraka zavatra iray any ankoatr'io andro fahafito io ianao, dia ahoana no hanaovanao an'izany? Handeha ho aiza ianao ankehitriny?"

206 Eny àry, hiantso ny fifantohanareo amin'ny zavatra anankiray aho, hitanareo. Ah-hah. Hitanareo? Noho izany, izaho tsy nivoaka—tsy nivoaka tamin'ireo fe-potoana aho, tsy mbola. Manana Soratra hafa iray aho eto. Ary, tsarovy, tsy maintsy tanteraka ny rehetra amin'Izany, ny kely tsirairay amin'Izany. Hitanareo?

207 Ankehitriny hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, miezaka mametraka zavatra iray lavitra be any ankoatr'io andro fahafito io ianao, io sabatan'ny andro fahafito io."

208 Raha nanao ny tany Andriamanitra ka niasa mafy nandritry ny andro enina, ary nitsahatra tamin'ny fahafito, dia tandindompotoana iray fotsiny ihany izany, fotoana. Fa vao avy nolazaiko teto, hoe lasa Mandrakizay isika.

209 "Koa aiza ny tandindonao ankehitriny? Ianao no nilaza fa mpanao tandindona iray ianao. Noho izany, ianao, efa nahatapitra an'ireo tandindona ianao ankehitriny." Tsia, tsy nahatapitra aho. Ndao jerentsika fotsiny raha nahatapitra isika.

210 Ndao isika handeha ao amin'ny Levitikosy, hiverina any amin'ny toko faha-23-n'ny Levitikosy. Tiako ianareo ankehitriny hanamarika ao amin'ny Levitikosy, izay nisy antsika tamin'ny Alahady lasa, na farany . . . Ity no nanome ahy an'ilay hevitra, eto mihitsy. Ny toko faha-23-n'ny Levitikosy, ary ny andininy faha-26.

211 Tsarovy ankehitriny, misy andro fety fito. Ny fetin'ny trompetra, ny fetin'ny—ny tabernakely, ny fetin'ny amboara ahevaheva, ny . . . Io rehetra io, misy andro fety fito lehibe, izay tandindona iray an'ireo Taona Fiton'ny Fiangonana fotsiny

ihany. Ary tsaroanareo ve hoe nisy sabata firy nanelanelana ny anankiray amin'ilay iray hafa? Hitanareo, sabata fito teo anelanelan'ny pentekosta sy ny trompetra, izany hoe ireo Taona Fiton'ny Fiangonana. Ary nisy andro fety fito, izay naneho an'ireo Taona Fiton'ny Fiangonana. Manohiza manaraka an'ireo isanareo.

212 Hoy ianareo, "Eny, ankehitriny, Rahalahy Branham, nahatapitra ianao. Efa azonao ireo fitonao."

213 Eny àry, ndao isika haka an'ilay fety farany, izany hoe ny fetin'ny tabernakely. Mariho eto amin'ny andininy faha-36 ankehitriny.

> *Fito andro* ianareo no *hanatitra* fanatitra *natao* tamin'ny *afo ho an'ny* TOMPO*: amin'ny andro fahavalo—amin'ny andro fahavalo dia hisy* ny *fiantsoana masina* (misy fotoana masina iray hafa ho avy). . .*fiantsoana masina ho anareo; ary hanatitra fanatitra natao tamin'ny afo ho an'ny* TOMPO *ianareo:* ary *fivoriana masina izany; ka* ianareo *dia tsy hanao tao-zavatra amin'izany.*

214 Ankehitriny isika dia manana "andro fahavalo" iray. Ankehitriny, fito andro ihany no misy, saingy eto isika dia miresaka ny amin'ny "ilay andro fahavalo," fiantsoana masina, fiantsoana. Mariho, "Aza miasa ao anatin'izany." Ilay andro fahavalo, dia (inona?) miverina any amin'ny andro voalohany. Nahoana, miresaka ny amin'ny Mandrakizay izany, raha mihodinkodina tsy misy toerana hijanonana izy. Amena. Hitanareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

215 Mariho, teo ambonin'io andro fahavalo io ihany koa izany. Amin'ny andro farany, andro fetin'ny tabernakely, mariho fa aorian'io, aorian'ilay andro fety farany, aorian'ilay Taonan'ny Fiangonana farany, aorian'ireo andro fito farany manontolo eto ambonin'ny tany, aorian'ny Arivo taona, no tonga io Fiantsoana Masina io.

216 Tsarovy, ity dia fetin'ny tabernakely, *tabernakely*, "toerana iangonana." Amena! Izay, "Ao amin'ny Arivo taona," hoy ny Baiboly, "dia hanorina trano izy ireo; hipetraka ao izy ireo."

217 Fa ao amin'ilay Tany Vaovao kosa, dia efa lasa Izy ka nanamboatra an'ilay fitoerana. Voaorina izany. Tsy misy idirantsika amin'ny fanorenana an'izany. Amena. Mandrakizay! Oh, tiako fotsiny izany Teny izany! Oadray! Fiantsoana Masina iray, amin'ny andro fahavalo. Fa, fito andro ihany no misy. Avy eo amin'ny andro fahavalo, izay miverina indray amin'ilay andro voalohany, miverina amin'ilay andro voalohany, ny andro fahavalo dia Masina Fian-. . .Fiantsoana.

218 Mariho, fito andro, ihany no ifandraisan'ilay famoronana taloha, fotoan'ny tany. Fito andro, izany ilay Arivo taona,

ilay andro fitsaharana. Tahaka an'Andriamanitra niasa mafy nandritry ny enina andro, nitsahatra tamin'ny fahafito; ny Fiangonana dia miasa mafy mandritry ny enina andro, ary mitsahatra amin'ny fahafito, saingy mbola ao amin'ny ampaham-potoana foana ianareo. Tsy miresaka ny amin'ny Mandrakizay aho.

219 Fa, hitanareo, tsy misy izany karazana valo andro izany; miverina indray any amin'ny andro voalohany ianareo, hitanareo, ny andro voalohany.

220 Ny sabata dia miresaka ny amin'ny lalàna fahiny, izay tsy maintsy ho lasa. Ny fitandremana ny sabata, izay "efa lasa," na, efa nolazaiko hoe, "niova ho iray hafa." Tsy lasa izany; niova avy tamin'ilay lalàna fahiny fotsiny izany, an'ny fitandremana andro manokana iray amin'ny herinandro.

221 Isaia, ny toko faha-19, no nilaza, mino aho fa ny 28:19, nanao hoe, "Fitsipika no tsy maintsy eo ambonin'ny fitsipika; kely eto, ary kely etsy." "Hazòny mafy izay tsara." "Fa amin'ny molotra miambakambaka sy fiteny hafa no Hitenenako amin'ity vahoaka ity. Ary ity no fitsaharana." Hitanareo?

222 Miditra ao amin'ny Fiainana ianareo, fa tsy mitandrina andro iray na aloka. Paoly no nilaza, any amin'ny Hebreo ny toko faha-4 any. "Andro sy aloka no tandremanareo, sy ireo zavatra tahaka an'izany; matahotra ny amin'ny fahatsapanareo aho." Hitanareo, tsy miditra ao anatin'ireo andro manokana sy didy isika. "Efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana Mandrakizay ianareo," fa tsy andro sy fotoana. Efa niditra ao amin'ny Mandrakizay ianareo. Izany ilay masina fian- . . . fiantsoana, fiantsoana, raha ny marina.

223 *Fito andro*, diniho, no ho "lasa," na, efa nolazaiko hoe, no "hiova ho amin'ny iray hafa." Ireo valo andro no mifanaraka amin'ny famoronana vaovao, hitanareo, fa tsy ny famoronana taloha. Valo andro no famoronana vaovao.

224 Satria, tamin'ny andro fahavalo ny Tompontsika no nitsangana tamin'ny maty. Io ilay fiantsoana hafa anareo, ny fahamasinana; fa tsy ny fandinihana ny sabata, mihitsy, na ny fetin'ny tabernakely, fetin'*ity*, sy ny fetin'ny pentekosta. Nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ho an'ny fanamarinana antsika, tamin'ny andro fahavalo. Taorian'ireo sabata fito, na ireo andro fito, Taona Fiton'ny Fiangonana, dia nitsangana tamin'ny maty Jesosy. Andro fahavalo, izay fiantsoana masina iray, hitanareo, izay ny andro voalohany.

225 Hitanareo, ianareo dia, efa nandalo teo amin'ny fotoana, ary nitsofoka ao amin'ny Mandrakizay indray; tsy mitandrina andro, sy mitandrina sabata; ary voaloham-bolana, sy ireo zavatra tahaka an'izany. "Fa *efa* lasa," niova ny endrikareo; tsy ringana. Voninahitra! "Fa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana Mandrakizay." Oh, izany no ampianarin'ny

Baiboly antsika! Hitanareo, tafafindra avy tamin'ny anankiray ho amin'ny iray hafa.

226 Eny àry, "lasa," lasa ilay sabata fahiny. Nitsangana tamin'ny andro fahavalo Jesosy. Izany no andro iray feno haja, masina. Ary tsy andro iray izany; satria ny andro, fotoana iray, dia efa tapitra. Lasa nankao amin'ny Mandrakizay izy. Hitanareo, niverina nitsingevana avy hatrany nankany amin'ilay andro voalohany indray izy. Hitanareo?

227 Ny Mandrakizay dia tahaka ny—ny peratra iray. Tsy afaka mahita zorony eo amin'izany ianareo. Tsy afaka mahita toerampijanonana ao amin'ny faribolana tanteraka iray ianareo. Manohy sy manohy ianareo. Tsy ahoako na lavitra toy ny ahoana no andehananareo, fa mbola mandeha foana ianareo. Afaka manomboka mandeha mihodina tahaka an'*izao* ianareo; mitety an'ilay gorodona, mitety ny tany, mandeha any ankoatry ny tany, fa ianareo dia mbola man-. . . [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

228 Ny zavatra rehetra izay noforonina *teto* ambany teto, dia simba, tsy noforonina, fa tamin'ny alàlan'i Satana, dia hihintsana rehefa maneno ilay lakolosy volamena lehibe sy Trompetra iray.

229 Ary tany aoriana tany amin'ny voalohany, rehefa vita ilay andry famatorana tao Edena, rehefa tonga teto an-tany ny olona ka lavo izy, dia zanak'ondry kely iray no nandatsaka ny rány, izany dia niresaka ny amin'ilay Zanak'ondry lehibe izay ho avy handatsaka Ny Rány. Nanangana ny hazo fijaliana i Kalvary, izay nanao fatotra ho an'ny Testamenta Taloha; ho an'ireo izay nohamasinina, niandry an'Izany. Ary ao amin'ity fepotoana vaovao ity, amin'ny Fihavian'ny Tompo, ao amin'ilay Tany Vaovao, ilay tadin'ny famonjena (ny Rà, ny Hery navotana izay resahako, sy nanavotra na ny olona na ny tany tamin'ny alàlan'ilay rafitra iray ihany) dia hiakatra avy hatrany ao amin'ny Mandrakizay indray. Ary ilay Farihy Afo no handevona ny zavatra rehetra izay tsy masina sy tsy voafidy mialoha ho an'Izany. Hitanareo ve ilay izy?

230 Mariho, tamin'ny andro fahavalo, dia nitsangana ho an'ny fanamarinana antsika Jesosy. Ilay Mpanjaka Mandrakizay, miaraka amin'ny Fanjakana Mandrakizay mba hatao batisa ao, ho amin'ny Fiainana Mandrakizay. Tsy fito andro; tsy misy idiran'izany amin'ny anankiray amin'ireo andro. Miresaka ny amin'ny iray hafa izany, Mandrakizay, izay ho avy; miresaka ny amin'ny fotoana Mandrakizay iray, ilay Tany izay resahako.

231 Ary, mariho, aorian'ny dimampolo andro, na sabata fito manomboka eo, dia tonga indray ny fiantsoana masina hafa iray. Inona no nitranga? Nilatsaka tamin'ny Andron'ny Pentekosta ny Fanahy Masina, tamin'ny andro fahafito. . . Na, ny andro fahavalo, raha ny marina, andro fahavalo, nilatsaka tamin'ny

andro fahavalo. Izany dia sabata fito taty aoriana, marina tokoa, taorian'ny Fitsanganany, hitanareo; noho izany dia nisy fotoana fito indray izany, namerina azy avy hatrany nankany amin'ilay andro voalohan'ny herinandro indray, marina tokoa. Hitanareo?

232 Io ny fiantsoana masina anareo, tsy misy idirany amin'ireo zavatra ara-bakiteny. Any ankoatr'izany io. Izany dia ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, miaraka amin'ny Fiainana Mandrakizay, miaraka amin'ilay voafidy mialoha izay tsy nanomboka mihitsy. Tsy nanomboka tamin'ny andro anankiray mihitsy izany. Tsy voavonjy tamin'ny andro anankiray ianareo. Efa voavonjy foana ianareo. Amena. Tonga hanavotra an'izany fotsiny Jesosy; saingy efa voavonjy ianareo, hatrany amin'ny voalohany, satria efa nanana Fiainana Mandrakizay ianareo, hatrany am-boalohany.

233 Tsy mety ho amalon-dranomasina na tsiboboka mihitsy ny trondro truite iray. Mety ho ao anatin'ilay rano iray ihany miaraka aminy izy, saingy izy dia efa, hatrany amin'ny voalohany, truite iray. Ilay harato fotsiny no nahazo azy, hitanareo, saingy efa izany izy hatrany amin'ny voalohany. Io ilay . . .

234 Ankehitriny, tsy any ivelan'ny fe-potoantsika isika. Sa tsy izany? Ao anatin'ny Soratra mihitsy isika. Dimampolo taona taty aoriana, no tonga izany.

235 Hitanareo, tsy azo isaina miaraka amin'ny herinandro ny valo. Hitanareo, tsy azo isaina izany, valo andro ao anatin'ny herinandro iray. Tsy afaka manao an'izany ianareo, hitanareo, satria fito andro ihany no misy ao anatin'ny herinandro iray. Isao amin'izay fomba rehetra itiavanareo azy izany. Ny Alahady no andro voalohany amin'ny herinandro. Hitanareo, manisa fito ianareo, avy eo dia tsy maintsy miverina ary manomboka eo indray. Manisa fito, miverina ary mandeha eo indray. Hitanareo?

236 Ary efa niaina nanerana an'ireo tandindona rehetra isika teto, saingy, rehefa tonga eo amin'ilay fahavalo ianareo, dia miditra ao amin'ny Mandrakizay. Tsy tonga amin'ny alàlan'ireo lalàna ianareo, sy ireo fombam-pivavahana, sy didy. Tonga amin'ny alàlan'ny fifidianana mialoha ianareo. Amena! Io no tena izy, fiantsoana masina iray! Hitanareo? Ary eo ampamaranana ny taom-piangonana fahafito isika, ny taompiangonana, ny taona Pentekotista. Hitanareo ve izany? Miditra ao amin'io fiantsoana masina io isika. Miditra ao amin'io tena misy io isika, tena izy, ny Mandrakizay, izay iantsoana an'ilay Fiangonana; tsy ho amin'ny toeram-pifaharana iray, anarampiangonana iray, fa ao amin'ny Mandrakizay miaraka amin'ny Mpanjakany Mandrakizay. Hitanareo? Tsy manana an'izany mihitsy isika, tsy misy izany karazana andro izany, sy ny sisa, ary fotoana. Lasa nankao amin'ny Mandrakizay ianareo,

izay nihavianareo. Efa Tany ianareo, hatrany am-boalohany. Hitanareo?

237 Raha manana Fiainana Mandrakizay ianareo, dia endrika tokana ihany no misy, Andriamanitra izany, ary ianareo dia toetra voaseho iray. Hitanareo? Raha ianareo . . . Raha tsy izany ianareo, dia tsy ho any, na ahoana na ahoana. "Tsy misy olona mahay manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no nitarika azy." Hitanareo? Fa, "lasa," ireo zavatra taloha rehetra ireo; fa ireto Zavatra ireto tsy lasa, noho izany dia miresaka ny amin'ny Mandrakizay izany. Ny Fanahy Masina dia Mandrakizay. Noho izany, dia ao amin'ny Mandrakizay ianareo, izay efa nisy anareo foana hatramin'izay, saingy vao avy nahafantatra izay nitranga ianareo.

238 Hitanareo, natao ho an'ny tanjona Mandrakizay iray ianareo, satria ianareo dia efa—efa fanehoana ny toetra iray izay tao amin'Andriamanitra, izay nisaina anareo sy naneho anareo; ary nanao ny tany Izy mba hangalana anareo avy ao, sy hanaovana anareo ho olombelona iray. Ary tonga ny fahotana ka nanimba ny Làlany. Tonga ianareo, na ahoana na ahoana, saingy very niaraka tamin'izao tontolo izao. Noho izany dia tonga Izy ka nanavotra anareo, ilay toetra voaseho, ary manavotra an'ity tany ity ihany koa amin'ilay fomba iray ihany. Avy eo, dia mitohy mihodina ny Tanjony. Hitanareo? Oh! Haleloia! Oh, manao ahy ho tsara mihitsy tokoa izany, mieritreritra fotsiny an'izay miandry ao aloha!

239 Ankehitriny, ao amin'ny Efesiana 1:10, izany dia antsoina . . . Ankehitriny, raha mandray naoty an'izany ianareo, Efesiana 1:10, dia antsoina, tsy fe-potoana iray, tsy andro fahafito iray. Izany dia antsoina hoe, "Ny fahafenoan'ny fotoana." Ary rehefa "ny fahafenoan'ny fotoana" no tonga, izany dia rehefa tanteraka ny fotoana. Rehefa tsy misy fotoana intsony, amin'izay fotoana izay no miditra ao amin'ny Mandrakizay ianareo, rehefa tapitra ny taom-piangonana fahafito, ary izany izy; tapitra ny taonan'i Luther, tapitra ny taona Metodista, tapitra ny taona Pentekotista. Ary ankehitriny isika dia miditra ao amin'ny (inona?) Mandrakizay; tsy misy fito intsony, tsy misy telo intsony, tsy misy hafa intsony. Ao amin'ny Mandrakizay izy ireo, izay tsy misy ny karazana fotoana toy ny isa, sy ireo fotoana, sy ny sisa. Amena! Oh, oadray! Hitanareo ve ilay izy ankehitriny?

240 Na, rehefa tanteraka ny fotoana, lasa ny fahotana rehetra, nesorina, ao amin'ny Arivo taona, ao amin'ilay Seza fiandrianana Fotsin'ny Fitsarana lehibe. (Tandindona iray, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina.) Rehefa avy main'ny afo izao tontolo izao ary natao batisa, ny batisany amin'ny Afo masina avy any An-danitra; dia lasa ny fahotana rehetra, lasa ny tsimoka rehetra, lasa ny devoly rehetra, lasa ny fakam-panahy rehetra, lasa ny ratsy rehetra. (Tandindona ankehitriny.) Avy eo dia inona

no ataon'Andriamanitra? Afaka mipetraka eto ambonin'ny tany Izy, hitanareo, satria lasa ny fahotana rehetra.

241 Izany ilay zavatra iray ihany izay Ataony rehefa manome anareo ny batisan'ny Fanahy Masina miaraka amin'ny Afo Izy. Afaka tonga Izy ary monina miaraka aminareo, ary afaka mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy isika, satria efa ao Aminy isika. Tsy hoe isika dia "ho ao." Mipetraka ao amin'i Kristy Jesosy isika ankehitriny. Ahoana no hidirantsika ao amin'izany? Tamin'ny batisan'ny Fanahy Masina iray. "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'i Kristy," fa, ao isika ankehitriny. Tsy "ho" ao amin'i Kristy; ao isika! Izy no Mpanjaka ara-panahy lehibe eo amin'ilay Fanahy izay ao anatintsika, satria efa tao Aminy isika tany amin'ny voalohany.

242 Hitanareo, Andriamanitra, tany amin'ny voalohany, rehefa nisaina ny aminareo Izy ary nisaina ny amin'ireo hafa tahaka an'izany, nisaina ny amin'ny Tenany ho lasa azo kasihana. Izany no Fisainany. Hitanareo? Noho izany, dia naneho ny Fisainany tamin'ny alàlan'ny Teny Izy. Hoy Izy hoe, "Aoka hisy." "Aoka hisy," dia nisy izany. "Aoka hisy," dia nisy izany.

243 Avy eo, afaka kelikely, dia nanohy nilaza Izy hoe "aoka hisy," mandra-pahatongan'ny olona nilaza, indray andro hoe, "Aza avela hiteny Andriamanitra!"

244 Hoy Izy hoe, "Ankehitriny dia hiteny amin'izy ireo amin'ny alàlan'ny mpaminany iray Aho." Hitanareo? "Manomboka izao, dia hiteny amin'izy ireo amin'ny alàlan'ny mpaminany iray Aho."

245 Ary hoy ny mpaminany hoe, "Ho tonga; hisy," dia nisy izany, dia nisy izany. Dia nisy izany, dia nisy izany, hitanareo, tahaka an'izany fotsiny. Azonareo ve ilay izy ankehitriny?

246 "Ny fahafenoan'ny fotoana" dia tonga rehefa tanteraka ny fotoana. Lasa ny fahotana, taorian'ny batisan'ny tany, rehefa avy nanao azy ho toerana mety iray ny batisan'ny tany; tsy misy aretina, tsy misy tsimoka; tsy misy tsilo, tsy misy songosongo; tsy misy fahafatesana, tsy misy alahelo, tsy misy aretim-po; tsy misy fahanterana, tsy misy na inona na inona haneho ny fahafatesana; tsy misy na inona na inona ratsy; tsara daholo; tsy misy na inona na inona ara-boajanahary. Mandrakizay!

247 Noho izany, dia voaseho ny Toetrany satria efa tao izany, aloha, hatrany am-boalohany. Izany no Nosaininy. [Manao sarisary eo amin'ny tabilao Rahalahy Branham—Mpand.]

248 Ary inona no nitranga avy eo? Nametraka an'i Adama sy Eva teto an-tany Izy, ka nanao hoe, "Mihabetsaha ankehitriny ka mamenoa ny tany." Ny vatan'izy ireo dia efa nipetraka teto daholo, mba hihinananareo sy hikarakaranareo ny vatanareo. Izany no fomba Nanaovany an'ilay izy.

249 Saingy tonga ny fahotana ka nampitsahatra ny Drafiny. Manohy mihodina hatrany izy, mitovy foana, mihodina ny fotoana.

250 Fa inona no nataon'i Jesosy? Nidina Andriamanitra ary naneho ny Tenany tao amin'ny endrika Lehilahy iray, olombelona iray; nanolotra ny Ainy, raha tokony ho nijanona teto. Fa, Izy no Mpanjaka, saingy nanolotra ny Tenany Izy mba hanavotra ny sisa. Azonareo ve ilay izy?

251 Ary rehefa tapitra izany rehetra izany, amin'izay fotoana izay dia mamerina avy hatrany izany, ary tanteraka ny tanjon'Andriamanitra. Io indray ilay Mpanjaka Mandrakizay miaraka amin'ireo Vahoakany Mandrakizay, voaseho ao amin'ny nofon'olombelona, tahaka an'ilay Nanaovany azy marina mihitsy; nesorina ny fahotana; lasa ny devoly; vita ny rehetra ankehitriny.

252 Inona no hanao an'izany? Tsy mety ho toerana iray hipetrahan'ny Lanitra ity tany ankehitriny ity. Jereo izy, ilay fahotana. Tsy maintsy ho diovina izy.

253 Tsy misy lehilahy, tsy misy olona, tsy misy vehivavy, zazalahy, zazavavy, tsy ahoako na iza izy, izay mahazo mandeha eo amin'ny polipitra, na dia mihambo ho Kristiana iray aza, raha tsy efa feno ny Fanahy Masina. Tsy manana zò amin'ny sakafon'ny Tompo ianareo, na amin'ny fandraisana iray, fanasan-tongotra, na inona na inona, raha tsy efa nodiovina tamin'ny alàlan'ny Afo Masin'Andriamanitra.

254 Tsy misy olona manana zò hitory teny raha toa ianareo ka tsy, tahaka an'i Mosesy, mihaona Aminy eo amin'ilay tany masina, mihantona eo ilay Andry Afo, izay ahafantarany hoe aiza no misy azy. Hitanareo?

255 Mariho hoe ahoana, ahoana no andehanantsika. Aorian'ny batisan'ny Afo an'ny tany, dia lasa ireo tsimoka rehetra, manao azy ho toerana mety iray amin'izay fotoana izay hitoeran'ny Lanitra eto an-tany eto.

256 Tandindona, ankehitriny, an'ny fipetrahana ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy; niala tamin'ity, maloto tahaka an'ilay vehivavy kely, ho ao amin'ilay toetran'Andriamanitra voaseho. "Zanak'Andriamanitra isika ankehitriny," tsy hoe isika *dia ho*. Toetran'ny fisainan'Andriamanitra isika. Hitanareo?

257 Hoy ianareo ankehitriny hoe, "Eny, jereo ity mpisorona ity. Tsy zanak'Andriamanitra iray ve izy?" Izany no manaporofo fa tsy izany izy. Tsy afaka nahafantatra inona izy? Nilaza ve izy hoe, "Mino ny Baiboly aho"? Azo antoka. Saingy tsy nahafantatra an'ilay Tenin'ny ora voaseho izy. Nanana fianarana ara-tsaina iray fotsiny ihany izy avy amin'ny vondrona iray izay efa nisy talohany.

258 Ary zavatra tahaka an'izany ihany ilay izy amin'izao andro izao! Hitanareo? Fantatro fa mafy izany, saingy izany no Fahamarinana.

259 Teo ny Teny, araka ny voateny marina tokoa ho an'io andro io; fa, izy, kanefa dia mahay iray izy, kanefa dia olona malaza iray izy, saingy tsy afaka nahafantatra an'Izany. Nahoana? Tsy mampaninona na mahay toy ny ahoana aza izy, ny zavatra tahaka an'izany, dia mbola tsy nanana filazana ny amin'ny fifidianana mialoha foana izy. Hitanareo?

260 Ilay voafidy mialoha irery ihany no ho anankiray izay manao an'izany; izy irery ihany no afaka ho izany. Ary ianareo irery ihany no afaka manao an'izany . . . Satria, jereo, izany no manaporofo ny fifidianana mialoha. Satria, raha manana Fiainana Mandrakizay ianareo, dia tsy maintsy efa ho ampahan'Andriamanitra foana, satria Izy no hany Tokana izay Mandrakizay. Hitanareo ve ilay izy? Oh, oadray! Eritrereto izany.

261 Ankehitriny diniho izay mitranga mandritr'ilay Arivo taona lehibe. Lasa ny fahotana rehetra, mipetraka ny Arivo taona ankehitriny, izany no fotoana andraisan'ny Fanahy Masina ny Toerany ankehitriny.

262 Tahaka ny Ataony ao amintsika fotsiny, "mifindra avy ao amin'ny fahafatesana mankany amin'ny Fiainana," mitoetra ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy, ao amin'Ny Fanatrehany be voninahitra. Na dia ny fahafatesana ara-batana aza dia ho lasa amin'izay fotoana izay; tahaka ny nahalasa ny fahafatesana ara-panahy fotsiny ankehitriny.

263 Tsy misy izany karazana fahafatesana ara-panahy izany ankehitriny, ho an'ny—ho an'ny—masin'Andriamanitra iray vita batisa. "Na dia maty aza izy, dia ho velona ihany. Izay velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mihitsy." Ny Soratra rehetra, tsy maintsy tanteraka Izany. Hitanareo? Tsy afaka ho faty ianareo. Manana Fiainana Mandrakizay ianareo. Ny zavatra tokana, dia ilay Mpanavotra no nanao anareo hahafantatra an'izany. Ary efa Izany foana ianareo, koa izany no antony ahitanareo ny andro izay iainanareo. Firy no mahita an'izany? Atsangano ny tànanareo. Hitanareo? Misaotra anareo. Hitanareo? Ilay andro izay iainantsika, fantatrareo izany.

264 Ankehitriny, hoy ny Metodista hoe, "Rehefa mihiakiaka ianareo, dia manana Azy." Maro amin'izy ireo no nihiakiaka nefa tsy nanana Azy.

265 Hoy ny Pentekosta hoe, "Rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, dia manana Azy." Maro no miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, nefa tsy nanana Azy.

266 Jereo hoe ahoana, ireo karazana endrika rehetra izay nananan'ireo Fariseo ireo, saingy rehefa tonga voaseho ny Teny, dia tsy fantatr'izy ireo Izany. Hitanareo? Hitanareo?

267 Ary raha Ampakarina ianareo, ny Ampakarina dia ampahan'ny Vady. Ary raha . . . Ny toerana tokana izay hany hahafantaranareo an'Izany, dia ny mahafantatra hoe ampahany inona amin'io Vady io (io Teny io) ianareo, raha tsy izany dia tsy afaka ahafantatra ho ny Ampakarina ianareo. Firy no mahita an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo? Hitanareo? Tsy maintsy mahafantatra ny toeranareo ianareo.

268 Tsy afaka mahafantatra ny an'ny olon-kafa ianareo. Ahoana moa raha—ahoana moa raha tonga niaraka tamin'ny hafatr'i Noa i Mosesy? Ary Noa dia ampahan'izany, saingy tsy ho nety izany. Ahoana moa raha—raha—raha—raha tonga niaraka tamin'ny Hafatr'i Mosesy i Jesosy? Tsy ho nety izany. Hitanareo, taona hafa iray izany, faminaniana hafa iray izany, ampahany hafa iray an'ny Teny no tsy maintsy tanteraka teo. Tao amin'ny andro hafa iray an'ny herinandro izy ireo. Tsy, ny asan'ny Talata dia tsy azo atao amin'ny Alarobia. Ary ny Alarobia dia tsy maintsy natao tamin'ny Alarobia. Hitanareo? Ny Sabotsy dia tsy maintsy asan'ny Sabotsy. Hitanareo?

Ary, izy ireo, nahafantatra izy ireo hoe, "Oh, Mosesy, manana an'i Mosesy izahay."

269 Hoy Izy hoe, "Raha nahafantatra an'i Mosesy ianareo, dia ho nahafantatra Ahy, satria izy no anankiray izay niresaka ny Amiko. 'Ny Tompo Andriamanitrareo dia hanangana mpaminany iray tahaka ahy.'" Azonareo ve ilay hevitra? Oh, oadray! Hitanareo?

270 Avy eo dia nilaza Jesosy, ao amin'ny Jaona 14 hoe, "Rehefa Izy, ny Fanahy Masina, no tonga, dia Izy no hitondra an'ireo zavatra ireo ao amin'ny fahatsiarovanareo, hitanareo, haneho aminareo hoe andro inona no iainanareo. Ary avy eo, ny zavatra hafa iray izay hahafantaranareo Azy, dia haneho aminareo an'ireo zavatra ho avy Izy," hitanareo, hitanareo, miverina avy hatrany any amin'ilay ara-paminaniana indray, "rehefa tonga Izy." Hitanareo?

271 Ao amin'ny Tany Vaovao sy Lanitra Vaovao, dia tsy ho maizina intsony indray, rehefa ho tonga io Tany Vaovao io. Ho fatorana ny devoly . . . Satana, mbola malalaka izy ankehitriny; mpiampanga izy. Fa ao amin'ny Tany Vaovao, dia ho fatorana izy ary hatsipy ao amin'ny Farihy Afo, ao amin'io Afo masina io.

272 Amin'izay fotoana izay, ao amin'io Tany Vaovao io, ndao isika hijery azy mandritry ny minitra vitsy ankehitriny. Ao amin'io Tany Vaovao io, dia tsy ho mainty intsony indray ny lanitra; tsia, avy tamin'ilay ozona izany, hitanareo. Tsy ho mainty intsony indray miaraka amin'ireo rahona masiaka. Tsy hitsoka manerana azy intsony indray tahaka an'izao ireo rivotra. Tsia. Tsy hanongotra an'ireo hazo intsony izy, sy hanongotra an'ireo trano, ary hanjera an'ireo zavatra. Tsy hivoaka avy

ao amin'ny Satana manerana eo intsony ny tselatra sy ny fahatezerana, ka hamono olona iray mandeha eny an-dàlana, na mandoro tranobe iray. Hitanareo? Tsia, tsy misy intsony. Tsy hisy rivo-doza handravarava intsony, na rivo-mahery sy tadio, ka hanongotra an'ireo trano, sy hamono an'ireo ankizy kely, sy ny sisa. Hah-ah, tsy hisy intsony. Ny miezaka handrava, tsy ho ao intsony izany. Voaroaka i Satana.

273 Maniry aho ny hananantsika fotoana ankehitriny. Mandingana an'ireo Soratra fotsiny aho, ankehitriny, mba tsy ho tara loatra isika. Tsy maintsy hivavaka ho an'ny marary aho.

274 Mihaona ny Lanitra sy ny tany; mihavana Andriamanitra sy ny olona. Manomboka ny Edena iray naverina; hitanareo, lasa ny ozona rehetra.

275 Mitovy fotsiny, amin'ny hoe lasa ny ozona rehetra rehefa manaiky anareo ny Fanahy Masina. Hitanareo, tsy ianareo no manaiky Azy; Izy no manaiky anareo, hitanareo, satria toetran'Andriamanitra Izany. Hitanareo, raha ny Fanahy Masina Izany, dia midika hoe, Fanahin'Andriamanitra; ary ilay toetra, ilay fisainan'Andriamanitra, no nanaiky anareo satria efa voatendry ho an'izany tanjona izany ianareo. Hitanareo? Kanefa, teraka tao amin'ny fahotana ianareo; saingy nanana an'io toetra io Andriamanitra, ka indro naneho ny tenanareo eto an-tany eto ianareo, ary midina Izy dia mandray anareo. Hitanareo, *eto* aoriana eto ianareo; *eto* no misy anareo. Hitanareo? Hitanareo, nahavery ny fahefany ny fahotana. Marina izany. Lasa niala avy tao am-ponareo ny fanirian'ny fahotana, rehefa miditra ny Fanahy Masina. Olona iray naverina ianareo.

276 Ary avy eo rehefa tafaverina ny tany, tamin'ny alàlan'ilay zavatra iray ihany, dia tsy mety hisy fanozonana intsony, tsy misy rivo-mahery intsony, tsy misy rivotra intsony, tsy misy intsony ny rivo-doza—rivo-doza, raha ny marina. Nihavana ianareo; nihaona ny olona sy Andriamanitra. Hitafy ny hatsaran'i Edenany indray ilay Tany Vaovao. Hihitatra ilay Tany Vaovao, izy, aorian'ny batisan'ny Afony.

277 Eritrereto fotsiny, hirehitra afo izy ary ho may. Ireo zavatra dia hodorana amin'ny—amin'ny hafanana mahamay. Hodorana ireo asa rehetra ao amin'ny tany. Hipoaka ny rano rehetra; hirehitra izy ary hipoaka tanteraka. Hipoaka ny zavatra rehetra. Hirefotra ireo volokano ary, an'arivony maily eny amin'ny habakabaka, no hanidinan'ny ranom-piraka mahamay. Ny tsimoka rehetra . . . Hanadio ny pentipentin'ny fahotana rehetra sy ny sisa ny Fanahy Masin'Andriamanitra. Hofatorana ny devoly rehetra ka atsipy ao anatin'ny Farihy Afo, Afo mandevona, Afon'ny fahatezeran'Andriamanitra.

278 Tsy hisy bibidia handrava anareo intsony indray ao. Rehefa mandeha eny an-dàlana ianareo, ao amin'ireo saham-boninkazo, dia tsy hisy menarana iray intsony ao hisiotsioka anareo sy

hanaikitra anareo, miaraka amin'ny poiziny mahafaty. Oh, oadray! Tsy hahafinaritra ve izany? Henoy. Amin'io Tany Vaovao io dia tsy hisy dongon-tany mavo kely iray hiavoavo, ho an'ny fasana iray; tsy hisy anankiray amin'izy ireny ao.

279 Tonga miaraka ny olona sy Andriamanitra; Ampakarina sy Mpampakatra. Hifanoroka ny Lanitra sy ny tany; midina Andriamanitra mba hitoetra eo anivon'ny olona. Miaraka amin'izy ireo ny Tabernakeliny.

280 Tsy hisy fahotana intsony, tsy hisy alahelo intsony. Tsy hisy intsony mihitsy vongan-dranomaso iray avy amin'ny tavan'ny reny iray, eo amin'ny zanany. Amena. Tsy hisy izany, eo amin'io Tany Vaovao io. Tsia. Izy dia navotana. Izy dia Azy, ary ho an'ny Azy izay navotana avy tamin'izany. Hitanareo?

281 Ary, jereo, ampahan'ity tany ity ianareo. Marina ve izany? Fa rehefa nanavotra anareo Izy, dia nanavotra ny tany tamin'ilay zavatra iray ihany Izy, ary miaraka indray ianareo. Oh, ahoana no hampahazava an'izany kokoa. Hitanareo? Tsy maintsy navotana ianareo satria ampahan'izany. Ary raha tsy niraraka teo aminareo ny Rà, dia tsy mbola navotana ianareo; tsy nantsoina ianareo. Avy eo Izy dia manadio azy; izany ilay zavatra iray ihany izay Ataony ao amin'ny Afo. Na dia, niraraka aza ny Rà, dia mbola tsy maintsy diovina amin'ny Afo izy, marina izany, ho an'ny toeram-ponenana iray ho an'Andriamanitra.

282 Efa nandray ny Toerany Andriamanitra, amin'ny ampahany. Eto an-tany ankehitriny ny Fanjakan'Andriamanitra, ao ampon'ireo Masiny. Izany ireo Toetrany izay Natombony tany amin'ny voalohany. Ankehitriny dia navotana ireo Toetrany. Inona no Andrasany? Hanavotra ny tany, hahitana an'ireo Toetrany eo ambonin'izany, hanatanteraka marina tokoa ny Drafiny voafidy mialoha. Hitanareo ve ilay izy?

283 Mariho, tsy misy fasana, tsy misy vongan-dranomaso, intsony, tsy misy fandatsahan-drà intsony. Tsy ho kotsan'ny vongan-dranomaso iray intsony izy na ny rà. Tsia. Tsy hisy ady intsony. Tsia. Tsy hisy rahon'ny ririnina. Tsy hisy orampanala mangatsiaka intsony eo amin'ny tratrany; tsy hametraka an'izany eo intsony. Ny hafanan'ny masoandro dia tsy, tsy handoro ny ahitrany intsony. Haleloia! Na dia ny tany efitra aza dia hamoaka raozy. "Io tany efitra tranainy, manindrona io dia hamony, indray andro any, tahaka ny raozy iray," Andriamanitra no niteny an'izany; rehefa navotana izy, rehefa mandray ny batisan'ny Afony izy. Misy an'ireo karazana raketa sy manindrona sy ny sisa ao ankehitriny, saingy manana batisan'ny Afo iray ho avy izy.

284 Tahaka an'izany ny olona, rehefa mbola nanana fankahalana izy, lolom-po sy fifandirana tao aminy; rehefa tonga ny batisan'ny Afo, dia izany no manadio an'ilay izy. Tsy misy fialonana intsony, tsy misy na inona na inona intsony; izany dia

toeram-ponenana iray tanteraka fotsiny ho an'Andriamanitra. Ary, tsarovy, izany no Solontenany izay hihaona Aminy any ankoatra any. Amena! Oh, toy ny inona ny . . .

285 Tsy tantara iray fotsiny izany; izany no Fahamarinana. Izany no nolazain'Andriamanitra. Izany no Nampanantenainy. Izany no andehanan'ny Ampakarina. "Na dia ny tany efitra aza," hoy Izy, "dia hamony, ho raozy iray."

286 Satana, ny fahotana, sy ireo mpanota, dia lasa, mandrakizay. Vita daholo izany rehetra izany; mitsonika ao anatin'ny Mandrakizay. Ary ny rehetra izay simba, ilay arikanjely lehibe izay nipetraka tao indray andro, Satana, izay nanao an'io ratsy rehetra io, dia ho rava. Tsarovinareo, hoy ny Baiboly hoe, "Raha tsy hanao arak'izay Nataony io fanahy io, nilaza izay hatao, dia ho Ravàny mihitsy aza io fanahy io."

287 Fa, hitanareo, tsy afaka mandrava ny Tenany Izy nefa mijanona ho Andriamanitra. Noho izany, raha avy amin'izao tontolo izao io fanahy io, dia tsy maintsy ho ravàna izy. Fa raha Mandrakizay izy, miaraka amin'Andriamanitra, dia tsy nanomboka mihitsy, satria ampahan'Andriamanitra izy ka tsy afaka ny ho ravàna mihitsy. Amena! Mahafinaritra iray toy ny inona! Ahoana—mankasitraka toy ny ahoana, fa tokony hahita an'izany ilay Fiangonana!

288 Ireo olona, izay rehetra nataonareo dia mipetraka eto mihitsy. Izany no ezahako lazaina. Hamela ny sasany amin'izay aho satria te-hiverina amin'izany indray.

289 Na dia ireo zavatra ireo aza, Satana, ireo mpanota, dia lasa, ho Mandrakizay; tsy hisy intsony mihitsy. Ny rehetra . . . Hitanareo, tsy afaka mamorona i Satana. Raha afaka izy, dia Andriamanitra izy. Hitanareo? Afaka manimba fotsiny an'izay efa noforonina izy. Hitanareo? Fa ny fanimbàna rehetra dia ho, nanimba, dia ho foana. Ary ny fahafatesana dia fanimbàna ny fiainana; koa rehefa tapitra ny fanimbàna, dia tsy mety hisy fahafatesana intsony. Ny fahanterana no famantarana iray an'ny fahafatesana; ary rehefa lasa ny fahanterana, dia miditra ny fiainana. Ny famantaran'ny fanimbàna rehetra sy ny zavatra hafa rehetra dia lasa. Ireo tsilo sy songosongo dia famantarana iray an'ny fahotana, "ho voaozona miaraka amin'izy ireo ny tany," ary foana izy ireo. Ny aretina dia tonga, tamin'ny alàlan'izany; ho foana izany. Ho foana ny fahafatesana. Ho foana ny fandatsahan-drà.

290 Tsy hisy hany hikasika an'io ahitra io afa-tsy ny fahamasinana, ilay Navotana. Oh, oadray! Hia. Oh, mahatsapa ho tena tsara fotsiny aho. Andriamanitra, sy ny Famoronany; ary ireo Zava-boahariny avy tamin'io famoronana io dia navotana tamin'ny alàlan'Ny Ràny Manokana. Nodiovina tamin'ny alàlan'ny dingan'ny Fanadiovany Manokana; ny Mpamono tsimokany, ny dingana mpamono fahotana!

291 Toy ny hoe raha masaka ny zavatra rehetra, ny fanamasahana tsara indrindra izay hany nananantsika dia ny afo. Afaka maka ny zavatra rehetra ianareo ka manasa an'izany amin'ny ranon-tsavony sy ireo akora simika rehetra izay resahan'izy ireo, dia mbola tsy afaka foana izany. Fa dory indray mandeha izany!

292 Ary rehefa ny Afo masin'Andriamanitra no manamasaka ny tany amin'ireo akora Simika; dia mampakatra Ny Ampakariny Izy, izay afaka hiditra any An-danitra miaraka Aminy, raha mbola miseho io. Ary miverina eto ambonin'ny tany indray, Lanitra Vaovao iray sy Tany Vaovao iray. Tsy afaka handratra azy ilay ririnina mangatsiaka. Tsy afaka handratra azy ilay fahavaratra mahamay. Hamony tahaka ny raozy iray ireo tany efitra. Lasa ny fahotana sy ireo mpanota.

293 Andriamanitra, sy ireo Zava-boahariny ary ny famoronany, dia miara-mitoetra ao amin'ny firindrana tanteraka. Tahaka ny lanitra sy ny tany izay vady lahy sy vady vavy, dia toy izany koa Kristy sy ilay Fiangonana, ary mihaona ao anatin'ny drafipanavotana goavana be anankiray izy ireo ka entina avy hatrany ao an-tratran'Andriamanitra indray. Hitanareo ve ilay izy?

294 Ary, ao amin'ilay Tany Vaovao, dia misy Tanàna Vaovao iray. Oh, oadray! Henoy tsara ankehitriny. Aza adino ity. Fa, Jesosy no nilaza, ao amin'ny Jaona 14, fa Izy dia handeha hanamboatra. "Aza malahelo ny fonareo." Rehefa handeha Izy, "Manana antony iray handehanana Aho. Efa nino an'Andriamanitra ianareo," hoy Izy, "dia minoa Ahy ihany koa." Tsy afaka nahita izy ireo hoe Andriamanitra Izy. Hoy Izy, "Efa nino an'Andriamanitra ianareo, dia minoa Ahy ankehitriny. Ary handeha hanamboatra Toerana iray ho anareo Aho. Ao an-Tranon'Ny Raiko misy fitoerana maro; ao amin'ny Fanjakan'Ny Raiko misy lapa maro." Eo Kristy, eo ambanin'ny fanorenana an'io Jerosalema Vaovao io ankehitriny. Henoy tsara ankehitriny. Aza mihetsiketsika. Aza, aza diso an'ity. Any An-danitra Kristy, androany, manamboatra an'ilay Jerosalema Vaovao.

295 Tahaka ny namoronan'Andriamanitra ny tany tao anatin'ny enina andro mihitsy, nanao ny tany tao anatin'ny enina andro, na enina arivo taona. Araka ny nolazainy hoe, "Aoka tsy ho tsi-mahalala," mamaky isika ao amin'ny Soratra hoe, "ny arivo taona iray dia indray andro."

296 Ary lasa Kristy ka manamboatra Toerana iray, izay efa teo amin'ny fanorenany nandritry ny taona maro, an'arivony maro, manamboatra Toerana iray. "Ary raha handeha Aho ka hanamboatra Toerana iray, dia ho avy indray Aho, ka handray anareo; ka izay misy Ahy, no hisy anareo ihany koa." Mariho ilay Mpanavotra sy ilay Navotana!

297 Maniry aho ny hananantsika fotoana ankehitriny. Nasiako marika eto, Solomona manonona hoe, "io zazavavy io, ilay Ampakarina." Oh, tsy maintsy havelantsika fotsiny izany; efa tara loatra izao, hitanareo. Izaho dia handray an'izany, indray. "Rehefa niezaka ny hahazo azy izy, saingy efa voafofon'ny tovolahy mpiandry ondry iray izy." Nihevitra angamba ny sasany fa hira iray izay nohirainy izany. Oh, tsia. Solomona no seza fiandrianana nolovaina avy tamin'i Davida, teto an-tany, saingy nasehony fa tsy maintsy ho lasa io fanjakana io. Izany dia tandindon'i Kristy latsa-pitia amin'ny Ampakarina. Hitanareo?

298 Mariho fa Jesosy no nilaza, Jaona 14 ankehitriny hoe, "handeha ary hanamboatra Toerana iray."

299 Oh, hitovy amin'ny inona izany? Efa mba nieritreritra ve ianareo ankehitriny, ry Ampakarina, hoe hitovy amin'ny inona izany? Izany dia namboarina sy novolavolain'ny Tompo-marika avy any An-danitra. Hitovy amin'ny inona io Tanàna io? Ankehitriny, hiresaka ny amin'izany isika mandritry ny minitra vitsy. Ilay Tompo-marika avy any An-danitra no nanamboatra azy, namolavola azy. Ary, jereo, Izy no namolavola an'izany tamin'ny tànana malefaka, ho an'Ny Ampakariny malalany. Hitovy amin'ny inona izany?

300 Azonareo eritreretina ve ny lehilahy iray hanambady vady iray, izay mahay, hoe ahoana no anorenany sy ametrahany ny zavatra kely rehetra araka ny faniriany marina mihitsy, izay hitiavany azy mihitsy? Amena.

301 Ankehitriny, ilay Tompo-marika avy any An-danitra no namolavola an'ilay Tanàna Vaovao, izay Hiainany miaraka amin'Ny Ampakariny, ho araka ny Faniriany mihitsy. Tsy mahagaga raha hoy ilay apostoly hoe, "Ny maso tsy nahita, ny sofina tsy nandre, na tsy mbola niditra tao am-pon'ny olona akory aza." Ndao jerentsika raha afaka handinika ny ao anatin'izany vetivety fotsiny isika, hijery hoe hitovy amin'ny inona izany.

302 Ilay Tompo-marika avy any An-danitra no namolavola an'io ho an'Ny Malalany. Hitanareo? Oh, ho Toerana iray toy ny inona izany, rehefa, Natiora avy any An-danitra, Tompo-marika iray avy any An-danitra no namolavola azy ho an'ny toetra iray avy any An-danitra izay efa voafidy mialoha avy any An-danitra tamin'ny alàlan'ny Andriamanitra iray avy any An-danitra Izay—Izay Mpanao ny Fiainana avy any An-danitra! Hitovy amin'inona izany Tanàna izany! Eritrereto izany.

303 Tsarovy, tsy Lanitra izany. Hoy Jaona hoe, "Hitako nidina avy tany An-danitra izany." Tsy maintsy ho eto an-tany izany. Hitanareo?

304 Tsy ity tany ity no ho lasa; tany navotana iray izy. Tsy nilaza Andriamanitra hoe hanangana taranaka vaovao iray Izy; hanavotra an'ilay anankiray izay eto Izy. Tsy hanangana

taranaka vaovao iray Izy; manavotra an'ilay anankiray izay efa eto Izy. Tsy hanamboatra tany vaovao Izy; izany dia ity anankiray izay eto ity mihitsy. Handoro azy fotsiny Izy, hanadio azy, tahaka ny Nanaovany anareo. Tsy maintsy maharitra mandrakizay ireo Drafiny. Ankehitriny, jereo, hisy izany.

305 Tsarovy, tsy ho Lanitra izany. "Izany dia midina avy any An-danitra." Izany dia Toeram-ponenana iray, Toerana iray honenana ao anatiny, hametrahana ny Fonenany. Tahakan'ny, Jaona ilay izy, tao amin'ny nosin'i Patmo, eto amin'ny Apokalypsy 21, izy dia nahita an'izany "nidina." Nahita an'ilay Tanàna i Jaona, "nidina avy tany An-danitra," tahaka ny voromailala iray, araka ny hitany.

306 Indro tonga Andriamanitra, midina eo ambonin'ny Tabernakeliny eto an-tany, Jesosy, ao amin'ny . . . "midina avy any An-danitra." Natao batisa Jesosy, nandeha avy hatrany . . .

307 Rehefa nihaona tamin'ilay mpaminany Izy! "Ny Teny dia tonga amin'ny mpaminany." Ary Izy no Teny. Fa nitsangana teo ilay mpaminany, nandà ny anaram-piangonany rehetra, ny zavatra rehetra. Ary, rehefa nahita ny Teny izy, dia nanatona azy avy hatrany ny Teny.

308 Ary tena taitra ilay mpaminany, hoy izy hoe, "Izaho no mila Ataonao batisa. Nahoana Ianao no manatona ahy?"

309 Hoy Izy hoe, "Ataovy ihany, fa izao no mety amintsika (fantatsika ilay hafatra) mba hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. Izaho ilay Fanatitra; tsy maintsy voasasa Izany." Navelany hanao izy.

310 Rehefa niakatra avy tao anaty rano Izy, dia hoy izy hoe, "Nahita ny lanitra nisokatra aho." Nahita an'izany ilay mpaminany. Nahita ny lanitra nisokatra izy.

311 Ary indro tonga, nidina avy tany An-danitra, endrika Voromailala iray; sy Feo iray, nanao hoe, "Inty ny Ampahako avy amin'ny tany izay Navotako, ary avy amin'ity ampahany avy amin'ny tany ity no Hanavotako ny sisa amin'izany, satria Izy No Teniko tonga voaseho." "Ary ny tany manontolo, dia Izaho no niteny azy ho amin'ny fisiana tamin'ny alàlan'Ny Teniko," Hebreo 11. "Ary Satana no nihazona azy nandritr'io fotoana rehetra io, saingy tonga Aho hanavotra azy. Betsaka avy tamin'izany no nanaovana ny Vatany, ary tonga Aho hitoetra ao anatiny."

312 Hoy Jaona hoe, "Nahita ny Tanàna masina aho, ilay Jerosalema Vaovao nidina avy tany An-danitra, tahaka ny Ampakarina mihaingo ho an'ny Vadiny." Ary taiza izany no nipetraka? Tahaka ny nataony tany marina mihitsy; eto ambonin'ny tany.

313 Jesosy dia ampahan'io tany izay nidinan'ny Fanahy Masina io, (marina ve izany?) ka nijanona teo Amboniny mandrakizay.

Tsy afaka hiala Aminy mihitsy Izany. Eo foana Izany. Izy sy Andriamanitra dia Iray. Tsy maintsy mijanona foana!

314 Ary noho izany dia nahita ny Tanàna masina i Jaona, ilay Jerosalema Vaovao, nidina tahaka ny kintana manan-drambo iray, na ny—ny voromailala, nidina avy tany An-danitra ary nipetraka teo ambonin'ny navotana iray, ny tany manontolo, (mba hanao inona?) hitaky ny toetra rehetra izay Nanaovany ny tany. Ny lehilahy rehetra izay voaseho tao amin'ny Mandrakizay, sy ny vehivavy rehetra, dia navotana tamin'izay fotoana izay. Efa nokosehana sy nodorana tamin'ny Afo izy.

315 Jesosy, tao amin'ny Fakam-panahiny nahamay tany an-efitra, nandritry ny efapolo andro. Taorian'izany, dia mariho, vonona ho an'ny Asam-panompoany ilay izy tamin'izay fotoana izay.

316 Eritrereto izany, ny Fanahy Masina izay nidina teto ambonin'ny tany, Jesosy, sy io Rà masina io! Ankehitriny diniho, ary manantena aho fa tsy mandeha lalina loatra ho anareo aho, hitanareo. Ilay Rà masina izay noforonin'Andriamanitra; ilay Rà, ilay Aina, ilay famoronan'Andriamanitra. "Jesosy no fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra." Oh! Hitanareo ve ilay izy? Andriamanitra, no nanao ny famoronana. Fanahy Izy. Hoy ny Baiboly hoe, "Izy no fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra." Ahoana no Nanombohany? Tao anatin'ny kibon'ny vehivavy iray. Izany hoe inona? Ny vehivavy dia tsy . . .

317 Tahaka ny hoe ahoana no tsy nahafahan'ireo olona mahita an'ilay "taranaky" ny menarana mihitsy eto. Hitanareo? Napetraka teto an-tany teto i Eva, ary, talohan'ny nikasihan'i Satana azy mihitsy, na zavatra hafa, dia hoy Andriamanitra tamin'izy ireo, "Mihabetsaha ary mamenoa ny tany." Marina izany, saingy miditra eto i Satana. Ary, raha zanak'i Adama io, amin'izay fotoana izay dia aiza . . .

318 Adama dia firazanana iray nivantana avy tamin'Andriamanitra. Ary maka fotsiny ihany an'ilay natioran'ny raiamandreninareo ianareo.

319 Ary rehefa nateraka indray ianareo, dia maka an'ilay Natioran'ny Raiamandreninareo, avy any An-danitra. Ary ny Raiamandreninareo avy any An-danitra no toetran'ny Teny . . . Na, ny Teny no toetran'ny Raiamandreninareo. Noho izany, ahoana no ahafahanareo mandà an'Izany, ho an'ny anarampiangonana iray? Oh, oadray!

Manantena aho fa tsy ho diso an'izany ianareo. Fantatro fa avy amin'Andriamanitra izany.

320 Jesosy. Indro tonga Izy, nidina; ary teo Jesosy, ilay toetran'Andriamanitra.

321 Ankehitriny, "ilay vehivavy," izy. Diniho. Hoy Andriamanitra hoe, "Satria nanao an'izany izy ireo," hoy Izy, "dia hametraka fifandrafesana eo amin'ny Taranakao sy ny taranaky ny menarana Aho." Marina ve izany? Fa tsy manana voa mihitsy ny vehivavy. Efa mba nieritreritra an'izany ve ianareo? Saha iray izy, fa tsy voa iray. Hitanareo, efa nametraka sahady ny "taranany" tao ilay menarana.

322 Noho izany, raha tsy manana voa iray ny vehivavy, dia tsy maintsy mitoetra izy mba hanana Taranaka iray.

323 Hitanareo, tamin'ny alàlan'ilay fiarahana ara-pananahana eto, izay nentin'i Satana, ilay menarana, izay tsy biby mandady iray; nanana ranjo, satria nesorina taminy ny ranjony. Izy no fetsy indrindra, ilay hany bibidia izay afaka—afaka hiray amin'ny vehivavy.

324 Tsy afaka hanao an'izany ny voam-bibidia iray ankehitriny, ary na inona na inona hafa. Efa nanandrana izy ireo. Tsy hety izany. Hitanareo, ilay voan'aina avy ao amin'ny lahy dia tsy hiditra ao amin'ny vehivavy vavy iray. Tsy hanao an'izany io.

325 Fa izany dia ilay zavatra nifanakaiky indrindra. Hitanareo, tsy afaka mahita an'io karazana io eo anelanelan'ny rajako iray sy olona iray izy ireo. Hitanareo, ny tsirairay avy, arakaraky ny fivoarany, avy amin'ny vorona, ary manohy mankany amin'ny gidro, sy ny sisa, hatrany amin'ny rajako, avy eo dia nisy iray "very." Ny menarana izany, tsy bibilava iray; nariana avy taminy ny endrika rehetra, satria voaozona izy.

326 Ankehitriny, tsy nanozona an'i Adama Andriamanitra; mety nanao an'ilay zavatra iray ihany izy, saingy nanozona ny tany Izy, "tsilo sy songosongo."

327 Tsy nanozona an'i Eva Izy, fa nilaza hoe i Adama no ho "mpanapany." Manomboka izao, dia tsy manandrana mitory teny intsony izy na inona na inona, Adama no mpanapany. "Ary ny fiainanao rehetra, sy ao amin'ny alahelo, ary ianao no hitondra ny. . . aina eto an-tany." Fa hoy Izy hoe, "Hametraka fifandrafesana eo amin'ny Taranakao Aho . . . "

328 Ankehitriny, tsy nanana voa iray izy, tsy nanana mihitsy izy, noho izany, dia tsy maintsy nandray Taranaka iray avy amin'ny fanao iray izy. Nanome azy Taranaka iray Andriamanitra, tsy tamin'ny alàlan'ny fiarahana ara-pananahana, fa tamin'ny alàlan'ny famoronana.

329 Tsy afaka mahita ve ianareo olona jamba fa izany ilay "taranaka" avy tamin'ny menarana? Oh, oadray! Satana no tonga teo talohan'i Adama; izany ilay "taranaka."

330 Fa nandray Taranaka iray izy. Inona izany? Andriamanitra Izy tenany. "Izy no fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra."

331 Jereo ankehitriny rehefa teraka i Seta, na Abela, lehilahy marina iray izy, avy tamin'ny rainy. Tahaka an'izany koa i Seta.

332 Avy taiza ilay olona ratsy; mpamono olona, mpandainga? Hitanareo, hitanareo ve izay nihaviany? Izany dia tsy maintsy ho "taranaka," satria taranaka iray izy; lehilahy iray i Kaina.

333 Oh, aiza no misy an'ireo olona jamba ireo? "Ny andriamanitr'ity izao tontolo izao ity no nanajamba azy ireo." Eny, tsy mahagaga, nilaza Jesosy fa tsy misy olona afaka mahita an'izany. Hitanareo?

Hoy ianareo hoe, "Nahoana izy ireo no tsy mahita an'izany?"

334 Nilaza Jesosy indray mandeha, tamin'ny Mpianany hoe, "Efa nomena anareo ny hahafantatra ny Fanjakan'Andriamanitra, fa tsy ho azy ireo."

335 Ary izany no antony nahatongavanareo avy tany amin'ny dimy arivo sy iray alina maily tora-droa, hitanareo, "Efa nomena anareo ny hahafantatra ny Fanjakana." Jereo, tonga avy any Afrika Atsimo sy ny manodidina mihitsy aza ireo olona, amin'ity ora efa tara izay anaovana ny Ampakarina hiakatra hiditra ao amin'ilay Fanjakana ity.

Tsy manana fotoana betsaka fotsiny aho. Mariho. Diniho ankehitriny, hitanareo.

336 Ankehitriny afaka mahita an'ilay "taranaky" ny menarana ve ianareo eo, mahita hoe ahoana no nanaovany azy? Tanteraka izany, hitanareo. Ankehitriny dia nilaza ny sasany tamin'izy ireo . . .

337 Ankehitriny, tahaka an'ity zalahy tany Tucson ity indray andro, niezaka . . . Ah, mety mihaino an'ity horonam-peo ity izy. Fa, raha izany ilay izy, ralehilahy, dia te-hiteny zavatra iray aminao aho.

338 Rehefa hoy izy hoe, "Eva dia nilaza," eto no andehanan'izy ireo, "'Nahazo zazalahy iray avy tamin'ny Tompo aho, na lehilahy iray avy tamin'ny Tompo.'" Nahoana, izany tokoa. Manana lalàna iray Andriamanitra.

339 Jereo, alaivo ny voa iray ka amboleo eto amin'ny saha iray izay misy vary eto izany, ary mambole tsilotsilo eo. Tsy ahoako, fa ilay masoandro iray ihany sy ilay ranonorana iray ihany no mitondra an'io voa io ho amin'ny fiainana. Manana lalàna iray Andriamanitra, ary tsy azo foanana io lalàna io.

340 Tsy ahoako raha ny—raha ny . . . ny vehivavy ratsy toetra indrindra eo amin'ny tanàna sy ny lehilahy ratsy toetra indrindra, ary tsy manambady sy ny sisa, no hanana ny—ny firaisana iray, ka miara-miaina ary miteraka zaza iray; io zaza io dia tsy maintsy tonga araka ny lalàn'Andriamanitra, satria tsy misy fomba hafa iray. Raha tsy izany ianareo, dia manao an'i Satana ho mpamorona iray, ary amin'izay fotoana izay dia andriamanitra iray izy. Oh, mety ho jamba toy ny ahoana ianareo! Hitanareo, lalàn'Andriamanitra, izany tokoa.

341 Raha mba manana zazakely iray ianareo, tsy ahoako na Esao izany, Jakoba, na iza izany na iza, na olona ratsy laza iray, raha Jodasy izany, dia tsy maintsy tonga avy amin'Andriamanitra izy. Manana lalàna iray Andriamanitra.

342 Hoy ny Baiboly hoe, "Mamiratra eo amin'ny marina sy ny tsy marina ny masoandro; ny ranonorana dia milatsaka eo amin'ny marina sy ny tsy mar- . . . " Hebreo ny toko faha-6, ary izany no milaza fa, "Ny—ny ranonorana dia tonga matetika eto ambonin'ny tany, mba hanondraka azy, sy hanomana azy ho an'izay nanamboarana azy, fantatrareo, mba hanome fiainana; fa miaina amin'ilay rano iray ihany ireo tsilo sy songosongo, tara-masoandro iray ihany." Satria, lalàna iray an'Andriamanitra izany, mba hanamasaka ny voa rehetra, mba hanao ny voa rehetra hamokatra amin'ny tenany.

343 Noho izany, ilay izy dia tsy maintsy namokatra an'ilay "taranaky" ny menarana. Ary izany dia tsy—tsy nanakana an'Andriamanitra mihitsy; nanatanteraka ny Drafiny manontolo izany, izany no nanao Azy ho Mpanavotra iray. Ny jamba rehetra dia saiky tokony hahita an'izany, raha tsy hoe miafina ilay izy. "Ilay andriamanitr'izao tontolo izao" no nanafina an'izany taminareo. Mazava tsara mihitsy tahaka ny ahafahanareo mahita ilay izy. Eo ianareo izao. Io ilay "taranaky" ny menarananareo. Mariho ankehitriny.

Fa, "Jesosy no fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra."

344 Inona no ataon'ilay vehivavy ankehitriny? Fa, avy amin'ny fananahan'ny lahy ny tsimoka. Mandà an'izany ve ankehitriny? Ny vehivavy dia tsy manana aina ao anatiny, mihitsy. Atody kely iray fotsiny no ananany, izany hoe saha iray eo.

345 Tahaka ny hakanareo saha iray ka mamadika azy rehetra, ary—ary manisy fanondrahana iray eo aminy, ka manondraka ny tsimoka rehetra hiala aminy. Ary tsy—tsy misy ahitra akory aza na inona na inona afaka haniry ao aminy; ary avy eo dia manisy zezika indray ianareo, mamafy voa tsara iray ao. Raha tonga ilay fahavalo ka mamafy voa hafa iray, dia ilay lalàn'Andriamanitra iray ihany no hanamasaka an'ireo voa anankiroa ireo.

346 Eny, tsy nikasa hampisy an'io Andriamanitra, hitanareo. Fa inona no nitranga?

347 Hitanareo, ilay tsirinaina avy amin'ny lahy no mitondra ny selan-drà, izany hoe ny rà. Ao anatin'ny rà no misy ny aina. Ary ianareo raha mba . . . Efa nandinika an'izany aho, teo amin'ny fampiarahana biby fiompy sy ireo zavatra tahaka an'izany. Izaho sy Rahalahy Shakarian dia efa nahita an'izany, ary ireo dokotera sy ny sisa, nandinika hoe ahoana no fandehan'izany, ireo mpahay simia. Hitanareo? Avy eo dia tonga ilay tsirinaina avy amin'ny vavy, izay andian'atody iray. Indro tonga ilay tsirinaina avy amin'ny lahy, izay andiana tsimoka iray.

348 *Ity* dia tsy manana tsimoka kely iray ao anatiny. Vokatra notsoahina avy tamin'ny lehilahy fotsiny izy. Toy izany no ahatongavany eto, tamin'ny voalohany, ary saha iray fotsiny ihany izy. Eto misy atody iray; manana an'ilay tany lonaka izy ho an'io aina io. Ary ity aina ity dia miditra sy mandady. Izay ilay zava-miafina, ahoana fa . . .

349 "Angamba," hoy ianareo, "eny, ilay anankiray voalohany no mihaona. Ny sisa amin'izy ireo dia maty." Eny, ahoana, iza no mametra an'izany? "Eny, ilay anankiray voalohany." Ho ilay anankiray eo aloha ve izany; ilay atody eo aloha, sy ilay tsimoka voalohany? Tsia, tsia.

350 Mety ho atody anankiray izany; any aoriana indrindra, any aoriana, ao afovoan'ilay tsirinaina, no hivoahan'ny tsimoka iray ka hihaona aminy. Izany no maneho fa fahalalana iray no mametra na ho mena volo ilay izy, mainty volo; na ho kely ilay izy, goavana; lahy na vavy. Hitanareo? Ianareo dia tsy afaka, tsy afaka hanao na inona na inona hafa mikasika an'izany ianareo; tsy hety izany. Afaka manafangaro azy miaraka ianareo, sy ny sisa, fa tsy hanao fahasamihafana kely iray izany. Andriamanitra no mametra an'izany. Ary afaka kelikely, dia handady ao anatin'io saha io ny tsimoka kely iray, atody. Izy dia manana rambo kely iray, tahaka an'izany, eo aminy, miolanolana manodidina; miendaka, ary eo no manomboka ny taolan-damosin'ilay zazakely.

351 Inona àry izy? Tsy manana voa izy. Manana saha iray handraisana an'ilay voa izy. Noho izany ny . . .

352 Hitanareo, nivoaka ilay fahavalo. Raha mbola nivoaka ilay mpamafy tsara, namafy an'ilay Voa tsara; dia tonga taoriany ilay fahavalo, namafy voa lò. "Fa ny ranonorana dia milatsaka eo amin'ny marina sy ny tsy marina; ny masoandro." Tsy maintsy maniry izy rehetra.

353 Hoy Jesosy hoe, "Avelao izy ireo hiaraka haniry. Amin'izany andro izany dia ho fehezina izy ireo, ireo ahi-dratsy." Ary eo am-pifehezana izy ireo ankehitriny, ao anatin'ireo rafi-pandaminana goavana; handeha ho ao amin'ilay fehezana goavana, Fiombonamben'ny Fiangonana Maneran-tany. Ary inona ilay fiafarany? Tsy maintsy hodorana. Fa ilay voam-bary kosa dia tsy maintsy entina mankao an-tsompitra. Hitanareo? Fa, samy miaina amin'ilay zavatra iray ihany izy roa, ilay rano iray ihany, ilay ranonorana iray ihany.

354 Ny hazom-boasary iray, izany hoe ny—izany hoe ny hazo voasary iray, dia hitondra, tsy maintsy hitondra; hamokatra eo aminy, raha natao grefy tao aminy ilay izy, ampongambendanitra iray. Hamokatra voasary makirana iray izy. Hamokatra pampelimosy iray. Hitanareo? Saingy tsy ho voasary iray izany, fa miaina amin'ilay aina iray ihany izay amokaran'ilay hazo voasary izy.

355 Natsofoka tao anatin'ilay Voaloboka ireo anarampiangonana. Satria, raha manambara izy ireo hoe "Kristiana," dia miaina amin'ny alàlan'izany izy ireo. Izany i Kaiafa; fantatrareo hoe inona izy, kanefa dia naminany mihitsy aza izy. Hitanareo? Hitanareo, miaina amin'ny alàlan'izany izy ireo.

356 Oh, maniry aho ny ahafahantsika hanana herinandro iray, mba ahafahantsika mianatra tsara an'io fotsiny, sy manao azy ho tena mazava ka ianareo—tsy ahafahanareo ho diso amin'ny fahitana an'izany. Ankehitriny dia hamela ny sasany amin'ireto zavatra ireto aho.

357 Diniho ankehitriny. Jereo, ireo tànana ireo no nikolokolo an'io ho an'Ny Ampakariny Malalany, mikolokolo amin'ny fitiavana malefaka ho an'Ny Ampakariny.

358 Tsarovy fa nidina teo amin'i Jesosy ny Fanahy Masina, fa, Jesosy dia ampahany iray an'ilay tany. Nahoana? Ilay tsimok'Andriamanitra, ilay Ain'Andriamanitra, dia nokolokoloina tao anatin'ny kibon'ny vehivavy iray (marina ve izany?), izany hoe ny tany. Eny àry. Ary tamin'izay fotoana izay dia niditra ilay Ain'Andriamanitra, noho izany, "Izy no fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra." Hitanareo? Ary avy eo io Ràn'Andriamanitra io, izay tao tamin'ny alàlan'io tsimoka io; rehefa niraraka tao Kalvary izany, dia nilatsaka teo ambonin'ny tany. Ho an'ny inona? Hanavotra an'ilay tany. Ankehitriny, efa nohamarinina izy; efa nohamasinina izy; nantsoina, ary notakiana; fa ankehitriny dia tsy maintsy mandray ny batisan'ny Afony izy, ka ho voadio ho an'i Jesosy sy Ny Ampakariny.

359 Ary ianareo ireo ampahany hafa ireo izay nosintonina avy tamin'io tany io. Ny tany, ampahan'ny tany ianareo; ny vatanareo. Ny fanahinareo dia ampahan'Andriamanitra, toetran'Andriamanitra, naseho eto an-tany ao amin'ny vatana iray. Tsy maintsy avotana ilay vatana.

360 Ankehitriny, navotana ilay fanahy, satria tao anatin'ny fahotana izy. Noho izany dia nidina Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny dingana iray an'ny fanamarinana, fanamasinana, batisan'ny Fanahy Masina, ka nanavotra ny fanahinareo.

361 Ary ianareo, satria ampahan'ny tany, navotana tamin'ny alàlan'izany izy. Ao amin'ilay dingana ianareo ankehitriny. Maniry izany. Efa nohamarinina teo ambanin'ny batisan'i Noa ny vatanareo. Amena! Ary, ny nofonareo, rehefa nilatsaka teo Izany. Fa tsy maintsy diovina amin'ny Afo ny tany, ilay toerana izay hipetrahanareo, miaraka amin'ny batisan'ny Fanahy Masina; Toeram-ponenana iray ho an'i Kristy sy Ny Ampakariny, ilay Jerosalema Vaovao.

362 Diniho io Tanàna io; tany, manao ny fonenany eto an-tany. Ankehitriny dia afaka mahita mazava tsara ianareo araka ny nolazaiko, ilay . . . io fiovana io, tsy maintsy ovaina ny tany. Izy dia tsy afaka hanao Azy tahaka an'izao. Ny fiangonana

dia tsy afaka handeha . . . Na, ny tany dia tsy afaka hanohy avy hatrany, aorian'ny Arivo taona, tsy novaina. Hitanareo? Mba hananana Toerana iray tahaka an'izany ao aminy, dia tsy maintsy ovaina izy.

363 Mitovy fotsiny, hoe isika dia tsy maintsy hovain'Ny Afony masina, mba hanomana sy hanao toerana iray ho Azy mba ho tafiditra ao anatintsika; izany hoe, ny Fanahy Masina.

364 Mariho ankehitriny, hisy efitra maro ao amin'ilay Tany Vaovao. Ah-hah. Hitanareo, efitra maro! Havaozina Izany, marina izany, amin'ny Afo, saingy tsy hisy ranomasina intsony. Mariho, ilay Tanàna dia dimanjato sy arivo maily tora-droa.

365 Henoy tsara ankehitriny raha manao sary an'ireo refy ireo isika. Te-hamafa ny tabilao aho, vetivety fotsiny. [Mamafa an'ireo kisarisariny teo aloha Rahalahy Branham—Mpand.]

366 Eto dia misy fanambarana lalina iray avy amin'Andriamanitra. Eto, hijanona eto fotsiny aho. Tsy misy amin'ireto hafa ireto . . . Hitondra ny sisa amin'ity aho, raha sitraky ny Tompo.

367 Mariho ankehitriny fa ny tany dia . . . Eny, raha mamadika ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy ianareo, dia afaka mahita hoe ahoana no nandrefesany azy tamin'ny hakiho sy tamin'ny stadio. Telonjato sy roa arivo . . . Noho izany dia hitantsika ankehitriny fa ilay—ilay Tanàna dia mirefy, "dimanjato sy arivo maily" tora-droa.

368 Fantatrareo ve hoe hatraiza no ho tratran'izany? Efa nandrefy an'izany aho, tamin'ity herinandro ity. Izany dia hahatratra manomboka eo amin'i Maine hatrany Florida, ary manomboka amin'ny morontsiraka atsinanana ka hatrany amin'ny eninjato maily mihoatra, andrefan'i Mississippi. Amin'ny teny hafa, dia ny antsasak'i Etazonia, ho an'ilay Tanàna fotsiny.

Hoy ianareo hoe, "Tsy misy efitra izany."

369 Rehefa lasa ny ranomasina dia hisy, satria saiky eo amin'ny efatra ampahadiminy dia ao anaty rano. Marina ve izany? Ilay fipoahana no manamaina ny ranomasina, manapoitra ny tany. Oh, oadray! Tsarovy, dimanjato sy arivo maily tora-droa, Tanàna iray toy ny inona! Ary, nefa, tsarovy, lasa ny ranomasina.

370 "Ary mitovy ny sakany sy ny hahavony." Izany no hanao azy ho dimanjato sy arivo maily amin'*ity*, dimanjato sy arivo maily amin'*itsy*; dimanjato sy arivo maily; ny halavany amin'ny sakany amin'ny hahavony. Dimanjato sy arivo maily, eritrereto izany, volamena mangarangarana. Ary ilay Tanàna dia nanana rindrina iray nanodidina azy.

371 Ankehitriny, ankehitriny, izany tsy dia midika loatra, hoe satria mitovy . . . Izao no voalaza hoe, "Ary nitovy ireo rindrina sy ny fanorenana," izany tsy dia midika loatra hoe kioba ilay izy na

tora-droa. Misy refy ara-jeografia hafa iray, hoe mitovy ireo refy, izany dia, pyramida iray. Efa-joro, “natao efa-joro,” ary nitovy ireo rindrina.

372 Mamelà ahy hanao sary azy. [Manao kisarisary eo amin’ny tabilao Rahalahy Branham—Mpand.] Hitanareo: halavany, sakany, hahavony. Hiditra ao amin’ny zavatra anankiray isika, azo antoka tahaka an’izao tontolo izao. Hitanareo? Mariho, ireo refin’*ity* zorony ity dia mitovy, izy rehetra ireo, ny halavany amin’ny—amin’ny hahavony. Misy fandrefesana hafa iray, ilay pyramida, izay manaporofo an’izany.

373 Ity, satria tahaka an’izany, dia hamaly marina tokoa ny famantaran’i Enoka tany Egypta, ilay pyramida. Sa tsy izany? Enoka, talohan’ny fandravàna talohan’ny safo-drano, rehefa tonga ny fanamarinana, dia namokatra famantarana iray izy, ka tao anatin’io pyramida io dia nisy tohatra fito izay mankao amin’ny efitry ny mpanjaka. Diniho eo amin’ilay tohatra fahafito, raha efa mba nianatra an’ireo refin’ny pyramida ianareo, inona no manatona haka an’ilay vao tonga, hampiditra ao amin’ilay mpanjaka. Diniho hoe an’iza ilay toerana izay mijoro eo, dia ho hitanareo ny andro izay iainanareo, ao amin’ilay pyramida.

374 Ankehitriny, nanao Baiboly telo Andriamanitra. Ankehitriny, misy ny fampianarana pyramida iray izay tsy misy dikany, fa misy pyramida tena izy iray. Hitanareo? Mariho. Ankehitriny, Andriamanitra, ny Baiboly voalohany. . . Nanao telo Izy. Tsy maintsy ao amin’ny telo ny zavatra rehetra.

375 Tonga intelo Jesosy. Tonga, indray mandeha, mba hanavotra Ny Ampakariny; ny fotoana manaraka, dia mba haka Ny Ampakariny; ny fotoana manaraka, dia miaraka amin’Ny Ampakariny. Hitanareo?

376 Mariho ankehitriny hoe mahafinaritra toy ny ahoana. Hitanareo? Ary tao amin’ity pyramida ity dia nisy tohatra fito, ary avy eo dia ny efitr’ilay mpanjaka. Ary ao amin’ny taom-piangonana fahafito isika, mialohan’ny handraisan’ilay Mpanjaka Ny Seza fiandrianany. Ary, tsarovy, fa tsy nanana vatosarona teo amboniny mihitsy ilay pyramida.

377 Ny Baibolin’Andriamanitra voalohany dia teny amin’ny lanitra, ny Zodiaka; nanomboka izy ary nandeha teo amin’ny taona rehetra. Ny voalohany, ny fanombohan’ny Zodiaka, dia virijiny iray; toy izany no Nahatongavany, voalohany. Ny sary farany ao amin’ny Zodiaka dia Leo ilay liona; ny Fihaviana faharoa. Alohan’izany mihitsy dia misy ny trondro mifangaro iray, dia ny taonan’ny foza; izay iainantsika ankehitriny.

378 Nisy pyramida iray taorian’io, Enoka, izay manambara marina tokoa. Tsy hanana fotoana hidirana ao amin’izany isika, fa, indray andro any, amin’ny fanampian’Andriamanitra, dia

hasehoko aminareo, hanao sary marina mihitsy an'ilay refin'ny ora izay iainantsika. Hitanareo?

379 Mariho, fa ity refy ara-jeografia ankehitriny izay ananantsika ity, izay mitovy ireo refy, tsy dia midika loatra hoe izany dia tsy maintsy ho—ho kioba iray. Mariho, ity no hamaly ny an'i Egypta . . . na ny famantaran'i Enoka tao Egypta.

380 Amin'ny fotoana fanadiovana ny tany, amin'ny alàlan'ny batisan'ny Afony, dia hisy volokano, tahaka ny ipoahan'ity tany ity, ary hamoaka Tendrombohitra iray tahaka ny pyramida. Hitanareo? Efitra maro mba hanaovana an'izany! Hovaina ity zavatra manontolo ity. Hovaina ilay tavany manontolo. Azonareo ve ilay izy? Hamoaka Tendrombohitra iray tahaka ny pyramida izy.

381 Tsy maintsy miaraka amin'ny Teny marina tokoa izany raha izay no izy, fa ho izany izy. Mariho ankehitriny, fa, ao amin'ny Isaia 65:25, izay vao avy novakiantsika, Izy no nilaza.

> *Izy ireo dia tsy handratra* na *hanimba eran'ny tendrombohitro masina, hoy ny* T*OMPO*.

382 Oh! "Eran'Ny Tendrombohitro masina!" Tsarovy, izany dia "Tendrombohitra" iray foana.

383 Raha nahitsy ambony-sy-ambany ireo rindrina, dia avy ety ivelany ihany no mety hahitana an'ilay Tanàna . . . na avy ao anatiny, avy ao anatiny ihany no mety hahitana an'ilay Seza fiandrianana; saingy mariho fa avy ao anatiny irery ihany no mety hahitana azy.

Fa mahita isika ankehitriny ny teny fikasan'ny Isaia 4:5. Ndao isika hamaky an'izany mihitsy.

384 Maika ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Tsia, aza maika ankehitriny. Isika—isika—isika dia eo—eo amin'ny zavatra iray miavaka ankehitriny, tena betsaka—tena betsaka an'ny—ny fotoana iray izay tsy maintsy hahazoanareo tsara eto. Satria, te-hanao an'izao hazava aho. Ary avy eo rehefa miverina amin'izany indray isika, izaho dia—hasehoko anareo amin'izay fotoana izay hoe aiza isika—aiza no resahantsika, inona, ao amin'ny fianarantsika manaraka eo amin'izao, amin'ny fotoana hafa iray.

385 Oh, deraina ny Tompo Jesosy! Diniho eto, hoe ahoana fa tsy mety diso ny Teny. Diniho ankehitriny eto amin'ny Isaia. Voaraiko naoty eto izany, raha afaka hahita an'izany indray aho, iray minitra fotsiny. Isaia 4:5. Henoy ankehitriny, miresaka ny amin'ny Fihavian'ny Tompo izy, hoe ahoana fa ho tena ratsy fitondran-tena ireo vehivavy. Oh, hoy izy hoe, "Vehivavy fito . . . " Henoy. Ndao isika hamaky an'izany mihitsy. Jereo eto.

> *Ary amin'izany andro izany dia hisy vehivavy fito* izay *hihazona lehilahy iray, hanao hoe,* Izahay dia *hihinana ny mofonay manokana, . . . hitafy ny lambanay*

*manokana: izao ihany avelao izahay hantsoina amin'ny anaranao, mba hanaisotra ny henatray.*

386 Izany no andro farany, izay iainantsika ankehitriny; fanambadiana, fisaraham-panambadiana, sy fivarotan-tena, ary inona koa.

*Amin'izany andro izany ny rantsan'ny* T*OMPO dia ho tonga tsara tarehy sy be voninahitra,* . . . *ny vokatry ny tany dia ho rehareha sy firavaka* . . . *ireo izay* . . . *afaka amin'ny Isiraely.* (Ahoana no nahafahanareo tamin'io ozona rehetra io! Hitanareo?)

*Ary izao no hiseho, fa izay sisa any Ziona, sy izay* sisa nanamborana *any Jerosalema, dia* . . . (Ndao jerentsika.) . . . *any Jerosalema, dia hantsoina hoe masina, na dia ny rehetra izay voasoratra eo anivon'ny velona any Jerosalema aza,* hitanareo:

Rehefa *voasasan'ny Tompo ho afaka ny loton'ny* zanakavavin'*i Ziona,* (tsarovy, ny Ampakarina foana izany, hitanareo) . . . *sy ho* voadion'*ny ràn'i Jerosalema* (izany dia ilay sisa nanamborana amin'ireo Jiosy, miampy ny Ampakarina, hitanareo) . . . ary eo *afovoan'izany* miaraka *amin'ny fanahin'ny fitsarana,* afo . . .

387 Ny fitsaran'Andriamanitra foana izany, rehefa manao ny Fitsarany farany Izy. Miantso anareo, manamarina anareo, ary mitondra anareo ho amin'ny fanavotana; avy eo dia miraraka eo amboninareo ny Fitsarany, ary ny Fanahy Masina sy Afo no manadio ny ota hiala. Amin'izay fotoana izay dia Azy ianareo.

388 Mitovy amin'izany no Ataony amin'ny tany, rehefa manadio azy amin'ny Afo Izy, "ary amin'ny fanahin'ny fandorana." Jereo ankehitriny. Henoy! Vonona ve ianareo?

*Ary ny* T*OMPO dia hamorona eo ambonin'ny toeram-ponenana rehetra an'ny tendrombohitra Ziona, sy eo ambonin'ny* fivoriany, *rahona* avy *amin'ny setroka amin'ny atoandro, ary* ny *fahazavan'ny* . . . *afo amin'ny alina: fa eny ambonin'ny voninahitra rehetra dia hisy eloelo.*

389 [Manao kisarisary eo amin'ny tabilao Rahalahy Branham—Mpand.] "Ny Tompo, amin'izany andro izany, eo amin'ny tampon'izany, dia hamorona Afon'ny Hazavana handoro mandritry ny andro." Ary mandroso aloha izy ka manao hoe, "Izany dia ho fialofana iray, fialan-tsasatra iray, toeram-pialofana iray." Mariho, manao marina tokoa an'ilay resahan'ny Baiboly, marina tokoa. Nahitsy ambony-sy-ambany ireo rindrina, tsy afaka hahita an'izany ianareo. Tsy maintsy mitongilana izany. "Eran'Ny Tendrombohitro masina rehetra . . . " "Izy no hamorona an'io Hazavana io eo ambonin'io

Tendrombohitra io, ary ho an'ny fiarovana iray izany." Oh, isika dia mihira an'ilay hira hoe:

Oh, io Tanàna eo an-Tendrombohitra Ziona io,
Toa vahiny iray, kanefa dia mbola tiako foana izany;
Ankehitriny sy mandritr'ireo taona ireo,
Rehefa tonga eo amin'io Tanàna eo amin'ny Havoana io aho. Hitanareo?

390 Mariho, teo an-tampon'ny Tendrombohitra Sinay no nidina Andriamanitra, rehefa niresaka tamin'ny Isiraely tao anatin'ny Andry Afo iray Izy. Nidina teo an-tampon'ny tendrombohitra iray Izy, Tendrombohitra Sinay.

391 Teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy, rehefa nanambara Izy hoe, "Ity no Zanako Malalako; henoy Izy," dia nidina tao anatin'ny Andry Hazavana iray sy famirapiratana namiratra Izy, teo an-tampon'ny tendrombohitra, teo anatrehan'i Petera, Jakoba, ary Jaona. Ary, tao amin'izany, dia voaseho niaraka tamin'i Mosesy sy Elia Izy; ilay nakarina, sy ilay maty natsangana. Voninahitra!

392 Ilay Tanàna Vaovao sy ilay Tany Vaovao; ilay famoronana vaovao; ilay Tanàna eo amin'ny Havoana, miaraka amin'ilay Seza fiandrianana eo an-tampon'izany. [Manao kisarisary eo amin'ny tabilao Rahalahy Branham, ho an'ireo andalana vitsy manaraka—Mpand.] Ilay Seza fiandrianana *eto* ambony eto, eo an-tampony; ary ireo mponina, ambony-sy-ambany rehetra, eo ambonin'ity Tendrombohitra ity.

393 Ary ny rindrina izay manodidina an'ity, dia nanana fanorenana roa ambin'ny folo. Ary ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nanana an'ilay vato teo an-tratra izay tao amin'i Arona, izay maneho an'ireo foko roa ambin'ny folon'ny Isiraely.

394 Ary, teo amin'ny vavahady, dia nanana vavahady efatra izy ireo voapetraka marina mihitsy tahaka an'ilay tempoly tany an-efitra, tahaka an'ilay tranolay izay tany an-efitra. Mariho fa ny tsirairay avy, dia nanana—nanana an'ireo apostoly, telo isaky ny lafiny, ireo apostoly roa ambin'ny folo. Ny tsirairay . . . Ary izany dia efatra amby efapolo amby zato hakio ny hahavony. Ny efatra amby efapolo amby zato hakio dia enina ambin'ny folo sy roanjato dian-tongotra marina tokoa, izay manao ny tsirairay avy amin'ireo vato goavana ireo ho saiky roapolo dian-tongotra ny habeny, ilay saron-tratra teo amin'io vavahady io, manao an'io rindrina izay manodidina an'ilay Tanàna io.

395 Ankehitriny izy, ilay Tanàna, dia tsy mipetraka eo an-tampon'ilay rindrina, satria ny tanàna iray, izay dimanjato sy arivo maily, dia tsy afaka hanao an'izany. Ilay rindrina *eto* no idiranareo ao, tahaka an'ireo vavahadin'i Jerosalema fahiny. Miditra eo amin'ny rindrina ianareo, miditra ao amin'izany.

396 Ary ny tsirairay avy amin'ireo, dia nanana fanorenana roa ambin'ny folo, ary ny tsirairay avy dia nanana emeralda sy vato samihafa, izay naneho an'ireo foko roa ambin'ny folon'ny Isiraely.

397 Ary ireo apostoly, ny tsirairay, teo ambonin'io vavahady goavana, perla mafy anankiray io, dia nisy ny anaran'ny apostoly iray. Ary tsy nilaza ve Jesosy hoe, "Hipetraka eo amin'ny seza fiandrianana roa ambin'ny folo ianareo, hitsara ny foko roa ambin'ny folon'ny Isiraely"? Iza no mipetraka eo amin'ilay vavahady, mba hitsara, rehefa miditra ao amin'ilay Tanàna izy ireo? Oh, oadray! Eo ianareo izao. Ireo mpanjakan'ny tany izay miditra ao amin'ilay Tanàna, no tonga eo anatrehan'ilay mpitsara apostolika, araka ny nampanantenain'i Jesosy. Oh, oadray!

398 Eo ambonin'io Seza fiandrianana io, eo an-tampon'izany, dimanjato sy arivo maily ny hahavony, no hahitan'izao tontolo rehetra izao an'ilay Hazavan'izao tontolo izao, Jesosy, mipetraka eo ambonin'ny Seza fiandrianana eo an-tampon'izao tontolo izao, ny tampon'ilay Fiangonana, ny tampon'ny Tendrombohitra Ziona; izay dimanjato sy arivo maily, antsasaky ny haben'ny Etazonia, ary miakatra avo hany ka afaka mahita Azy manerana an'izao tontolo izao ianareo, dimanjato sy arivo maily ny hahavony.

399 Ary ny ambony-sy-ambany rehetra *eto*, no hisy ny Navotana. Hisy trano volamena madio ao. Hisy arabe malalaka ao, sy vala, ary saha. Ary tonga ilay Reniranon'Aina, mikoriana avy eo amin'ilay Seza fiandrianana, ka mandeha mandalo ao amin'ireo hantsana kely ary, oh, mankeo amin'ireo toerana fipetrahana. Ary hamony ao amin'ny tokontany rehetra ilay Hazon'Aina; ary hitondra an'ireo Voany, indroa ambin'ny folo isan-taona, voa miova iray isam-bolana.

400 Ary hiditra ao ireo mpanjakan'ny tany ka hitondra ny hajany. "Ary ireo ravina dia ho an'ny fanasitranana ny firenena," rehefa miaina am-piadanana any ireo mpanjaka. Rehefa mivoaka izy ireo, dia mitango hazo iray, ravina iray tahaka an'*izao*. Tahaka an'ilay voromailala izay niverina, hoe efa nitsahatra ny fahatezeran'Andriamanitra, ary nitondra an'ilay ravin-kazo maitso tao anatin'ny sambofiara. Noho izany rehefa miainga ilay mpanjaka, amin'ny fitondrana ny voninahiny ao amin'ilay efitry ny Ampakarina ao amin'ilay Tanàna eto, dia hihazona ravina iray izy ho an'ny mpanjaka namany, ary, "Miadana mandrakizay isika." Amena! Fanasitranana ny firenena! "Milamina ny rehetra. Indray mandeha isika dia niady ho an'ny ràn'ny hafa, rahalahy. Ary tia fatratra isika, sy niantsoantso; ary nitifitra, sy nandoro an'ireo ankizy, sy ny sisa. Fa ankehitriny dia misy ny fiadanana, ny fanasitranana." Tsy fanasitranana ny aretina; efa vita daholo izany. Fanasitranana ny firenena! Amena!

401 Tanàna miaraka amin'ny Seza fiandrianana eo an-tampony. Apokalypsy 21:23, "Ary tsy mila hazavana izy ireo, fa ny Zanak'ondry sy ny Tompo Andriamanitra no Hazavany." Hitanareo? Ny Tompo Andriamanitra io Andry Afo izay nanaraka ny zanak'Isiraely nanerana ny an-efitra io. Ary niakatra teo amin'ny Seza fiandrianana Izy, ao amin'io Fanjakana tanteraka io . . . rehefa ny fotoana . . . "ilay Fanjakana izay tsy maintsy hatolotr'i Jesosy ho an'ny Ray, mba hahatonga an'Andriamanitra ho ny rehetra, sy ao amin'ny rehetra." Mipetraka eo ambonin'Ny Seza fiandrianany Jesosy eto, tahaka an'i Josefantsika. Ary ilay Mpanjaka io Hazavana izay ho eo an-tampon'ny Tendrombohitra Ziona io, ary Ny Hazavany masina dia hanenika an'ilay Tanàna manontolo. Haleloia!

402 Dimanjato sy arivo maily ny hahavony, ary dimanjato sy arivo maily tora-droa, miaraka amin'ireo paradisan'Andriamanitra voaorina manerana an'io Tanàna rehetra io; làlam-be, arabe malalaka! Vakio ny Apokalypsy 21 anareo, jereo raha tsy marina izany. Hitanareo, "Tsy mila hazavana izy ireo ao, fa ny Zanak'ondry no Hazavana." Ary azo jerena eo amin'ilay Seza fiandrianana, mipetraka, ny dimanjato sy arivo maily.

403 Izany dia tsy miakatra mahitsy tahaka an'*izao*. Izany dia mitongilana, tahaka ny pyramida. Raha ho antsasaky ny halavirana ilay izy, amin'izay fotoana izay dia saiky hiakatra tahaka an'*izao* izany, hitanareo, avy eo amin'ny tanàna iray mankany amin'ny hafa . . . ankehitriny raha hahamarika ianareo, avy eo amin'ny ilany iray an'ilay Tanàna mankany amin'ilay iray hafa.

404 Afaka mampiditra zavatra kely iray aho eto raha tianareo ny hanaovako azy. Efa mba voamarikareo ve ilay vondrona kely eto? Izany dia saiky ity ampahany ity, ny faribolana izay rakofany. Georgia, California, hatrany Saskatchewan; manomboka any Kansas, hatrany amin'ny morontsiraka feno vato an'i Maine; izany no tafangona. Izany no saiky voaseho mihitsy eto, eo amin'ny dimanjato sy arivo maily tora-droa.

> Oh, tonga avy any Atsinanana sy Andrefana izy ireo,
> Tonga avy any amin'ny tany lavitra izy ireo;
> Mba hifety miaraka amin'ny Mpanjakantsika; hihinana . . . (Eo amin'ny inona? "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona." Ny Mofo, Teny!) . . . hihinana amin'ny maha-Nasainy;
> Voatahy toy ny ahoana ireo mpivahiny ireo!

Eto amin'izao tontolo izao, tsy maintsy lazaiko, hoe tsy mbola nahita olona tahaka azy ireo mihitsy aho.

Oh, mandinika ny Endriny masina
Mamirapiratra amin'ny Hazavana avy any Andanitra;
Mpandray anjara sambatra amin'ny Fahasoavany,
Hamiratra toy ny vatosoa eo amin'ny Satroboninahiny.

Oh, ho avy tsy ho ela Jesosy,
Hifarana ireo fahoriantsika amin'izay fotoana izay.
Oh, ahoana moa raha ho tonga amin'ity fotoana ity ny Tompontsika?

405 Tsy ho ela izany. Tanteraka ny zavatra rehetra. Arajeografia, Sodoma, ireo iraka; ny zavatra rehetra dia mipetraka tsara marina mihitsy. Hitanareo? Inona no dikan'izany? Eritrereto fotsiny, tonga eto amin'ity tabernakla kely ity, dimanjato sy arivo maily tora-droa, avy amin'ilay refy iray ihany.

406 Nahoana Andriamanitra no tena nieritreritra sy niahy betsaka mikasika an'io toerana kelin'i Palestina io, hitanareo, nefa dia pentina kely iray fotsiny izy? Saingy ao mihitsy no mipetraka ilay tempoly. Eo no hitsanganan'ilay Jerosalema Vaovao, eo mihitsy. "Oliva, hitresaka ny Tendrombohitra Oliva, hisaraka havanana sy havia," azo antoka, rehefa mipoitra miakatra avy ao ambany izy. Tsy, izy ireo dia milaza, fa hipoitra misaraka tahaka an'*izao* izany. Hipoitra miakatra izany, "Amin'izany andro izany rehefa mametraka ny Tongony masina eo ambonin'ny Tendrombohitra Izy." Mariho, eo amin'Ny Seza fiandrianany, dimanjato sy arivo maily ny hahavony!

407 Tsarovy, nanandrana naka fanahy Azy i Satana, indray mandeha, teo an-tampon'ny tendrombohitra iray. Hitanareo?

408 Manana fanorenana roa ambin'ny folo ilay Tanàna Vaovao, araka ny efa nandalovantsika, patriarka roa ambin'ny folo; efatra amby efapolo amby zato hakiho; dia ilay fiarovantratran'i Arona; vavahady perla roa ambin'ny folo, ny anaran'ireo apostoly roa ambin'ny folo.

409 Mitsangana Jesosy, ilay Vatosarona, eo amin'ny Seza fiandrianana, rehefa manisy satroboninahitra Azy ireo Masiny, "ny Mpanjakan'ny mpanjaka, ny Tompon'ny tompo." Ary Izy ilay Vatosarona.

410 Tsy manana an'ilay poketrako aho aty amiko. Fa raha hanamarika ianareo ao anatin'ny poketranareo, raha manana ravim-bola iray dolara ianareo, dia manana ny tombokasen'i Etazonia izy ireo; voromahery anankiray eo amin'ny ilany iray, mihazona lefona, ny fitafiam-piadiana, tamin'izany; ary eo amin'ny ilany hafa, dia misy an'ilay pyramida, miaraka amin'ny maso iray mahita ny rehetra eo an-tampony. Hitanareo, tsy fantatr'izy ireo izay nataony. Ary eo amin'izany dia voasoratra

amin'ny teny Latina, ary ho hitanareo izay lazain'izany hoe, ity no "tombokase lehibe." Tsy fantatr'izy ireo izay nataony. Kaiafa ihany koa dia tsy nahafantatra fa naminany izy.

411 [Manao kisarisary eo amin'ny tabilao Rahalahy Branham—Mpand.] Io ilay Tombokase Lehibe. *Eto* ilay izy, hitanareo, ilay Tanàna. Izany dia tsy kioba fisaka iray tahaka an'*izao*, hitanareo, fa miakatra mihorirana izany mba ho azo jerena. Ary eo ambonin'io Tendrombohitra masin'ny Tompo io, hidina eo ambonin'ny tampon'Ny Tendrombohiny ny Tompo; *eto* Izy. Izany no antony tsy nametrahan'i Enoka an'ilay vatosarona. Hitanareo? Izany no antony tsy maintsy hahatongavan'ilay Vatosarona ankehitriny. Ary hipoitra miakatra ilay Tendrombohitra, ary izany no ho Tendrombohitry ny Tompo.

412 Ary *ato* no honina ilay Navotana. *Ireto*, arabe malalaka sy làla-malalaka, arak'izay naha-izy azy, vala, ary ny Reniranon'Aina no hitarika, handalo eo amin'izany avy hatrany. Koa ny trano rehetra dia ho vita amin'ny volamena mangarangarana. Ary ho vita amin'ny volamena ireo làlambe. Dia ho ao ireo hazon'Aina, ka hitondra voa roa ambin'ny folo karazana. Ary ireo mpanjaka sy lehilahy manan-kaja an'ny tany dia hitondra ny hajany sy ny voninahiny hiditra ao amin'ireo vavahady. Fa tsy hikatona ireo vavahady amin'ny alina, satria tsy misy alina any.

> Ao amin'io Tanàna izay misy ny Zanak'ondry ho Hazavana io,
> Ao amin'io Tanàna izay tsy misy alina ho tonga io;
> Dia manana fonenana iray aho any, izay afaka amin'ny asa mafy sy ny fiahiana,
> Oh, handeha any amin'izay misy an'io Zanak'ondry ho Hazavana io aho.

413 Tsy hitanareo ve fa ireo vohitra, ireo tanàna, ireo trano, ireo toeram-ponenana, dia—dia miresaka ny amin'izany izao ankehitriny izao? Ny zavatra ara-nofo rehetra dia aloka iray.

414 Raiso ny aloka anankiray, eo amin'ny halavirana iray, tahaka ny tànako. Alohan'ny mety hisian'ny—ny pozitifa iray . . . na negatifa iray, dia tsy maintsy misy pozitifa iray. Ary, hitanareo, io aloka io, toy ny hoe manana rantsana roa ambin'ny folo aho, saingy avy eo rehefa mandeha ianareo manao an'ilay izy hifanakaiky miaraka, izany—mifantoka eo amin'ny anankiray izany, ary amin'izay fotoana izay dia manjavona eo amin'ny tànana ilay aloka.

415 Ary izany dia, matetika mihitsy, mihevitra ny olona fa misy Andriamanitra telo na efatra. Mijery lavitra loatra any aoriana ao amin'ireo fanavaozana voalohany ianareo. Hitanareo? Manohiza midina ankehitriny ary, mitadiava, mifantoha mandra-pisian'ny Anankiray. Marina tokoa izany.

416 Ampakarina anankiray no misy; tsy roa ambin'ny folo, anaram-piangonana. Fa Ampakarina anankiray, izany dia ilay Voafidy, nivoaka avy tamin'ny rehetra . . . nivoaka avy tamin'ny—nivoaka avy tamin'ilay tany izay voafidy mialoha ho an'io, ireo izay afaka mahafantatra ny toerany ao amin'ilay Fanjakana.

417 Eo amin'ity Seza fiandrianana ity, jereo, tena avo! Ilay Tanàna Vaovao; miaraka amin'ireo fanorenana; vavahady roa ambin'ny folo; Jesosy, ilay Vatosarona; ireo apostoly, mitsara; ireo foko roa ambin'ny folo.

418 Ilay pyramidan'i Enoka dia tsy mamoaka aloka mihitsy amin'ny fotoan'ny andro. Efa tany Egypta aho, teo amin'ireo pyramida. Tena namboarina ara-jeografia izany, ary ao amin'ireo refin'io sary lehibe ara-jeometria io; ka, tsy mampaninona izay misy ny masoandro, fa tsy misy aloka iray mihitsy manodidina an'ilay pyramida. Hitanareo ve hoe ahoana ilay izy?

419 Ary tsy hisy alina intsony any. Izy eo an-tampon'ilay Tendrombohitra, no manondraka an'izany miaraka amin'ny Voninahiny. Ho eo foana ny Hazavan'Ny Voninahiny. Tsy hisy alina any. Jesosy, ilay Vatosarona!

420 Mariho ankehitriny. Noho izany, dia handeha ao amin'ny Hazavana ilay Navotana. Mihira isika ankehitriny hoe, "Handeha ao amin'ny Hazavana isika, ilay Hazavana mahafinaritra." Misy zavatra anankiray miantso ao anatintsika. "Tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Izany dia satria miandry ilay izy. Hitanareo? Izany ilay toetra, izay tsapantsika.

421 Marina tokoa, io no . . . Vonona ve ianareo? Io ilay Tanàna izay notadiavin'i Abrahama. Hitanareo? Satria mpaminany iray, dia fantany fa tany ho any io Tanàna io. Ny Baiboly no niteny an'izany. Ary nafoiny ilay tanàna izay nipetrahany, ka lasa nandeha izy; jereo hoe lasa taiza izy, tany amin'izay hisy an'ilay izy marina tokoa. Hitanareo? "Nitady Tanàna iray izy Izay Andriamanitra no mpanorina sy mpanao," hitanareo, satria mpaminany iray.

422 Jesosy dia lasa mba hanamboatra, miaraka amin'ireo tànana Masina, Tanàna Masina iray; Tompo-marika Masina, ho an'ny vahoaka Masina iray voavidy, ho an'ny vahoaka iray voafidy mialoha. Lasa nanamboatra Izy.

423 Nitady an'izany i Abrahama. "Ary nilaza izy hoe mpivahiny sy vahiny izy, fa mitady Tanàna iray Izay Andriamanitra no mpanorina sy mpanao." Io mpaminany io, dia nahafantatra fa tany ho any ilay izy! Jaona dia nahita an'izany nidina, fa Abrahama kosa nihevitra hoe tsy maintsy ho efa teto an-tany mihitsy ilay izy tamin'izany fotoana izany. Nahoana? Nihaona tamin'i Melkizedeka izy, ilay Mpanjakan'izany, ka nanome Azy ny ampahafolon-karena. "Izay tsy nanan-dray, na reny.

Tsy nanana fiandoham-piainana na fiafaran'ny fiainana Izy." Nihaona Taminy i Abrahama, ary nandray ny fandraisana teo amin'ilay toerana ara-bakiteny izay hitsanganan'ilay Tanàna mihitsy izy ireo, ilay Tendrombohitra masin'ny Tompo, izay hiainan'ilay Navotana. Oh, oadray!

424 Tsy mijanona mihitsy ilay fotoana. Tsia, ao anatin'ny fotoana isika; afaka kelikely dia handeha any amin'ny Mandrakizay isika.

425 Oh, Tendrombohitra masina! Hisy làlambe volamena mangarangarana any, arabe malalaka; sy trano, ary vala. Raha tianareo ny hamaky an'izany, Apokalypsy 21:18. Ho ao ilay Hazon'Aina; voa roa ambin'ny folo karazana, isaky ny volana iray, no ho entina eo ambonin'izany. Ireo olona izay mihinana an'ireo voa ireo, dia hanova ny sakafo mahazatrany isaky, isambolana.

426 Ary izany dia—izany dia avy . . . ho an'ireo mpandresy irery ihany. Fantatrareo ve izany? Tsy ho an'ireo anarampiangonana izany.

Hoy ianareo hoe, "Izany ve no tianao ho lazaina, Rahalahy Branham?"

427 Ndao isika hamadika ao amin'ny Apokalypsy 2, iray minitra fotsiny, dia hahita an'izany. Apokalypsy 2:7. Ndao jerentsika ankehitriny raha izany tokoa no Fahamarinana na tsia. Apokalypsy 2:7 dia mivaky toy izao.

> Ary *izay* manana *sofina, aoka izy hihaino ny Fanahy . . .*

428 Ankehitriny, tsarovy, tsy miresaka amin'ireo Jiosy Izy ankehitriny. Ity dia ny Fiangonana, ny Jentilisa.

> *Izay* manana *sofina, aoka izy hihaino izay* lazain'*ny Fanahy* amin'*ny fiangonana; Ho an'izay mandresy, dia* izaho no *hamela azy hihinana ny avy amin'ny hazon'aina, izay eo afovoan'ny paradisan'Andriamanitra.*

429 "Ireo mpandresy irery ihany, izay mandresy an'ilay bibidia, mandresy ny marikany," izany hoe ny Katolisisma, Protestantisma, fanaovana anaram-piangonana, "izay mandresy an'ilay bibidia, ny marikany, ny literan'ny anarany." "Hanana zò ho eo amin'ny Hazon'Aina izy, hiditra eo amin'ireo vavahady izay tsy misy na inona na inona izay voaloto hany afaka hiditra ao." Hitanareo? Eritrereto izany. Ankehitriny, iray minitra fotsiny ankehitriny, raha mandeha lavidavitra kely fotsiny isika. Ny Hazon'Aina dia ho an'ireo mpandresy irery ihany.

430 Ireo ravina dia ho an'ny fanasitranana ny firenena. Izany hoe, ireo mpanjaka izay mipetraka ao, dia mitondra an'ireo hajany ao, rehefa mitondra an'ireo hajany ao izy ireo ka mametraka an'izany eo anatrehan'ny Seza

fiandrianan'Andriamanitra. Tahaka an'ilay ety ivelany mihitsy, ireo folo. . . ireo foko iraika ambin'ny folo dia nitondra tao, ny tsirairay avy tamin'izy ireo, ny ampahafolony ho an'i Levy, hitanareo. Rehefa mitondra ny hajany izy ireo ao amin'ilay. . . avy tamin'ilay tany voatahy, ao amin'izany, dia hanakatra avy eo amin'ilay Hazon'Aina, hanapaka ravin-kazo maitso iray. . . na ravin'ny Hazon'Aina iray, ary handeha hivoaka miaraka izy ireo. Tsy misy ady intsony. Ao amin'ny fiadanana ny zavatra rehetra. Ireo ravina dia tsangambato iray, ho an'ny fanasitranana ny firenena.

431 Ilay Hazo iray ihany, tsy tahaka an'i Adama, izy. . . Nisy Hazon'Aina iray tao amin'ny sahan'i Edena, izay azony nihinanana raha tsy lavo izy. Io Hazon'Aina io dia nampahatsiahy azy, foana, fa ny vaovaony. . . hitohy hatrany ny fahatanorany. Hitanareo?

432 Ho tahaka an'izany amin'ireo firenena. Ho an'ny fanasitranana ny firenena ireo ravina; mariho, tsy ny aretina ankehitriny. Hanana an'ireo zo iray ihany izay nananan'i Adama ianareo, tahaka an'ilay ra-. . . voromailala niaraka tamin'ny ravin-kazo maitso, izany dia ny rehetra. . . maka ravina iray ny mpanjaka tsirairay.

433 Mariho, ilay Reniranon'Aina, loharano kely maromaro angamba no manao azy. Ankehitriny, ao amin'io tany io. . .

434 Hamarana ao anatin'ny minitra vitsy mihitsy aho. Ao amin'io tany io. . . Na, hijanona mihitsy aho. *Ity dia* hoe naoty firy no mbola ananany, eo amin'ny pejy telopolo eo ankehitriny. Hia. Jereo.

435 Ao amin'ity—ao amin'ity fiainana ity, dia tsy nahita na inona na inona tena nanala hetaheta afa-tsy ny mankany an-tendrombohitra mihitsy aho ka mahita, araka ny notoriako indray hariva, an'ilay loharano miboiboika, ny heriny manome aina. Reraka ianareo ary mangetaheta, mipetraha eo akaikin'ny loharano tsara iray; lalina izay tsy ahafahan'ireo tsimoka handehanana, lalina an-jatony dian-tongotra ao anatin'ny tany, dia mivoaka miboiboika ny rano madio, tena izy, manome aina. Mankasitraka an'izany isika. Kely izany. Ankehitriny, manana ny loharanony maro ny tany miaraka amin'ny rano mampangatsiatsiaka. Rehefa mangetaheta ianareo ary eo ampahafatesana, dia maka fisotro tsara iray, mangatsiaka avy amin'izany ianareo, izany dia—hanampy anareo mba ho velona izany.

436 Fa jereo hoe avy aiza ity Anankiray ity. Avy eo amin'ilay Seza fiandrianana, eo no isintonany ny heriny Manome aina. Avy ao ambanin'ilay Seza fiandrianan'Andriamanitra, izay ipetrahan'Andriamanitra.

437 Io rehetra io, ity tany rehetra ity, ity tany izay iainantsika ankehitriny ity; ny tsirairay avy, na Kristiana izy na mpanompo

sampy, dia manana tempoly. Efa mba nieritreritra an'izany ve ianareo? Fiangonana, izy rehetra ireo.

438 Fa ity Anankiray ity dia tsy manana mihitsy. Hoy ny Baiboly hoe, "Ary tsy nisy tempoly tao. Fa ny Tompo Andriamanitra sy ny Zanak'ondry no Tempoliny." Ny Zanak'ondry no Hazavana. Ny Zanak'ondry no Tempoly. Ny Zanak'ondry no Seza fiandrianana. Ny Zanak'ondry no Fiainana. Izy io Tempoly io. Hitanareo, ireo tempoly rehetra ireo dia manana zavatra iray izay tompoiny; fa, ao amin'ity Tanàna ity, dia Izy no zavatra. Miaraka amin'ny Olony Izy. Ny Hazavan'Ny Fanahiny no manondraka an'ilay Tanàna pyramida.

439 Tahaka an'i Petera sy Jaona, teo an-tampon'ilay tendrombohitra. Nanarona ny tampon'ilay tendrombohitra ny Hazavana, ary nisy Feo iray niteny, nanao hoe, "Ity no Zanako Malalako."

440 Ao amin'ny Apokalypsy 21:3 sy 4, "Ny tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona." Nanao tabernakely tao anatin'ny olona Andriamanitra, tamin'ny fanavotana azy, tamin'ny alàlan'ireo dingana telo ireo. Ankehitriny dia hanavotra ny tany Andriamanitra ka hanao tabernakely eto an-tany, miaraka amin'ireo Olony avy amin'ny tany, izay Navoakany avy amin'ny tany. Ary lavo tamin'ny alàlan'ny fahotana izy, saingy ny . . . Tsy maintsy namela an'izany handeha Izy. Fa ankehitriny dia nandefa an'i Jesosy Izy hanavotra an'io tany lavo io, ka ampahan'izany isika. "Tsy hisy volo anankiray avy amin'ny lohanareo ho levona." Jesosy no niteny an'izany. Hoy Izy hoe, "Izaho no hanangana azy indray amin'ny andro farany." Hitanareo? Nahoana? Ampahan'ilay tany ianareo.

441 Mahamarika ianareo, nanana an'ilay vazivazy kely aho mikasika ny vadiko niteny tamiko fa veriko ny voloko. Niteny taminy aho fa tsy nahavery ny anankiray tamin'izy ireo aho.

Hoy izy hoe, "Aiza izy ireo?"

442 Hoy aho hoe, "Any amin'izay nisy azy talohan'ny nananako azy." Na taiza na taiza nisy azy ireo, vaingan-javatra iray; na aiza na aiza izy ireo, dia miandry ahy. Hitanareo? Marina izany. Handeha ho any amin'izy ireo aho, indray andro any.

443 Ity vatana antitra ity, miketrona sy mihintsana, ary mihena ny eo amin'ny soroka, no marary eo amin'ny lohalika, ary—ary farina ny ao amin'ny tenda. Mety tsara daholo izany. Afaka mandevina azy ao anatin'ny ranomasina ianareo, fa hamoha ahy ilay Trompetra! . . . ? . . . Eny, tompoko. Hiova isika, indray andro any. Ampahan'ity izao tontolo izao izay navotana ity aho. Eto amin'izao tontolo izao ianareo, saingy tsy misy na inona na inona avy amin'ny *kosmos*. Ao amin'ny laharana hafa iray ianareo, laharana iray navotana.

444 Mariho, "Ho eo amin'ny olona ny tabernakelin'Andriamanitra." Mariho, "Efa lasa ireo zavatra taloha." Io, io zavatra io, dia efa lasa. Midika io fa nidina mba hipetraka miaraka amin'ny olona ny Lanitra. Hitanareo? Mifanoroka ny Lanitra sy ny tany.

445 Mitovy marina mihitsy amin'ilay Voromailala rehefa tonga teo ambonin'ilay ampahan'ny tany, izay Jesosy; vovok'ilay tany Izy, Olona. Andriamanitra, izay tonga avy amin'io tsimok'Aina kely anankiray io, tamin'ny alàlan'ny hery mamorona. Ary ilay Rà izay tao anatin'io...Ny Aina izay tao anatin'io Rà io dia niverina niakatra nankany amin'Andriamanitra, saingy nilatsaka teo ambonin'ny tany ilay Rà, mba hitaky azy. [Mandondòna imbetsaka eo amin'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

446 Noho ilay rà izay nampitaina, avy amin'ilay selan-tsimoka avy tamin'i Kaina, hitanareo; ankehitriny dia miverina Izy miaraka amin'ilay hery mamorona tahaka ny Nanaovany an'i Adama, namorona an'i Adama, dia indro ilay Adama Faharoa. Ary tamin'ny alàlan'io sela vaky eo io, izay (ny fahotana) namakian'i Kaina an'io selan-drà io teo ambonin'ilay marina, hitanareo, ankehitriny io Selan-dRà io...Satria, namono an'i Abela izy, saingy teraka tamin'ny fananahana i Abela.

447 Fa ity Anankiray ity dia tsy teraka tamin'ny fananahana. "Izany dia ny famoronan'Andriamanitra, ny fiandohan'izany," ary Izany no nanavotra ny tany. Ary ny kalsioma rehetra, potasy, solika, hazavana kosmika, izay nanaovana anareo, dia navotana. "Tsy hisy volo iray haratra. Fa Izaho no hanangana azy indray amin'ny andro farany."

448 Inona avy eo? Midina Andriamanitra mba hipetraka eto ambonin'ny tany. Fa, ampahany iray amin'izany Izy, ny Vatany Manokana. Izy no nanangana an'izany ho an'ny fanamarinana antsika, ary nohamarinina tamin'ny finoana an'izany sy ny fanekena an'izany isika. Mariho ao amin'ireo tandindona, Jesosy dia lasa...Ao amin'ny tandindona, dia lasa olona Jesosy; Andriamanitra...na voafidy mialoha haka ny toerany, hanavotra antsika, hanao an'ireo zavatra rehetra ireo ho azo atao.

Mariho, ny any ivelan'ireo rindriny tsara tarehy, an'io Tanàna io.

449 Ankehitriny anananareo ve "ilay Tanàna"? Hitanareo, Tendrombohitra masina iray izany. [Manao kisarisary eo amin'ny tabilao Rahalahy Branham—Mpand.] "Tsy hisy na inona na inona handratra na hanimba eran'ny Ny Tendrombohitro masina, hoy ny Tompo." Tsy kioba iray ilay Tanàna. Izany dia Tendrombohitra iray. Ary ny—ny velarany amin'ny sakany amin'ny hahavony, dia mitovy, hitanareo; dimanjato sy arivo maily amin'*ity*, dimanjato sy arivo maily amin'*itsy*, dimanjato sy

arivo maily ny manodidina rehetra; ary dimanjato sy arivo maily ny hahavony. Noho izany dia Tendrombohitra iray lehibe fotsiny izany, tahaka ny pyramida, ary eo ambonin'ny Tendrombohitra ilay Tanàna. Voninahitra!

450 Eo ianareo izao, io ireo paradisan'Andriamanitra, ny Hazavan'izao tontolo izao, ilay Fanjakana tanteraka. Tsy ny andro fahafito; fa ilay anankiray Mandrakizay! Hitanareo? Tsy ny Arivo taona; fa ilay Tany Vaovao! Hitanareo?

451 Raha mbola mandalo ny Arivo taona izany, dia handalo ny dingan'ny fanamasinany, saingy mbola tsy maintsy dorana foana. Hitanareo? Fa, nanavotra ny olona ny Rà, izany no maneho an'io tsangambato io fa ilay izy dia . . . voaloa ny vidiny, ireo arivo taona ireo. Fa avy eo dia tsy maintsy diovina amin'ny Afo izy; tahaka anareo fotsiny, Solontenany an'io Tanàna io, ilay solontena.

452 Noho izany raha maty ianareo na velona, inona no fahasamihafana ataon'izany? Raha tonga Izy androany, na tonga Izy afaka zato taona, na arivo taona, dia hitsahatra fotsiny aho mandra-pahatongan'ny fiovako.

453 Noho izany, ry lehilahy antitra sy vehivavy antitra, aza kivy. [Manao kisarisary eo amin'ny tabilao Rahalahy Branham—Mpand.] Raha fanehoana iray ianareo *eto* ambony eto, ao amin'ity toetran'Andriamanitra ity; *ity*, Andriamanitra; raha manana an'izany ianareo, raha voaseho *eto* ianareo, ianareo dia tsy afaka . . . Ao amin'ilay Mandrakizay ianareo. Ary raha niampita avy teo amin'ity andro fahafito ity ianareo, ho ao amin'ilay fahavalo, dia miditra ao amin'ilay Mandrakizay amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina, tafiditra ao amin'*Ity* ianareo. Ankehitriny, raha natoky fotsiny teo amin'ny fahatsapana iray ianareo, na ny fitsambikinana ambony sy ambany, na, "Izaho nanao an'*ity*. Mitandrina ny andro fahafitoko aho. Tsy mihinan-kena aho," sy ireo zavatra tahaka an'izany, ho levona izany, na ahoana na ahoana. Hitanareo? Fa *Ity* no ilay Mandrakizay. Hitanareo? Ity no ilay Mandrakizay, ilay Fety aorian'ny fetin'ny tabernakely. Hitanareo?

454 Ny fetin'ny tabernakely no fety farany, ny fety fahafito. Manompo eo ambanin'ny fetin'ny tabernakely isika ankehitriny, ilay taom-piangonana fahafito.

455 Ao amin'ny Arivo taona, isika dia ho eo ambanin'ny fetin'ny tabernakely, indray, ao amin'ilay andro fahafito.

456 Fa, avy eo, aorian'ny andro fahafito, dia manana Fiantsoana Masina iray isika, hiverina ao amin'ilay Mandrakizay. Ahoana? Amin'ny alàlan'ny Anankiray Mandrakizay izay tonga ka nanavotra antsika ary nitondra antsika niverina, mamela antsika hahafantatra fa efa ampahan'*Ity* isika.

457 Ahoana no ahafantaranareo ankehitriny fa ampahany iray ianareo? Satria, izany, ny Tenin'ny ora, ny teny fikasan'ilay

andro. Inona izany? Famerenana anankiray indray mankany amin'ilay andro voalohany, ilay voalohany. "Ary izy no hamerina ny fon'ny zanaka ho amin'ireo ray," mitondra famerenana iray indray an'ilay pentekostista tena izy, fa tsy fahatsapana; ary haneho an'ilay Hazavan'ny hariva, ilay Zanaka iray ihany izay naneho tamin'ny Hazavan'ny maraina, araka ny nampanantenaina ho an'ilay andro. Amena ary amena!

458 Aiza isika, ry sakaiza, aiza isika? Miandry fotsiny ankehitriny ny hivoahana amin'ilay làlana, mba hahavita ny Apokalypsy 11 . . . ho fantatra eo amin'ireo Jiosy; marina izany, ny Fampakarana izay tonga.

459 Diniho, any ivelan'ireo vavahadin'ny rindrina, miparitaka manerana an'ilay Tany Vaovao, dia hitoetra ao amin'ny fiadanana Mandrakizay ireo firenena. Ankehitriny inona? Hitondra ny voninahiny ao anatiny ao ireo mpanjaka manankaja. Tsy hisy fahotana afaka ny ho ao. Tsy hisy vehivavy manapa-bolo intsony hiditra ao amin'io Tanàna io. Hiantoka an'izany aminareo aho. Tsy hisy fanaovana sorta, mpivarotena mahatsiravina mifoka sigara, mpivarotena, na mpandainga, mpanompo sampy, na inona na inona izy ireo, tsy hiditra ao amin'io Tanàna io. Tsia, tapitra daholo izany. Ho lasa ny fahotana. "Tsy hisy na inona na inona handoto ny fahamasinany hiditra ao." Izany no Nolazainy. "Lasa ny zavatra rehetra, mandrakizay."

460 Jereo eny amin'ny sahany sy manodidina ny vavahadiny:

> Halemy fanahy ny bera, ho voafolaka ny amboadia;
> Ary handry hiaraka amin'ny zanak'ondry ny liona;
> Ary ny bibidia avy any amin'ny tany lao, dia hotarihin'ny ankizy iray;
> Hovaina avy amin'ny zava-boahary izay maha-izy ahy aho.

461 Miaraka amin'ity fahafatesana miasa ao amin'ny vatako mety maty ity, miditra ny fahanterana, dia hovaina aho.

462 Efa renareo ve ilay hira? "Halemy fanahy ny bera. Ho voafolaka ny amboadia." Tsy hitsambikina izy, sy hierona ka hiezaka hamono anareo. Handeha hiaraka aminareo eny amin'ireo làlan-kely izy.

Iza no handova an'izany? Ilay Navotana. Ho iza izany?

Mariho, afaka mampianatra anareo amin'ny alàlan'ny tandindona fotsiny aho ankehitriny. Mariho, Rahalahy Lee.

463 Iza no nivoaka teo amin'ilay tany vaovao niaraka tamin'i Noa mpaminany? Ireo izay niditra niaraka taminy tao anatin'ilay sambofiara. Marina ve izany? Izany no mandeha eo amin'izany. Hitanareo? Ireo izay niditra niaraka tamin'i Noa, tamin'ny

alàlan'ny hafany, no hany nandeha teo ambonin'ilay tany vaovao taorian'ny batisan'ny ranony.

464 Ilay hany mandeha miaraka amin'i Jesosy ankehitriny. Ahoana no idiranareo ao Aminy? Amin'ny Fanahy iray; ary Izy no Teny. Lasa Ampahany ianareo. Ampahany inona Aminy ianareo? Ny Teny izay velona amin'izao ora izao, mahafantatra. Hivoaka hiaraka Aminy ianareo ao amin'ny Arivo taona. Izany rehefa mivoaka ianareo. Mariho, tsy taranaka vaovao iray. Famindràna iray!

Hoy ianareo hoe, "Oh, Rahalahy Branham!" Oh!

465 Mariho, raha nanangana an'i Elia Andriamanitra ka nampakatra azy, dimanjato sy arivo taona lasa izay, mba hamindra azy hiverina eto an-tany indray, mba ho mpaminany iray ho an'ireo Jiosy, tsy mihoatra noho izany ve ny Ahafahany manao an'ilay Ampakarina!

466 Rehefa avy nivoaka tao amin'ny sambofiara i Noa, mariho izay nolazaina tamin'i Noa rehefa avy nivoaka avy tao amin'ilay tondra-drano izy, tahaka ny tamin'i Adama taloha fotsiny. Rehefa avy nivoaka izy, teo amin'ilay tany vaovao; dia voalaza hoe, "Mihabetsaha ary mamenoa ny tany," taorian'ilay tondra-drano. Mariho, "tsy maintsy ho namokatra izy, hameno ny tany," tahaka an'i Adama tany amin'ny voalohany.

Ankehitriny dia afaka mahita marina tokoa ianareo eto. Henoy tsara mihitsy ankehitriny.

467 Adama dia tsy maintsy "nihabetsaka ary nameno ny tany." Marina ve izany? Noa dia, taorian'ilay vaovao, (rava izao tontolo izao), dia tsy maintsy "nihabetsaka ary nameno ny tany." Azonareo ve ilay izy? Ankehitriny dia tsy mety ho hitanareo ve hoe inona ilay "taranaky" ny menarana? Inona no nameno ny tany? Azonareo ve ilay izy? Eny àry. Hitanareo hoe ahoana no nahatongavan'i Satana hatreo amin'i Eva ankehitriny. Izany no nahatonga ny fahafatesana nanjaka teto an-tany hatramin'izao. Ary ny lanitra, ny tany, ny bibidia, ny rivotra, dia voaozon'Andriamanitra daholo noho izany. Izany ilay ozona, satria Satana no tonga voalohany teo amin'io.

468 Tonga Jesosy mba hanavotra azy indray ho amin'ny Ray. Mba hanaovana an'io, dia lasa ampahan'izany Izy; araka ny vao avy nandalovako. Ary avy amin'io vovoka io mihitsy (ilay naha-ampahany an'i Jesosy, Izy tenany) izay navotana, tamin'ny Alàlany no nanavotana an'ireo toetran'Andriamanitra rehetra niaraka tamin'ny tany.

469 Izy no Teny voambara. Isika izay navotana dia Ampahany. Noho izany, raha afaka mahafantatra ianareo! Hitanareo?

470 Ireo Fariseo dia nihambo fa izany izy ireo. Saingy, hitanareo ilay kisarisariko voalohany, izany izy ireo tamin'ny alàlan'ny ara-tsaina fotsiny ihany. Tsy afaka nahafantatra ny Teny izy ireo

rehefa tonga voaseho teo anatrehany mihitsy Izany. Hoy izy ireo hoe, "Fanahy ratsy iray ity lehilahy ity."

471 Ankehitriny, amin'izao andro izao, dia antsoina hoe mpaminany sandoka isika. Antsoina amin'ny zavatra maloto rehetra izay azo antsoina isika, avy amin'ireo olona mpivavaka, hitanareo, avy amin'ireo olona malaza sy manan-talenta. Hitanareo, tsy mahazo fotsiny izy ireo. Hitanareo?

472 Tsy ampy hanadiovana azy ny batisan'ny ranony; na dia ny azy ireo koa aza. Fanamasinana, avy amin'ny Rà, no nitondra azy niverina, nitaky azy. Fa ny batisan'ny Afo no nanadio azy; tahaka ny nataony tamin'Ny Ampakariny. Tahaka ny fanamarinana, fanamasinana, batisan'ny Fanahy Masina.

473 Tsy nampanantena ny hanangana firazanana vaovao iray mihitsy, araka ny nolazaiko, fa nampanantena hanavotra an'ilay lavo Izy. Ireo izay ny—ny voafidy mialoha, no handova an'izany araka ny Nampanantenainy. Ary Izy no Andriamanitra tsy miova; fantatsika izany.

474 Tsarovy, naka an'i Elia Andriamanitra, taorian'ny fampakarana, ary nampakatra, namindra azy hiverina eo anivon'ny olona, mba haka ny toerana amin'ny mahampaminany iray eo anivon'ny olony; tena tsy ho ela ny Hanaovany an'izany. Ary nitahiry azy, ho velona, nandritr'ireo dimanjato sy arivo taona ireo. Tsy maintsy hiseho indray izy.

475 Mariho indray, nanangana an'i Mosesy tamin'ny maty Izy. Aiza ny fasany? Mety misy olona mahita an'izany ve? Vakio ny Bokin'i Joda. Hitanareo? Satana . . . Ilay Arikanjely izay nifamaly tamin'ilay arikanjely, Satana, dia nilaza, tsy sahy . . . "ny Tompo anie hananatra anao," nifamaly ny amin'ny vatan'i Mosesy. Ary eto Petera, Jakoba ary Jaona fa nitsangana teo nijery azy, teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy, tao amin'ilay tany mihitsy izay tsy maintsy itsanganan'ilay Tendrombohitra mba hitoerana. Hitanareo?

Ary tonga Izy hanavotra azy.

476 Hitanareo, nisy ny Fiangonana nampakarina tamin'izay fotoana izay, voaseho; nisy ireo izay nodimandry, voaseho. Aiza? [Manao kisarisary eo amin'ny tabilao Rahalahy Branham, mandritry ny andalana vitsy manaraka—Mpand.] Ao amin'ilay Tanàna; eo an-tampon'ilay tendrombohitra. Hitanareo?

477 Teo i Petera, Jakoba, ary Jaona, nijery; telo, vavolombelona iray. Teo i Elia, Mosesy, ary Jesosy; amin'ny mahavavolombelon'ny Lanitra iray. Hitanareo?

478 Ary teo i Mosesy, ilay maty, efa natsangana. Teo i Elia, ny fampakarana, mbola velona foana. Ary voaseho teo amin'io tendrombohitra masina io izy roa.

479 Ary, Jesosy, ilay Mpanavotra. Rehefa Andriamanitra, teo Amboniny teo tahaka an'*izao*, nanaloka Azy, nanao hoe, "Ity no Zanako Malalako."

480 Tsarovinareo, Jesosy no nilaza, teo amin'ny andro iray talohan'io, hoy Izy hoe, "Lazaiko aminareo marina tokoa, fa ny sasany izay mitsangana eto ankehitriny, dia tsy hahita fahafatesana, mandra-pahitan'izy ireo ny Fanjakan'Andriamanitra amin-kery."

481 Inona izany? Ilay maty nitsangana sy ireo masina nakarina, niaraka, nentina niaraka niakatra hihaona Aminy eny amin'ny habakabaka. Niaraka tamin'Andriamanitra nanaloka Azy, ary nitsangana teo Jesosy tao anatin'io aloka io, nanao hoe, "Ity no Zanako Malalako, ao Aminy no Sitrako hitoerana," ilay lamin'ny Fanjakana Vaovao. Oh, rahalahy, ranabavy!

482 Tsy manova anareo ny fahafatesana. Manova ny toeramponenananareo fotsiny ny fahafatesana. Hitanareo?

483 Tsarovy, Samoela, rehefa maty izy ary efa nalevina nandritry ny roa taona, dia tao Paradisa. Ary niantso azy hiakatra ilay mpamosavin'ny Andora, ka nahafantatra azy i Saoly; ary izy dia nahafantatra, ihany koa, ka niankohoka tamin'ny tavany. Tsy niova izy, na kely aza. Mbola ilay Samoela iray ihany foana izy, rehefa avy maty roa taona, ary mbola mpaminany iray foana. Hoy izy hoe, "Rahampitso dia ho lavo ao amin'ny ady ianao, ny zanakao hiaraka aminao, ary amin'ny ora toy izao rahampitso hariva dia hiaraka amiko ianao." Ary izany mihitsy no nitranga.

484 Hitanareo? Ary rehefa miverina i Mosesy, sy Elia, ho an'ny Apokalypsy 11, dia mbola ho mpaminany foana izy ireo. Haleloia!

485 Ary any ankoatra any, ao amin'ilay Tany, ilay Tanàna izay misy ny Zanak'ondry ho Hazavana, dia hahafantatra anao aho, Rahalahy McKinney. Hahafantatra anareo aho, ry oloko, ry firavako eo amin'ilay satroboninahitra. Rehefa tonga avy any Atsinanana sy Andrefana izy ireo, ho any amin'ilay Tanàna; rehefa ny dimanjato sy arivo maily toradroa, hipetraka eo izy, ary ilay Tanàna voaorina efa-joro. Rehefa hipetraka any ianareo ao amin'ilay Tendrombohitra masina, izay misy an'Andriamanitra mipetraka eo ambonin'ilay Tendrombohitra, sy Jesosy eo amin'ny Seza fiandrianana. Ary maneno ilay trompetra volamena rehefa miainga Josefa, mba handeha tongotra mandalo amin'ilay Paradisa, ary handohalika amin'ny lohaliny ireo zanak'Andriamanitra ka hanompo Azy, mahafantatra fa navotana izy ireo. Hitanareo? Amena! Haleloia!

> Matetika dia manina ny Lanitra aho,
> Sy ny voninahitra izay hodinihako Any;
> Fifaliana iray toy ny inona izany rehefa mahita ny
> Mpamonjiko aho,
> Ao amin'io Tanàna volamena tsara tarehy io!

An-dàlana ho any amin'io Tanàna tsara tarehy io aho
Izay namboarin'ny Tompo . . .
[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

486 Nilaza i Isaia, ao amin'ny Isaia 9:6 hoe, "Ary ny Fiadanany sy ny Fandrosoany dia tsy hanam-pahataperana. Ny fanapahana dia ho eo an-tSorony; Ny Anarany dia hantsoina hoe Mpanolo-tsaina, Andrian'ny Fiadanana, ilay Andriamanitra Mahery, ilay Ray Mandrakizay. Ary ny fanapahana dia ho eo an-tSorony; ary ny Fandrosoany sy ny Fiadanany dia tsy hanam-pahataperana." Na dia ireo biby aza dia ao. Oh, oadray!

Halemy fanahy ny bera, ary ho voafolaka ny amboadia;
Ary handry hiaraka amin'ny zanak'ondry ny liona,
Ary ny bibidia avy any amin'ny tany lao, dia hotarihin'ny ankizy iray;
Fa hovaina aho.

487 Hovaina avy amin'ity zava-boahary izay maha-izy ahy ity aho, rehefa tonga izany Andro izany, satria handeha any amin'io Tanàna io aho. An-dàlana ho any amin'io Tanàna tsara tarehy io aho! Tsapako ao amin'ny foko manontolo ankehitriny ilay Hery manavotra.

488 Raha tsy izany ilay izy, amin'izay fotoana izay dia nandany foana ny fiainako aho; nampianatra zavatra mamitaka ny hafa aho. Fa rehefa miondrika aho ka mahita hoe ny teny fikasana izay Nataony ho an'izao andro izao, ary mahita an'Izany voamarina; sy mijery an'ity fiangonana dimanjato sy arivo maily tora-droa mipetraka eto ity, Voafidy iray izay nantsoina avy tamin'ireo anaram-piangonana sy firazanana ary fanekem-pinoana sy ny sisa, miangona miaraka; satria mahita ny Teny manamarina ny Tenany aho, dia fantatro, any ankoatry ny aloky ny fisalasalana anankiray, fa hamiratra eo amin'ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao ireo firavaky ny satroboninahitro, amin'izany Andro izany.

489 Ho avy ny fotoana iray! Ry olona, tsy miangona foana eto isika. Miandry an'io fotoana io fotsiny isika. Izao dia tena, tena tara, saingy Jesosy dia mbola tena, tena akaiky foana. Ary, Ny Voninahiny, mahafinaritra izany. "Ny Anarany dia hantsoina hoe Mpanolo-tsaina." Io Tanàna io, afaka mahita azy ve ianareo? Ao no hitoeran'ny Ampakarina sy ny Mpampakatra, ary tsy hanao intsony indray . . .

490 Ankehitriny, raha mihevitra ianareo fa mahafinaritra rehefa mamily fiara an-jatony maily isika mba hipetraka eto sy hihinana eo amin'Ny Teniny, nefa aloka iray fotsiny ihany izao, dia ho inona rehefa mipetraka ao amin'ilay Tanàna miaraka Aminy isika! Rehefa mipetraka ho mpiara-monina mifanila varavarana aminareo aho, ary rehefa hihinana avy amin'ireo

hazo ireo isika, ary handeha eo amin'ireo làlambe ireo, rehefa handeha eo amin'ireo làlambe volamena ireo isika ho any amin'ilay loharano, hisotro avy amin'ilay loharano, handeha ao amin'ireo paradisan'Andriamanitra, miaraka amin'ireo Anjely manidintsidina eo ambonin'ny tany, mihira an'ireo hira fiderana, oh, ho Andro iray toy ny inona izany! Izany dia mendrika ny rehetra. Toy ny hoe mideza ny làlana, indraindray dia lasa sarotra izy, saingy, oh, ho tena kely izany rehefa mahita Azy aho, tena kely. Ho inona ireo anaran-dratsy sy ny sisa izay lazain'izy ireo, ho inona izany rehefa mahita Azy aho ao amin'io tsara tarehy io, Tanànan'Andriamanitra tsara tarehy?

491 Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

> An-dàlana ho any amin'io Tanàna tsara tarehy io aho
> Izay namboarin'ny Tompoko ho an'ny Azy Manokana;
> Izay misy an'ilay Navotana avy amin'ny taona rehetra
> Mihira "Voninahitra!" manodidina an'ilay Seza fiandrianana Fotsy.
> Matetika aho dia manina ny Lanitra,
> Sy ireo voninahiny izay hodinihako Any;
> Fifaliana iray toy ny inona izany rehefa mahita ny Mpamonjiko aho,
> Ao amin'io Tanàna volamena tsara tarehy io!

492 Tao amin'ny nosin'i Patmo, dia nahita azy i Jaona! [Mitomanim-pifaliana Rahalahy Branham—Mpand.]

493 Jesosy malala, izao fanantenana izao, ny fanantenako dia tsy miorina eo amin'ny tsinontsinona kely, Tompo. Izany no renin'ny foko; io Tanàna io, ilay Mpanjaka lehibe. Andriamanitra, aza avela hisy anankiray ho levona eto, azafady. Enga anie izahay handinika ny fiainanay indray, androany, Tompo, miandry ny Fihavian'ny Tompo. Any, ireo Navotana rehetra, tao anatin'ilay kianja lehibe tao Roma, izay nisy an'ireo Kristiana nohanin'ny liona, dia hivoaka indray ilay vovoka indray andro any!

494 Tsy hisy tokontanim-pasana eo amin'ilay ilan'ny havoana an'ny Voninahitra. Tsy hisy varavaram-pasana hihazona voninkazom-pandevenana iray. Tsy hisy ranomaso hipitika eo ambonin'izany. Tsia, tsia. Tsy hisy baingan-tany hivongovongo. Tsy hisy rivo-mahery hamely azy. Ho be voninahitra ny rehetra ao.

495 Ampio izahay, Tompo. Raha misy anankiray eto . . . izay nantsoina ho any amin'io Sakafon'ny Mpanambady an'ny Zanak'ondry io, io arivo taonan'ny fanjakana Arivo taona io, ary avy eo dia hiditra ao amin'ilay Tanàna rehefa tapitra ny Volan-tantely. Volan-tantely ihany ilay Arivo taona. Avy eo Izy, ny Ampakarina, dia mitondra Ny . . . Mpampakatra dia

mitondra Ny Ampakariny any an-Trano. Izany dia Azy. Ny Mpampakany; Ny Ampakariny. Oh, lasa nanamboatra Trano iray Izy, hatramin'ny naha-lasa Azy voafofo.

496 Enga anie izahay ho marina Aminy Izay ny Teny, fa Izy no Teny. Tsy mampaninona na toy ny ahoana no iezahan'ny hafa hanaraby anay, hihazona anay hanalavitra an'Izany; Tompo, sintony akaikikaiky kokoa aho.

Fa matetika aho dia manina ny Lanitra,
Sy ny voninahiny izay hodinihako Any;
Fifaliana iray toy ny inona izany rehefa mahita ny
  Mpamonjiko aho,
Ao amin'io Tanàna volamena tsara tarehy io!

497 Ilay Fonenana ho avin'ny Mpampakatra sy Ampakarina! Hiverina Izy...[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]...ho an'ilay Sakafon'ny Mpanambady; ho telo andro sy tapany izany. Avy eo dia miverina indray, ao amin'ny Arivo taona, ho an'ny volan-tantelinay. Ary avy eo Izy—hitondra an'ilay Tanàna ho hita Izy. Tahaka ny mpampakatra mitondra ny ampakarina ho amin'ny fahagagany, toy ny ahoana no ijoroan'ilay ampakarina kely amin'ny fahatalanjonana eo raha mijery ny fonenany ho avy izy! Ary amin'ny finoana, androany, Tompo, no ahitanay an'izany any. Ho eto amin'ity tany ity mihitsy izany. Ianao no nampanantena an'izany.

498 Havotana tanteraka Ny Fiangonanao, indray andro any. Ary avy eo dia havotana ny Taninao, ny sisa amin'ireo sombintsombiny. Fa nanavotra ny Olonao aloha Ianao, ireo vatany izay vita avy tamin'izao tontolo izao.

499 Ampio izahay, Andriamanitra. Raha misy anankiray eto izay tsy manana antoka an'izany marina mihitsy, Tompo, dia enga anie izy ireo handray an'izany izao ankehitriny izao.

500 Fantatro fa lava ilay izy ary mafana, saingy, ny olona, tsy hitsangana eto foana isika. Tsy ho pasiteranareo foana aho. Ndao isika hanao an'izany ho azo antoka.

"Misy fomba iray ve, Rahalahy Branham?"

501 Eny, aoka ho lasa ampahan'ny Teny, ampahan'ny Tenin'izao andro izao. Tsy mety ho ampahan'ny Tenin'ny andron'i Mosesy; efa vita io ampahany io, izany no tongotra. Eo amin'ny Loha isika izao. Ity dia Kristy. Tsy andron'ny sandry, tany amin'i Luther tany, tsia. Ity no andron'ny Loha. Kristy, ilay Vatosarona, tonga eo amin'ilay Vatana.

502 Raha tsy mahatsapa marina mihitsy an'izany fotsiny ianareo, na aiza na aiza ahavitanareo, dia hanangana ny tànanareo ve ianareo mba hahafahako mahita fotsiny. Aoka ny olona hafa rehetra hihazona ny lohany miondrika. Andriamanitra hitahy anareo.

503 Manaova hoe, "Tsarovy ao amin'ny vavaka aho, Rahalahy Branham. Te-ho any mafy aho! Izaho—tsy te ho diso an'izany aho, Rahalahy Branham. Izaho—mandinika aho, manao ny zavatra rehetra azoko atao aho, fa mivavaha ho ahy ankehitriny, sitrakao ve?" Andriamanitra hitahy anareo.

504 Raha mbola eo am-pieritreretana an'izany ianareo ankehitriny, dia mivavaha fotsiny, manaova hoe, "Andriamanitra . . . " Ao anatin'ny fonareo manokana izany. Hitanareo, raha mahatsapa zavatra iray misintona mafy ianareo, mangitsingitsina ao amin'ny fonareo, izany ilay izy. Izany ilay toetra miezaka manambara ny tenany.

An-dàlana ho any amin'io Tanàna tsara tarehy io aho
Izay namboarin'ny Tompoko ho an'ny Azy Manokana;
Izay misy an'ilay Navotana avy amin'ny taona rehetra
Hihira "Voninahitra!" manodidina an'ilay Seza fiandrianana Fotsy.
Matetika aho dia manina ny Lanitra,
Sy ireo voninahitra izay hodinihako Any;
Fifaliana iray toy ny inona izany rehefa mahita ny Mpamonjiko aho,
Ao amin'io Tanàna volamena tsara tarehy io!

505 Ray any An-danitra, raiso izahay ankehitriny, Tompo. Aoka ilay Mpiandry ondry Lehibe, ilay Mpiandry ondry Manavotra Lehibe, ilay Mpiandry ondry Lehibe Izay nandao ny Voninahitra, nahafantatra fa very tao amin'ireo lohasaha lehiben'ny fahotana ny sasany amin'ireo toetra, ka ireo lopa sy ireo—ireo biby dia handrapaka tsy ho ela an'io ondry kely io; saingy Nilaozany ireo lalantsara volamena, nidina teto an-tany ary natao ho isanay, mba Ahafahany hanambara ny fitiavan'Andriamanitra aminay. Teo no Nahitany azy ireo, ny sasany amin'izy ireo dia tany anatin'ireo anaram-piangonana, ny sasany amin'izy ireo dia tany anatin'ny trano ratsy laza, ny sasany amin'izy ireo teny an-dàlambe, jamba, ny sasany amin'izy ireo teny amin'ny fefy sy làlana malalaka, saingy Izy no nanavotra ny tsirairay avy izay efa notendren'ny Ray Taminy mba havotana.

506 Ary naniraka anay Izy, mba hiainanay an'io ampahan'ny Teny ho an'ny taonanay io. Ary hitanay ilay fanavaozana lehibe an'i Luther, tao amin'io taona io; sy ny an'i Wesley; ary ny an'ny Pentekotista. Miandry ny Vatosaron'ilay Tanàna izahay ankehitriny. O Andriamanitra, fantatray ilay taona sy ny teny fikasana izay nomena anay ho an'ity andro ity, ahoana fa tsy maintsy averina indray Ity. "Hanamasaka ny voan'izany ilay Hazavan'ny hariva. Ary izao no hiseho fa hisy andro iray izay tsy azo antsoina hoe andro na alina, azo antsoina, fa amin'ny andro hariva dia hisy Hazavana."

507 Ilay Zanak'Andriamanitra be voninahitra iray ihany no maneho ny Tenany ao amin'ny nofon'olombelona eto an-tany, manao ny teny fikasana ho velona amin'ny tenany marina tokoa, nohajambaina teo amin'ny mason'ireo Fariseo sy Sadoseo ary Herodiana, sy ny sisa.

508 Ary miverina indray izany amin'izao andro izao, ny Teny lasa voaseho tahaka Azy tamin'izany mihitsy. Ny Teny, mahafantatra ny tsiambaratelon'ny fo, mitovy amin'izay naha-izy azy marina mihitsy, araka ny nolazain'ny Soratra, izay tsy azo foanana. Ampio izahay, Andriamanitra, mba hahafantatra an'izany.

509 Ampio ankehitriny ireo izay nanangana ny tànany. Enga anie izy ireo hanery henjana kely kokoa; hampikiraro ny tenany amin'ny Filazantsaran'ny fiadanana; hitafy ny fiadian'Andriamanitra feno; hanatsofoka ny fiarovan-doha; handray ny ampingan'ny finoana; handroso mankany aloha, manomboka androany. Ekeo izany, Tompo.

510 Afaka kelikely fotsiny, dia hantsoina izahay, amin'izay fotoana izay dia tonga ny Fampakarana. Vondrona bitika kely fotsiny, tahaka an'i Enoka, no hakarina.

511 Avy eo, "ilay sisa nanamborana avy amin'ny taranaky ny vehivavy, izay mitandrina an'ireo didin'Andriamanitra," ireo Jiosy, "izay manana ny filazana an'i Jesosy Kristy," ny Jentilisa, dia ho hazaina tahaka ny alika, "ka hanome ny ainy ho an'ny filazany."

512 Amin'izay fotoana izay, amin'ny maraina lehibe iray, ilay fiposahan'ny Arivo taona, satria ny—hanomboka ny Volantantely.

513 "Ary amin'izay fotoana izay dia tsy velona ny sisa amin'ny maty mandra-pahatongan'ny faran'ilay arivo taona." Avy eo, amin'ny faran'ilay arivo taona, dia nisy ny Fitsarana iray, maneho fa tao anatin'ilay sambofiara i Hama. Ary mbola ao anatin'ilay sisa nanamborana foana i Hama. Ireo izay nandre an'Izany ka nandà an'Izany dia tsy maintsy hotsaraina.

514 Ankehitriny, ekeo izany, Tompo, mba tsy ho isaina eo anivon'izy ireo izahay, fa ho ao amin'ilay antso ho any amin'ny Sakafon'ny Mpanambady. Satria, tena mahafantatra an'i Jesosy eo anivonay izahay androany. Hiditra hiaraka Aminy izahay; mivoaka avy amin'izao tontolo izao, ho ao Aminy. Avelao izahay handeha handroso ao amin'io Tanàna io, hivoaka miaraka Aminy.

515 Miha-antitra aho, Tompo. Tsy manana toriteny betsaka ho toriana intsony aho. Fa matoky Anao tokoa aho. Mitady an'io Tanàna io aho, tahaka ny nataon'i Abrahama raiko. Misy Zavatra ao anatiko miteny amiko fa avy izany. Miezaka hatraiza hatraiza aho, Tompo, ny hanaparitaka an'ilay Hazavana ka miantso azy ireo. Aza mamela ny anankiray amin'ireo, Tompo . . .

516 Tsara tarehy toy ny ahoana, vao teo, no Nanambaranao an'izany tamiko. Avy eo amin'ilay faribolana eo amin'ny dimanjato sy arivo maily, anankiray fotsiny *eto* sy *etsy*, no ipetrahanay miaraka androany, izay mivory eo amin'ny toerana kely iray, miandry an'io Tanàna io hiseho. Manambara izahay fa mpivahiny sy vahiny izahay. Voaroaka izahay. Ny mpanompo sampy, izao tontolo izao, dia mihomehy sy maneso; ireo anarampiangonana ara-pivavahana dia manala baraka; fa tsy mihetsika amin'ny zavatra tahaka an'izany izahay. Ataovy ampahan'ny Teny izahay, Tompo, tsy azo hetsiketsehana. "Izao no hiseho amin'ny andro farany." Enga anie ho izahay izany, Tompo, enga anie izahay ho voaisa eo anivon'izy ireo. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

517 Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."] Ndao isika hanangana ny tànantsika tahaka an'*izao*.

An-dàlana ho any amin'io Tanàna tsara tarehy io aho
Izay namboarin'ny Tompoko ho an'ny Azy Manokana;
Izay misy an'ilay Navotana avy amin'ny taona rehetra
Hihira "Voninahitra!" manodidina an'ilay Seza fiandrianana Fotsy.
Matetika aho dia manina ny Lanitra,
Sy ireo voninahitra izay hodinihako Any;
Oh, fifaliana iray toy ny inona izany rehefa mahita ny Mpamonjiko aho,
Ao amin'io Tanàna volamena tsara tarehy io!

518 Ankehitriny, raha tsy maintsy honina miaraka ao amin'io Tanàna io isika, dia raiso fotsiny ny tànan'ny olona, manaova hoe, "Andriamanitra hitahy anao, ry mpivahiny. Avy aiza ianao? Louisiana, Georgia, Mississippi? Izaho dia mpivahiny iray, ihany koa. Mitady an'io Tanàna io aho."

519 Mitady an'io Tanàna io aho, Rahalahy Neville, any. Handeha ho any isika . . .? . . . Rahalahy Capps, mitady an'io Tanàna io aho, mbola, izao hariva izao. [Manomboka misamonomonona ny *Tsy Misy Fahadisoam-panantenana* Rahalahy Branham—Mpand.]

Sy ireo voninahitra izay hodinihako Any;
Fifaliana iray toy ny inona izany rehefa mahita ny Mpamonjiko aho,
Ao amin'io Tanàna volamena tsara tarehy io!

Oh, halemy fanahy ny bera, ary ho voafolaka ny amboadia;
Ary handry hiaraka amin'ny zanak'ondry ny liona, oh, hia;

Ary ny bibidia avy any amin'ny. . . dia hotarihin'ny ankizy iray;
Ary hovaina aho, hovaina avy amin'ity zavaboahary izay maha-izy ahy ity, oh, hia.

Oh, hisy fiadanana ho ahy ao amin'ilay lohasaha indray andro any;
Oh, hisy fiadanana ho ahy ao amin'ilay lohasaha. (Marina! Hia!)
Tsy hisy fahoriana intsony, tsy hisy alahelo intsony, tsy hisy olana intsony ho hitako;
Ary hisy fiadanana ho ahy ao amin'ilay lohasaha.

520 Ny Mpanjakantsika tsy hita maso, izao maraina izao, dia ho tonga voaseho. Tsy hijery an'i Bill Dauch sivifolo taona aho. Tsy hijery ahy dimampolo taona ianareo. Fa hovaina aho, amin'izany Andro izany.

Ary rehefa ny bibidia avy any amin'ny tany lao, dia hotarihin'ny ankizy iray;
Fa hovaina aho, hovaina avy amin'ity zavaboahary izay maha-izy ahy ity.

521 Tsy ho faly ve ianareo? Ho lasa ny volo fotsy; ireo soroka milatsaka. Fa ny hatsaran-tarehy, tsy mety maty, no hitsangana ao amin'ny fitoviana Aminy, ny masoandro hamiratra. Oh, mahafinaritra!

. . . ho ahy, O Tompo, mivavaka aho;
Tsy hisy alahelo intsony, tsy hisy fahoriana intsony, tsy hisy olana intsony ho hitako;
Ary hisy fiadanana ho ahy ao amin'ilay lohasaha.

522 Izany no maha-eto antsika. Firy aminareo no mila hery ho an'ilay dia? Ho eken'Andriamanitra ho antsika anie izany! Firy aminareo no marary ao amin'ny vatanareo, miaramila maratra? Roa ambin'ny folo, na mihoatra. Mino ve ianareo fa eto Izy, ilay Mpanjaka tsy hita maso? Ireo zavatra hita maso; ny tsy hita maso dia ataon'ilay hita maso ho voaseho. Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, afa-tsy ilay tena arabatana. Ankehitriny, raha izany No Fanahiny izay nitory an'izao tamin'ny alàlako, dia hanao an'ireo asa izay Nataony fony Izy teto Izy. Oh, mahafinaritra toy ny ahoana!

An-dàlana ho any amin'ilay tany nampanantenaina aho,
An-dàlana ho any amin'ilay tany nampanantenaina aho;
Oh, iza no ho avy sy handeha hiaraka amiko?
An-dàlana ho any amin'ilay tany nampanantenaina aho.

Manerana an'ireo lemaka rehetra mitomandavana ireo
No mamiratra ny Andro Mandrakizay iray;
Ao no manjaka mandrakizay Andriamanitra ilay Zanaka,
Ary mampisava ny alina.

Oh, an-dàlana ho any amin'ilay tany nampanantenaina aho,
An-dàlana ho any amin'ilay tany nampanantenaina aho;
Oh, iza no ho avy sy handeha hiaraka amiko?
An-dàlana ho any amin'ilay tany nampanantenaina aho.

523 Dimanjato no nandeha tao amin'ilay renirano tany, ny andro voalohany izay nisehoan'ilay Anjelin'ny Tompo ho hita maso, mba hanamarina, tahaka ny Nataony teo amin'ny Tendrombohitra Sinay, izay nihaonako Taminy. Niditra tao anatin'ny renirano aho, ary an-jatony no nihira an'ilay hira iray ihany ho an'ny batisa. Indro Izy tonga, nidina, io Andry Afo iray ihany izay hitanareo ao amin'ny sary ao io; izay nidina, tao amin'ilay renirano teto mihitsy, ka nanao hoe, "Tahaka ny nanirahana an'i Jaona Mpanao-batisa hialoha làlana ny Fihaviany voalohany, dia ity Hafatra ity no hialoha làlana ny Fihaviana faharoa." Hitanareo? Eo ianareo izao, hitanareo.

Oh, iza no ho avy sy handeha hiaraka amiko?
An-dàlana ho any amin'ilay tany nampanantenaina aho.

524 Miaraka amintsika eto ilay Andry Afo iray ihany. Mahalala an'izany ve ianareo? Izy no nanao ny sasany amintsika ho an'ny zavatra anankiray, ary ny sasany ho iray hafa. Raha toa ianareo, tsy misy fisalasalana, ka hino fa eto afovoan'ny tranobe Izy, dia mino aho fa hanaporofo ny Tenany aminareo Izy. Hahafa-po anareo ve izany? Raha tsy afaka maka ny tsirairay avy aho . . . Efa ho amin'ny roa izao, fa raha ianareo . . . Amin'ny iray mahery kely izao, raha ny marina. Raha hino ianareo, dia aoka Izy hidina eo ambonintsika! Aiza ny finoantsika? Hitanareo, tsy maintsy mino an'izany ianareo. Raha tsy misalasala an'izany ianareo, na dia kely aza, dia hiasa izany.

525 Izaho—mahafantatra ny Fanatrehana Masina an'ny Tenan'i Kristy aho, Izay ny Teny. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Ny Teny dia . . . mahery lavitra nohon'ny sabatra roa lela, ary Izany dia mandidy hatrany amin'ny tsokan'ny taolana, ary mamantatra an'ireo fisainana izay—izay ao anatin'ny fo, manambara ny tsiambaratelon'ny fo."

526 Jereo. Nahoana, tsy nahafantatra an'ireo zavatra ireo aho, taona maro lasa izay. Ary rehefa nolazaiko izany, tsy nahafantatra an'ilay izy, dia jereo izay Nataony. Hoy Izy hoe,

"Ankehitriny ho raisinao amin'ny tànany ny olona, ary, aza mieritreritra na inona na inona, teneno fotsiny ilay toetra nolazaina taminao. Lazao hoe fivontosana ilay izy, na inona na inona izany." Avy eo dia nanao hoe, "Izao no hiseho fa tsy mila hanao an'izany ianao." Hitanareo? Hitanareo? "Izany no hamantatra an'ilay tena zavatra izay ao anatin'izy ireo." Efa nanana an'ireo karazana fakan-tahaka rehetra isika, fantatsika izany, saiky hamitahana an'ilay Voafidy raha azo atao. Diniho hoe toy ny ahoana no andehanan'ny sisa amin'ilay zavatra miaraka amin'ny Teny, amin'izay fotoana izay dia ho fantatrareo na marina ilay izy na tsia. Fa, mbola, Jesosy dia mijanona foana ho tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

527 Firy ato no marary, ka mahafantatra fa tsy mahafantatra anareo aho? Atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Izaho—izaho dia mahafantatra fa tsy mahafantatra ahy ianao." Oh, ilay izy fotsiny dia, ataoko, fa hatraiza hatraiza. Ny zavatra tokana tokony hataonareo dia ny mino an'ilay izy fotsiny.

> Minoa fotsiny, minoa fotsiny,
> Ny zava-drehetra azo atao, minoa fotsiny;
> Minoa fotsiny, minoa fotsiny,
> Ny zava-drehetra azo atao, minoa fotsiny.

528 Hoy Jesosy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma, dia ho toy izany koa rehefa ho voambara eto ambonin'ny tany ny Zanak'olona amin'ny andro farany. Rehefa ho voambara ny Zanak'olona, na, hanambara ny Tenany amin'ny andro farany." Ankehitriny, tsy ireo andro voalohany, ireo andro antenantenany; ny andro farany, hitanareo, no hanambara Izy. Ary ao amin'ny andro farany isika ankehitriny. Tafapetraka marina mihitsy i Sodoma, ny zavatra rehetra, ireo iraka, mitovy mihitsy.

529 Inona no nitranga tamin'ilay—ilay sisa nanamborana kely izay nantsoina hivoaka niaraka tamin'ny vondron'i Abrahama? Nisy Anankiray tonga teo anivon'izy ireo, tao amin'ny nofon'olombelona; voaseho tao amin'ny nofon'olombelona, nihinana niaraka tamin'izy ireo, nisotro niaraka tamin'izy ireo, ilay sakafo iray ihany izay nohanin'izy ireo, ny zavatra rehetra. Nitsangana teo anivon'izy ireo Izy, niteny an'ilay Hafatra. Tamin'izay fotoana izay dia hoy Izy hoe, "Hanao an'io zavatra lehibe io Aho."

530 Ary nanohy nandinika i Abrahama hoe, "Ity ve ilay izy? Efa nitady Tanàna iray aho. Ity ve ilay Mpanjaka?"

531 Dia hoy Izy hoe, "Nahoana no nisalasala an'izao i Saraha?" Tao anatin'ny tranolay, Taoriany.

532 Hoy Abrahama hoe, "Tompo Andriamanitra, Elohima!" Satria, namantatra an'ireo fisainan'i Saraha Izy.

533 Jesosy no nilaza fa hiverina indray izany rehefa ho voambara Izy amin'ny andro farany, ilay Vatosarona miditra ao anatin'ilay

Vatana. Mba hanavotra an'ilay . . . Izay ilay navotana, tonga haka ny Azy Manokana. Miaraka amintsika eto Izy.

534 Ankehitriny, misy eo amin'ny tànana roa ambin'ny folo eo fotsiny, na mihoatra, no mitsangana. Mino aho fa afaka manasitrana ny tsirairay avy aminareo Andriamanitra. Marina. Mino aho fa izany ianareo. Tsy mino aho hoe misy olona iray tena afaka hipetraka ao amin'ny toerana iray tahaka an'izao nefa tsy . . . ao amin'izao karazam-potoana izao, sy izao rivotra izao, nefa tsy mahafantatra, mahalala zavatra.

535 Tiako ianareo hivavaka. Tiako ianareo hahita an'izay tsy mety aminareo, ao—ao—ao anatin'ny fonareo, hitanareo, ary avy eo dia manomboha mivavaka, manaova hoe, "Tompo Jesosy, ambarao izany. Izaho dia—miteny Aminao an'izay tsy mety amiko aho. Ary ankehitriny dia aoka Ianao handefa Ny Fanahinao Masina amin-dRahalahy Branham, mba hanatanteraka an'izay nolazainy ho ny Fahamarinana, ao amin'izao Hafatra izay noresahany androany mikasika Anao izao, fantatro fa izany no Fahamarinana. Ankehitriny, ambarao amiko izany, Tompo. Mitenena amiko."

536 Ankehitriny dia miparitaka ilay izy, somary eto sy manodidina. Noho izany dia mivavaha fotsiny, ary minoa amin'ny fonareo rehetra mihitsy, fa hanaiky an'izany Andriamanitra.

537 Ankehitriny dia tiako ianareo hijery ahy, ary hivavaka. Tahaka ny nolazain'i Petera sy Jaona fotsiny hoe, "Mijere anay." Nila zavatra izy, ary teo am-pandraisana an'izany mihitsy izy. Ary mila zavatra ianareo, ka mino aho fa eo am-pandraisana an'izany ianareo. Hoy izy hoe, "Mijere anay."

538 Hoy izy hoe, "Volafotsy sy volamena, tsy manana mihitsy aho; fa izay hananako, no homeko anao."

539 Ankehitriny, ny fanasitranana, tsy manana mihitsy aho. Ao amin'i Kristy daholo izany. Fa izay ananako, fanomezam-pahasoavana iray avy tamin'Andriamanitra, no omeko anareo, finoana mba hinoana Azy. Ankehitriny, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho sitrana anie ny tsirairay avy aminareo. Minoa an'izany. Hitanareo? "Raha mety mino ianao!"

540 Ilay ramatoa mipetraka eo, mijery ahy. Nitomany izy, minitra vitsy lasa izay, nivavaka. Tratry ny aretin'ny amboakelitenda izy izay manelingelina azy. Tsy mahafantatra anao aho. Vahiny amiko ianao. Marina izany, sa tsy izany. [Hoy ilay anabavy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Tsy avy eto ianao. Avy any Chicago. Rtoa. Alexander. Raha marina izany, dia ahofahofaho ny tànanao. Ankehitriny dia miverena any Chicago ary aoka ho salama.

541 Inona no nokasihany? Ilay Zavatra iray ihany izay nokasihan'ilay vehivavy niaraka tamin'ny fitsiha-drà, ny sisin'ny Akanjony, fa tsy ny ahy.

542 Ity misy ramatoa kely iray mipetraka eo anivon'ny vahoaka be mihitsy, raha afaka hanao azy hahazo ahy aho. Ianao izay manatraka ny lohanao mankany amin'ny ilany io. Tsy mahafantatra anao aho. Vahiny amiko ianao, fa mijaly amin'ny aretim-bavony ianao. Mipetraka eo akaikinao ny vadinao. Manana zavatra tsy mety izy ao amin'ny sofiny. Ny anaranao dia Czap. Vahiny amiko ianao. Tsy avy eto ianao. Avy any Michigan ianao. Marina izany, ahofahofaho ny tànanao. Miverena any Michigan, salama. Ny finoanao no manao anao ho sitrana. "Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra."

543 Ramatoa kely etsy miaraka amin'ny areti-tenda, mipetraka eto aoriana eto amin'ny farany mihitsy, avy any Georgia, miakanjo fotsy. Miverena, mankany Georgia, salama. Jesosy Kristy no manao anao ho salama. Mino an'izany ve ianao?

544 Ramatoa mipetraka etsy, mijery ahy, eo amin'ny faran'ny seza mihitsy. Manana aretin'ny taolan'orona izy. Raha hino an'izany izy, dia hanasitrana azy Andriamanitra. Rtoa. Brown, minoa amin'ny fonao rehetra, Jesosy Kristy no hanao . . . Vahiny amiko ianao, fa Izy no mahafantatra anao. Ah-hah. Mino an'izany ve ianao? Atsangano ny tànanao. Marina izany.

545 Mandry eo amin'io fandrian'ny marary eto io. Teneno izy mba hijery mankaty. Efa nijaly izy, nitohy. Raha afaka nanasitrana azy aho, dia ho nataoko izany, tompoko. Tsy afaka manasitrana aho. Tsy avy eto izy; tonga avy any lavitra. Avy any Missouri ianao. Ireo aretinao dia ao anaty. Fa raha hino amin'ny fonao rehetra ianao, ka tsy misalasala, dia afaka manasitrana anao Jesosy Kristy; ary afaka miverina any Missouri ianao, salama, ary hanome ny fijoroanao vavolombelona. Mino an'izany ve ianao? Noho izany dia ekeo ilay izy, ary ento ny fandrianao dia mandehana mody. Jesosy Kristy no nanao anao ho salama.

546 Mino ve ianao? Izany no fanondroana ny Fanatrehan'ilay Mpanjaka Mandrakizay. Mino an'izany ve ianao ankehitriny, amin'ny fonao rehetra? Ankehitriny, Izy tokoa no nanao ny faribolana iray, nanodidina nanerana an'ity tranobe ity mihitsy. Mino an'izany amin'ny fonao rehetra ve ianao? Mino ve ianao fa ao amin'Ny Fanatrehany ianao?

547 Ankehitriny, mino ve ianareo ary manaiky fa iray amin'io solontenan'ny Fanjakana io? Atsangano ny tànanareo. Hoy Jesosy hoe, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana izy ireny." Mitovy isika; ianareo ampahako, izaho ampahanareo; isika rehetra dia ampahan'i Kristy. Ankehitriny, miaraka, dia ndao isika hifametra-tànana.

548 Eto mihitsy, nitsangana ilay vehivavy teo ambonin'ny fandriana, mihetsika manodidina, mandeha mody any an-trano mba ho salama. Amena.

549 Ianareo dia, ny tsirairay avy, sitrana, raha hino an'izany ianareo. Ankehitriny apetraho eo amin'ny iray hafa ny tànanareo, ary ianareo io ampahan'i Kristy io. Mivavaha ho an'ilay olona izay ametrahanareo ny tànanareo, amin'ny fomba izay tianareo.

550 Tompo Jesosy, fantatray fa eto Ianao. Ianao no Mpanjakanay; manondro ny Tenanao eo anivonay Ianao. Misaotra Anao izahay ny amin'izao Fanatrehana izao. Ary, Tompo, hoy Ianao hoe, "Raha milaza amin'io tendrombohitra io ianareo hoe, 'Mifindrà,' dia aza misalasala an'izany; minoa fa hiseho izay nolazainareo, afaka mahazo azy ianareo, afaka mahazo izay nolazainareo ianareo."

551 Noho izany, amin'ny fankatoavana an'izany didy izany, amin'ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra izay tsy mety diso, izahay amin'ny maha-Solontenanao avy any amin'ny dimanjato sy arivo maily tora-droa, tahaka an'ilay Tanàna, dia milaza amin'i Satana izahay, ilay devoly efa resy hoe, "Ny fiafaranao dia hodorana. Izahay no solontena avy amin'io Tanàna izay efa-joro io, ilay Tanàna izay misy ny Zanak'ondry ho Hazavana. Izahay no toetran'Andriamanitra Tsitoha voaseho, izay navotan'i Jesosy Kristy nohon'ny Fahasoavany."

552 Satana, mivoaha, ary mialà amin'ny olona marary rehetra izay ato, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Ireo tànana masina izay efa navotana, satria mino ny Teny izy ireo ary toetran'ny fisainan'Andriamanitra, ankehitriny dia eo ambonin'ny tsirairay ireo tànana ireo. Tsy afaka hihazona azy ireo intsony ianao. Mivoaha, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy!

553 Ankehitriny, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, ankehitriny, eto Izy. Ny Teniny no milaza fa eto Izy. Ny fanatrehanareo sy ny finoanareo no miteny, fa, iray amin'ilay solontena ianareo. Na dia ny fandrefesana ara-jeografia rehetra izay azontsika aseho aza, dia izay ilay izy. Afaka mahafantatra ve ianareo fa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra navotana? Fantatrareo ve fa *ity* no Fonenanareo? *Ity* no handehananareo.

554 Izany no antony ahatongavanareo eto, izany no antony anatonanareo an'i Kristy, mihinana eo amin'Ny Teniny ianareo. Ary raha afaka manana fotoana iray tahaka an'izao ianareo, eto, amin'ny alàlan'ireo Toetrany voaseho fotsiny, dia ho inona izany rehefa miditra ao amin'Ny Fanatrehany isika? Oh, hahafinaritra izany! Ny tsirairay avy aminareo dia manana zò hanasitrana ny marary, hametraka ny tànanareo eo amin'ny marary. Ny tsirairay avy aminareo dia manana zò hanao batisa.

555 Raha misy olona eto tsy natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia misokatra ny dobo.

556 Izany no fomba tokana hanaovanareo azy, ah-hah, marina izany, dia ny mankatò ny Teny rehetra. Tsarovy, lafiny kely anankiray an'ny Teny, tamin'ny voalohany, no nahatonga ny

fahotana rehetra teto an-tany. Hoy Jesosy hoe, “Na iza na iza hanaisotra Teny iray amin’Ity, na hanampy teny iray amin’Izany, dia tsy hiditra.” Miala ao amin’ny Boky ny anarany, vantany vao manao an’izany izy.

557 Ary tsy misy toerana ao amin’ny Baiboly izay hany nisy olona iray natao batisa, tao amin’ilay Fiangonana, tamin’ny fomba hafa afa-tsy tamin’ny Anaran’i Jesosy Kristy. Raha tsy mbola natao batisa tahaka an’izany ianareo, dia tsaratsara kokoa aminareo ny manao an’izany.

558 “Oh,” hoy ianareo, “tsy manao fahasamihafana mihitsy izany.” Nanao izany tamin’i Eva.

559 Hoy Satana hoe, “Oh, azo antoka, Andriamanitra, fantatrao fa Andriamanitra . . . ” Fa, nanao Izy. Izy no niteny an’izany.

560 Izy no nanome an’i Petera an’ireo fanalahidin’ny Fanjakana, ary izay nofehezina tamin’ny Pentekosta dia voafehy mandrakizay. Izany no antony nidiran’ny Ampakarina tao amin’ny fisehoana indray, ilay fanindroany; tsy maintsy hisy Fiangonana iray nantsoina hivoaka avy ao amin’ny andro farany, tahaka ny tamin’ny andro voalohany, marina mihitsy. Avy tao amin’ireo fakany ilay Hazo, niakatra tao amin’ilay Hazo Ampakarina, tahaka ny nataony tamin’izany fotoana izany; sangan’asan’Andriamanitra indray, araka ny nolazaiko Alahady roa lasa izay, mba ho entina ao amin’ilay Tanàna.

Andriamanitra hitahy anareo. “Mino aho ankehitriny.”

561 Resy i Satana. Mahafantatra izy. Eto an-tany izy, ho lasa tahaka ny liona mierona iray. Tsy ho ela izany mandrapahatonga azy, oh, azy ho vita. Fantany ny fotoany. Ho lasa tahaka ny liona mierona iray izy.

562 Fa, tsarovy, mijoro eo akaiky ilay Andrian’ny Fiadanana; ilay Anankiray Masina Lehibe. Ilay Tompo-marikin’ny tenako, ilay Tompo-marika Izay nanorina ahy amin’izay maha-izy ahy, Izay nanorina anareo amin’izay maha-izy anareo, dia eto. Raha ilay Tompo-marika, Izay mahafantatra hoe ahoana no hametrahana an’ilay tranobe miaraka, ny toerany marina, dia iza no mahafantatra tsaratsara kokoa noho ilay Tompo-marika? Ary eto Izy mba hanaporofo, ny Tenany, eto Izy.

563 Ankehitriny mifototra eo amin’ny finoanareo izany. Minoa, minoa fotsiny! Ah-hah.

> An-dàlana ho any amin’io Tanàna tsara tarehy io aho
> Izay namboarin’ny Tompoko ho an’ny Azy Manokana;
> Izay misy an’ilay Navotana avy amin’ny taona rehetra

Hihira "Voninahitra!" manodidina an'ilay Seza fiandrianana Fotsy.
Matetika aho dia manina ny Lanitra (rehefa tapitra ity rehetra ity),
Sy ny voninahitra izay hodinihako Any;
Fifaliana iray toy ny inona izany rehefa mahita ny Mpamonjiko aho,
Ao amin'io Tanàna volamena tsara tarehy io!

564 Tsarovy, ato am-piangonana, rahariva, dia hanolotra ny fandraisana izy ireo. Raha eto amin'ny tanàna ianareo, ka, mbola te-ho avy, dia ho tianay ny hanana anareo. Izany dia fahatsiarovana iray an'izay hohanintsika, indray andro any, miaraka Aminy.

565 Tiako ianareo. Tsy fantatro hoe ahoana no hanehoana an'izany aminareo. Heveriko fa ianareo no siran'ny tany. Ary mandre ny fitondran-tenanareo aho any anivon'izao tontolo izao, koa izany dia manome ahy fahatokisana anareo betsaka.

566 Fa, eritrereto, ity vondrona kely ity dia ho, maha-te-ho tia tahaka antsika, dia hiparitaka, indray andro any. Hanonofy an'izao isika. Fa raha sendra lasa ny iray amintsika alohan'ny hihaonantsika indray, isika dia . . .

Hihaona aminao aho amin'ilay maraina, eo akaikin'ilay renirano mamiratra,
Rehefa foana ireo alahelo rehetra;
Hitsangana eo akaikin'ilay varavarana aho, rehefa misokatra be ireo vavahady,
Eo amin'ny fiafaran'ny fiainana lava, andro mahasasatra.

Hihaona aminao aho amin'ilay maraina, eo akaikin'ilay renirano mamiratra,

Very eo afovoany aho.

. . .-any eo akaikin'ilay renirano, ary, miaraka amin'ny fahatretrehana, hanavao ny olompantatra fahiny;

Hahita anareo aho amin'izay fotoana izay, hahafantatra anareo.

Hahafantatra ahy ianareo amin'ilay maraina, amin'ny tsiky izay entiko,
Hihaona aminao aho amin'ilay maraina, ao amin'ilay Tanàna, izay naorina efa-joro.

567 Tianareo ve izany? "Mandra-pihaonantsika!" Ndao isika hitsangana ankehitriny. *Raiso Eo Aminao Ny Anaran'I Jesosy,* omeo anay ilay feon-kira.

568 Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy mahafinaritra ve Izy? ["Amena."] Mino ve ianareo fa izao no Fahamarinana? ["Amena."]

Mandroso mankany amin'io làlana io ve ianareo, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra? ["Amena."] Mandrapahatongantsika any:

> Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
> Ho ampinga amin'ny fandrika rehetra;
> Ka raha miangona manodidina anao ireo fakampanahy,
> Bitsiho am-bavaka fotsiny io Anarana masina io.

Izay ihany no atao, mandra-pahitanay anareo indray. Eny àry.

> Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
> Ry zanaky ny alahelo sy . . .

[Hoy ny olona iray hoe, "Rahariva?"—Mpand.] Tsia.

> Hanome anao fifaliana sy fiononana izany,
> Raiso izy na aiza na aiza alehanao.

> Anarana sarobidy, O tena mamy!
> Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
> Anarana sarobidy, O tena mamy!
> Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

569 Ankehitriny, tsy maintsy nodinganiko ny Hafatro. Indray andro any, raha sitraky ny Tompo, dia hiverina aho ary hitondra an'ireo "arabe malalaka," ka hitondra an'izany, hitanareo, izay ahafahantsika hanana fotoana betsaka. Efa niantsoantso ianareo mikasika ny tsy nijanonana ela be. Isika dia nanana, androany. Mafana ny andro. Saingy, ankehitriny, Andriamanitra hitahy anareo. Tiako ny mihira tahaka an'izany.

570 Mpiara-monina iray eto, no nilaza, indray hariva rehefa novonoin'izy ireo ny fanamafisam-peo tany ivelany, nanao hoe, "Nahafaly ahy betsaka ilay Hafatra, fa nahoana no notapahinareo ilay fihirana tsara, hitanareo, taty ivelany?" Noho izany, ry mpiara-monina, raha mihaino ianareo izao maraina izao, heveriko fa izahay no manana an'ireo mpiara-monina tsara indrindra izay misy eto Jeffersonville. Mametraka ny fiarantsika eo alohan'ny tranon'izy ireo isika sy ny sisa hafa; tsy miteny na inona na inona mikasika an'izany izy ireo; manohy fotsiny isika. Noho izany, dia misaotra azy ireo isika ankehitriny.

571 Oh, mahafinaritra toy ny ahoana Izy! Homba anareo anie Andriamanitra ankehitriny.

> . . . Anarana, O tena mamy!
> Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.
> Mandra-pihaonantsika . . .

572 Ndao isika hanondrika ny lohantsika. Ny pasitera no hampirava antsika, ao anatin'ny fotoana fohy mihitsy. Homba anareo anie Andriamanitra!

. . .hihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy, (ao amin'ilay Tanàna lehibe, eo amin'ilay Seza fiandrianana),
Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Homba anao anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika.

*Ny Fonenana Ho Avin'Ny Mpampakatra Any An-danitra Sy Ny Ampakarina Eto An-tany* MAG64-0802
(The Future Home Of The Heavenly Bridegroom And The Earthly Bride)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady maraina, 2 Aogositra 1964, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2017 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org